

# **Ahoana no hiatrehana ny fizahan-toetra**

Carlo Brugnoli

Nandika teny: Tovonirina RAZAFINDRAKOTO

## **Fisaorana**

Isaorako eram-po ireo olona rehetra izay nandray anjara tamin'ny fanatontosana ity asa soratra ity, tononina manokana amin'izany ny Mpitandrina Marcel Ziehli, Ramatoa isany Maryline Ansermin, Nathalie Araujo, Suzanne Curchod, Catherine Froehlich, Paula Gilliéron, Béatrice Jomini, Elisabeth Nussbaumer, Jacqueline Schwerzmann, Danièle Stalder, Doris Vuilleumier ary Andriamatoa isany Yves-Pascal Suter sy Luc-Olivier Suter.

Tena saro-bidy loatra ny fiaraha-miasa tamin'izy ireo.

# Fizahan-takila

<b>FISAORANA.....</b>	<b>2</b>
<b>FIZAHAN-TAKILA .....</b>	<b>3</b>
<b>SAVA RANON'ANDO.....</b>	<b>5</b>
<b>FAMPIDIRANA.....</b>	<b>6</b>
<b>SAFIDY SY ANDRAIKITR'ANDRIAMANITRA.....</b>	<b>7</b>
<b>SAFIDY SY ANDRAIKITR'OLOMBELONA .....</b>	<b>7</b>
<b>TSY NATERAKA AO ANATY TONTOLO TSY MOMBA NY ATSY NA NY AROA ISIKA.....</b>	<b>8</b>
<b>ANDRAKITRA MANKADIRY HITONDRA VOKATRA MANDRAKIZAY .....</b>	<b>8</b>
<b>FIZARANA VOALOHANY.....</b>	<b>10</b>
<b>AHOANA NO HIATREHANA NY FIZAHAN-TOETRA MBA HAMPAHOMBY NY FIAINANA .....</b>	<b>10</b>
<b>Fizahan-toetran'ny finoana .....</b>	<b>11</b>
<b>Fizahan-toetran'ny fanilikilihana .....</b>	<b>12</b>
<b>Fizahan-toetran'ny fahombiazana.....</b>	<b>13</b>
<b>Fizahan-toetran'ny fijangajangana .....</b>	<b>16</b>
<b>Fizahan-toetran'ny tsy rariny .....</b>	<b>17</b>
<b>Fizahan-toetran'ny fotoana.....</b>	<b>20</b>
<b>Fahatanterahan'ilay fahitana .....</b>	<b>21</b>
<b>FIZARANA FAHAROA .....</b>	<b>24</b>
<b>AHOANA NO HIATREHANA NY FIZAHAN-TOETRA ARAKA NY FIHAVIANY .....</b>	<b>24</b>
<b>Fizahan-toetra avy amin'Andriamanitra.....</b>	<b>24</b>
Sedrain'Andriamanitra ny fankatoavantsika .....	24
Sedrain'Andriamanitra ny fahatokantsika .....	25
Esorin'Andriamanitra eo amin'ny fainantsika izay tsy mamokatra na izay manaloka ny tena zava-dehibe ...	25
Indraindray dia na manitsy na mitsara antsika Andriamanitra.....	25
Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona .....	26
Rehefa manazava ny antony Andriamanitra .....	26
Famaranana .....	27
<b>Fizahan-toetra miainga avy amintsika.....</b>	<b>27</b>
Nanana toetra tsara i Lota .....	28
Nanao safidy ratsy izy .....	29
Niankina tamin'ny vavaka sy ny fahamasinan'ny hafa izy .....	29
Tsy nanana fahafahana mamantatra izy manoloana ny fanamby ara-panahy.....	29
Fombafomba ivelany fotsiny ny fitoriana Filazantsara nataony .....	29
Nanararaotra ny fahasoavana izy, tsy mahita afa-tsy ny tenany, kanosa, be fanahiana.....	30
Raha tokony hanetry tena izy dia nandositra ny fibebahana sy nandositra ny andraikiny .....	30
Mora drokidrokiana loatra izy .....	30
Famaranana .....	30
<b>Fizahan-toetra avy amin'ny hafa .....</b>	<b>31</b>
Izay mamono ny tena .....	31
Karazana fandrika mahazatra hafa .....	32
Fisainana vitsivitsy avy amin'ny Soratra Masina.....	32
<b>Fizahan-toetra avy amin'ny fahotana .....</b>	<b>33</b>
Ny teny mitondra fitahiana.....	33
Ny teny manimba .....	34
Na mampiorina na mandrava ny tenintsika ny fitondran-tenantsika.....	35
<b>Fizahan-toetra avy amin'izao tontolo izao.....</b>	<b>36</b>
Ilay faralahy .....	37
Ilay lahimateoa .....	38
<b>Fizahan-toetra avy amin'ny devoly.....</b>	<b>40</b>

Satana, rain'ny lainga.....	40
Ny lalana faran'izay sarotra nolalovan'i Joba .....	41
Satana mpangalatra.....	41
Satana mpandringana.....	41
Inona no vahaolana omen'ny Baiboly antsika? .....	42
<b>Fizahan-toetra avy amin'ny fisehoan-javatra .....</b>	<b>44</b>
<b>FAMARANANA .....</b>	<b>45</b>
<b>FAMINTINANA NY BOKY .....</b>	<b>46</b>
<b>TARATASY HO AN'NY MPAMAKY .....</b>	<b>47</b>
<b>FAMPAHAFANTARANA NY BOKY .....</b>	<b>48</b>

## Sava ranon'ando

Teo am-pamakivakiana ireo fehezan-teny mandrafitra ny *Ahoana no hiatrehana ny fizahan-toetra* aho dia nigoka ny torohevitra maro sy sarobidy izay miorina amin'ny etika kristiana. Tena mahakasika ny mpamaky rehetra ity asa soratra ity.

Amin'ny alalan'ireo ohatra avy amin'ny Baiboly izay mbola mifanaraka amin'ny toetr'andro hatrany no anehoany ny tanjona tian'Andriamanitra hotratrarina amin'ny famelany na fampiasany ny fizahan-toetra. Ny fizahan-toetra akory tsy toy ny maritoa natao hikapohana hahafaty, fa manana tanjona manokana dia ny hanorenana ilay olom-baovao nohariana araka ny endrik'i Kristy. Nopotehin'ny ota ny olombelona. Omeo sehatra ary ilay Mpahary hiroso amin'ny fanorenana araka ny fenitra mitondra ho amin'ny voninahitra mandrakizay.

Tsy mahafinatra mihitsy ny sekolin'ny fahorianana. Toy ny manorotoro, manafoana fahasalamana, tanjona, zo ho sambatra izy eo am-piandohan'ny hetsika ataony. Tsara anefa ny mamaritra ny atsoina hoe fahasambarana. Moa ve ny fahasambarana vokatry ny fahatanterahan'izay rehetra iriko, fandresena ny tsy fahombiazako rehetra, fahafaham-pon'ny tombontsoako rehetra? Any amin'ny dingana hafa mihitsy no misy ny fahasambarana. Rehefa voakasiky ny fahasoavan'Andriamanitra, hetsehin'ny Fanahy Masina ny fo dia tsy natao hazavaina intsony ny fahasambarana fa natao hiainana.

Farany, mamolavola ny toetra ny fizahan-toetra, mahatonga ny fitsipi-piaina eo amin'ny fifandraisana ho tonga malefaka, mamelembelona ny fo antra, mitondra ho amin'ny fahatakarana ny fahatsapan'ny hafa, voarakitra ao anatin'ny tontolon'ny fiadanana maharitra ary mitarika ho amin'ny fanetren-tena. Fampaherezana maro, famporisihana amin'ny finoana an'i Kristy, izay ny hazo fijaliana no hany vahaolana tokana manoloana ny fahorian'ny olombelona, no voarakitra ato amin'ity asa soratra ity.

Michel Renevier

Mpitandrina sy mpampianatra mitety toerana.

Mpanoratra ny boky "Fournaise"

## Fampidirana

Teo am-panombohana nanoratra ity asa soratra ity aho no nanehoan'ny vaovao tamin'ny fahitalavitra isan'andro ireo fisehoan-javatra mahakasika ny zava-doza nateraky ny horohoron-tany niseho tany Izmit, Torkia. Trano teo ho eo amin'ny enina alina no nirodana raha mbola tao anaty torimaso ireo mponina tao anatiny.

Andro vitsivitsy dia tafapetraka ny hetsika iraisam-pirenena izay naneho fiaraha-mientana tsy misy toy izany. Na izany aza anefa, tsara ny manamarika, fa nitondra fanoherana mafaitra ity loza voa-janahary ity. Ireo manam-pahaizana tao an-toerana sy maneran-tany mantsy dia nanamarika fa maro ny aina tokony ho voaaro raha toa ka nihevitra manokana ny loza ateraky ny fihetsehan'ny tany mpahazo ity faritra ity ireo orin'asa nanao ny fananganana.

Na dia naneho ny fahamarinan'ny zavatra nambaran'izy ireo aza ny tantaran'ity horohoron-tany ity dia maro ihany koa ireo nihevitra fa ny fainana sy ireo zava-doza misy tsy afa-misaraka aminy dia miseho toy ny horonan-tsary, ka ny seho tsirairay, na ny teo aloha na ny manaraka dia toy ny loza manambana avokoa, na tany amin'ny toerana nisehoan'ity horohoron-tany ity izany na any amin'ny faritra hafa. Raha toa ka marina ity fomba fijery ity, izay mety ho hetsika sy fanantenana rehetra dia toa nofinofy tsy ho tanteraka avokoa. Soa ihany fa ny fijoroana ho vavolombelona ao am-pontsika olombelona lalina ao, ny fahamarinan'ny fanapanahan-kevitra raisintsika isan'andro, ary indrindra ny Soratra Masina amin'ny tontalibeny dia miombon-kevitra maneho ny mifanohitra amin'izany. Ny mpanoratra ny epistily ho an'ny Hebreo ohatra rehefaavy naneho ireo lisitra mahavariana mahakasika ireo *mpanova fiaraha-monina* dia nilaza hoe : « Ary inona koa no holazaiko? Fa ho lany ny andro, raha milaza an'i Gideona sy Baraka sy Samsona ary Jefta aho, Davida koa sy Samoela ary ny mpaminany, izay nandresy fanjakana tamin'ny finoana, niasa fahamarinana; nahazo teny fikasana, nanakombona ny vavan'ny liona, namono ny fidedadedan'afy, **afaka** tamin'ny lelan-tsabatra, raha nalemy dia nampahatanjahina, tonga nahery tamin'ny ady...»<sup>1</sup>

Aseho ho toy ny vahaolana tonga lafatra handresena ny lahatra izay heverina ho tsy maintsy tanteraka sy ny fahakiviana ny finoana voalaza eto; finoana manaiky ny fisian'ilay Andriamanitra tsy voafetra, izay sady misaina no manana sitrapo no manapakevitra ka afaka miditra an-tsehatra amin'ny fomba mahomby eto amin'ny tontolo misy antsika, hatramin'ny fanovana ny faharavana tanteraka ho zary fitahiana.

Raha misy eo amin'ny fainantsika olombelona ireo fanontaniana amin'ny fahatsoram-po tanteraka manao hoe “*fa nahoana?*”, fanontaniana izay eken’Andriamanitra ny ametrahantsika azy, dia misy ihany koa ireo “*satria*” izay natao hohenointsika. Ny zavatra azo heverina fa hiseo dia mety ampidirin’Andriamanitra ao anaty fisehoan-javatra iray isika na mety elingeleniny ka aleontsika mody tsy mihaiino na modimody miseho ho ara-panahy amin'ny alalan'ny fihetsiketsehana samihafa mba handosirana amin'izany. Ny mpivabavaka sy ireo minomino foana, angamba amin'ny alalan'ny fikasana miafina hiala andraikitra dia mandositra izany zava-misy atao’Andriamanitra izany.

Ny tena marina dia miseho amin'ny maha-Ray Azy Ilay Mpahary ny zavatra rehetra. Ray maranintsaina sy marina, Ray tia mampahafantatra ny tenany. Ray izay nanao ny andraikitra tandrify azy, nanao izany tsara ary mangataka antsika hanao ny tandrify antsika amin'ny fanarahana ny ohatra asehony. Eo imasonry dia tsy kilalao isika, fa kosa mpanakanton'ny fianan-koavintsika.

---

<sup>1</sup> Hebreo 11.32-34

## Safidy sy andraikitr'Andriamanitra

Tsara marihina dieny ety am-piandohana, ary tsy amim-pisalasalana na amin'ny fomba miolakolaka no ilazana azy, fa Andriamanitra dia nanana sady mbola manana safidy manokana sy safidy tsitoha izay tsy ananantsika fahefana sady tsy misy andraikitra raisintsika ; inona ary izy ireo ? Tsy nangataka ny hevitsika na tamin'ny fomba ahoana na tamin'ny fomba ahoana Andriamanitra raha nisafidy izay ho ankohonantsika, raha nisafidy ny firenena sy ny vanim-potoana ahaterahantsika sy hitomboantsika ao amin'io ankohonana io. Nanome antsika talenta sy nanomana ny olombelona tsirairay ho amin'ny antso manokana Izy. Izy ihany koa no nisafidy ny taovam-pananahantsika, ny lokon'ny masontsika sy ireo zavatra amanarivony hafa izay mandrafitra ny vatana sy fanahintsika. Tsy misy tompon'andraikitra ny amin'izay nosafidiana teo amin'ny toerantsika na izaho na ianao ary Andriamanitra tsy hitsara antsika mihitsy manoloana ireo. Ny fananana halavanana iray metatra sy enimpolo, ny fahaterahana tamin'ny taona 1985 na ny fananana volo miloko volontany dia sady tsy fahatsarana no tsy faharatsiana.

Maro no tsy faly manoloana ny safidy natao tamin'izy ireo, aleony lolo na voninkazo; ny sasany indray maniry ho toy ireny miaramila mpitaingin-tsoavalny fahiny ireny, na koa teraka tany amin'ny kaontinanta hafa na hanana ankohonana hafa. Andriamanitra anefa dia manambara fa raha tia Azy isika, na toa inona na toa inona ny zava-misy eo amin'ny fainantsika dia hanehoany ny heriny sy ny fahendreny mba hiara-miasaahasoa antsika na inona na inona miseho.<sup>2</sup>

## Safidy sy andraikitr'olombelona

Manoloana ity resaka safidy sy andraikitra ity dia tena zava-dehibe ny hahatakarana fa miantso ny sitrapontsika Andriamanitra mba hampiditra antsika isam-batan'olona sy hampiditra antsika rehetra tsy ankanavaka ao amin'ny planiny sy ny haren'ny fanjakany.

Tao anatin'ny taon-jato rehetra sy manoloana ireo olombelona tsy hita isa nohariana dia manokana izaho sy ianao. Tsy misy mampientanentana toy izany hoe miditra ao amin'ny sehatra nomanin'Andriamanitra ho antsika. Hoy Izy tamin'i Jeremia: "Hatr y fony ianao tsy mbola noforoniko tany an-kibo no efa fantattro, ary hatry ny fony ianao tsy mbola teraka no efa nohamasiniko sy notendreko ho mpaminany ho an'ny firenena."<sup>3</sup> Taorian'ny fiovam-pony dia fantatr'i Paoly fa Andriamanitra efa nify azy ho apostoly fony tsy mbola teraka akory izy.<sup>4</sup>

Mbola ho hitantsika fa ny ota dia tsy inona fa tsy fahatratrarana izany tanjona izany, ary maro no tena tsy nahatratra izany tokoa. Andeha hampatsiahivintsika izay nambaran'i Jesosy tamin'i Matio mpamory hetra: "*Manaraha Ahy*"; nanao izany izy ary tonga apostoly nanoratra ny Filazantsara voalahany; mariho tsara fa **teny mitovy amin'izany**<sup>5</sup> no nambaran'i Jesosy tamin'ilay tovolahy mpanankarena; ity farany kosa, tamin'alahelo no nihodinany taminy. Tsy nandrenesantsika n'inon'inona intsony ny aminy...Ny andraikitra sy tombontsoantsika noho izany dia ny mamantatra ny maha izy antsika, inona no antony namoronana antsika, inona ireo fanomezana sy talenta noraintsika ary ny hiaina miafanaraka amin'izany. Tsy nisafidy ny ho teraka isika, fa misafidy ny hiditra na tsia ao amin'ny lalana izay nomanin'Andriamanitra ho antsika. Manasa antsika Izy ny haneho fahasahiana, fahatokiana, hatsaram-panahy, fahalalahana-tanana sy fahatsarana maro hafa izay nivoaka avy amin'ny safidin'ny fo amin'ny fanarahana Azy. Ireo soa toavina ireo no ho fanalahidy hitantanana miaraka Aminy ny zavatra rehetra eto amin'ny planeta misy antsika.

<sup>2</sup> Romana 8.28

<sup>3</sup> Jeremia 1.5

<sup>4</sup> Jereo ny Galatiana 1.15-16

<sup>5</sup> Matio 9.9, 19.21

## Tsy nateraka ao anaty tontolo tsy momba ny atsy na ny aroa isika...

Misy fahavalo feno herisetra mitady ny fomba rehetra handavoana ny olombelona. Halan'ilay mpanjakan'ny fahamainana isika, mandainga amintska sy mamitaka antsika izy mba hanakanana ny firosantsika, mba hampihenana ny herintsika ary mba handringanana antsika.<sup>6</sup> Asehon'ny Baiboly amintsika ihany koa fa taranaka iray manontolo mihitsy, olona marobe lahy sy vavy avy amin'ny firenena rehetra no voataonan'io fahavalo io na fantany na tsy fantany. **Somary sarotra, mikorontana ary feno fandrika noho izany ny fianana eto an-tany.** Tsy nateraka ao anaty tontolo tsy momba ny atsy na ny aroa isika; feno sakana izay tsy maintsy ianarantsika ny mihoatra azy ny fiainantsika. Eny fa na ireo izay tia an'Andriamanitra aza dia tsy mora ny fisiandy eto an-tany. Tsy foana anefa ny marik'ilay Mpahary; misokatra ho an'ny rehetra ny famelan-keloka avy aminy sy ny fiaingana vaovao; vonona hatrany ny heriny, ny fahendreny ary ny fitiavany ho an'ireo izay mila azy.

Sekoly amin'ny fotoana rehetra ny fiainana; mitondra lesona faran'izay tsara izy, sady feno fandrika tena zava-doza. **Ny hoe mahomby eo amin'ny fiainana dia midika ho fianarana matrika ny fizahan-toetra.** Feno torohevitra mahakasika izany ny Soratra Masina. Azo atao ny milaza fa io lohahevitra io dia voaresaka manomboka amin'ny pejy voalohany ka hatrany amin'ny pejy faran'ny Baiboly. "Maro no hodiovina sy hofotsiana ary hozahan-toetra; fa ny ratsy fanahy kosa mbola hanao ratsy ihany, ary tsy hisy amin'ny ratsy fanahy hahafantatra, fa ny hendry no hahafantatra."<sup>7</sup>

## Andrakitra mankadiry hitondra vokatra mandrakizay

Samy mandalo fizahan-toetra avokoa ny olombelona rehetra, na tsy mitondra fiatrainkany ratsy izany, na sarotra na tena mahery vaika. Na ny fahafatesana aza tsy voatery ho fahorianana lehibe indrindra. Hoy Jesosy: "Ary aza matahotra izay mamono ny tena, nefy tsy mahay mamono ny fanahy; fa aleo matahotra Izay mahay mahavery ny fanahy sy ny tena ao amin'ny helo."<sup>8</sup> Ny fahorianana mafaitra indrindra ho an'ny olombelona noho izany dia ny fahaverezana mandrakizay. Manoloana ity fampitandremana goavana ity, hatrany am-piadiana ka hatramin'ny farany, ny Baiboly dia manindry ny amin'ny fahafahana sy ny tsy maintsy **hiverenan'ny olona amin'ny anto-pisiany voalohany amin'ny fandraisana safidy tsara:** "Miantso ny lanitra sy ny tany aho anio ho vavolombelona aminareo fa efa nataoko teo anoloanao ny fiainana sy ny fahafatesana ary ny fitahiana sy ny fanozonana; koa **mifidiana** ny fiainana, mba ho velona ianao sy ny taranakao."<sup>9</sup>

Ireo mpaminany, ny apostoly ary Jesosy tenany dia samy miara-manambara ny fahafahana sy ny maha-tompon'andraikitra ny olona tsirairay manoloana ny mandrakizainy.<sup>10</sup> Raha ny safidiny no mamaritra izay zava-dehibe indrindra ho azy, dia ny mandrakizainy, manoatra noho izany, moa tsy hitondra fiatrainkany amin'ny fahatsaram-piainany sy ireo zavatra tsy tambo isaina mandrafitra azy ny fanapanahkevitra raisiny isan'andro.

Hifantoka manokana, tsy amin'izay tsy voafehintsika, fa kosa amin'ireo izay natao hotantanintsika sy hovantsika ity fianarana ity. Ho hitantsika ihany koa fa **ny fananantsika ny endrik'Andriamanitra sy ny fahatakarantsika ny teniny dia hitondra fiatrainkany goavana amin'ny fomba fiatrehantsika ny fizahan-toetra.**

Ho fanombohana dia manasa anao aho hifantoka manokana amin'ny tantaran'i Josefa<sup>11</sup>, ilay razam-be fahaefatra teo amin'ny Jiosy izay toa nanjombona tampoka ny hoaviny raha mbola adolantsento

<sup>6</sup> Araka ny Jaona 10.10a

<sup>7</sup> Daniela 12.10

<sup>8</sup> Matio 10.28

<sup>9</sup> Detoronomia 30.19

<sup>10</sup> Jereo ny Ezequia 18.23, Matio 25.31-46, Jaona 3.16, 2 Petera 3.9. Fanomezana madiodio ny famonjena; malalaka ny tsirairay ny handray na handa azy.

<sup>11</sup> Ao amin'ny bokin'ny Genesisy, manomboka amin'ny toko faha 37 no ahitana ny tantarany.

izy. Tsy mba tany amin'ny sekoly notantanin'ireo mpampianatra havanana amin'ny fandinihana tamin'ny fotoan'androny izy, fa kosa tao amin'ny sekolin'ny fainana, dia ny sekolin'ny Fanahy Masina. Io sekolin'ny fainana io no nahatonga azy ho fantsom-pamonjena ho an'ny firenena maro sy ho an'ny ankohonany manokana. Misy itovizany amin'izay lalovantsika amin'ny fainantsika ankehitriny ny fizahan-toetra izay niaiany:

- Fizahan-toetran'ny finoana,
- Fizahan-toetran'ny fanilikilihana,
- Fizahan-toetran'ny fahombiazana,
- Fizahan-toetran'ny fijangajangana,
- Fizahan-toetran'ny tsy rariny,
- Fizahan-toetran'ny fotoana.

Ohatra fakan-tahaka ny safidy nataony tao anatin'ireo zava-tsarotra ireo; fampaherezana goavana ho antsika ny vokatra netin'ny safidy noraisiny.

Hianatra loharanon'ny fizahan-toetra miisa fito isika ao amin'ny fizarana faharoa, miaraka amin'ny vahaolana sy ny torohevitra omen'ny Soratra Masina ho fiatrehana azy.

Ny fizahan-toetra dia mety ho avy

- 1) amin'Andriamanitra,
- 2) amin'ny tena manokana,
- 3) amin'ny hafa,
- 4) amin'ny fahotana,
- 5) amin'izao tontolo izao,
- 6) amin'ny devoly,
- 7) amin'ny fisehoan-javatra.

## Fizarana voalohany

### Ahoana no hiatrehana ny fizahan-toetra mba hampahomby ny fiaianana

Nisy olona niteny hoe : "Arakaraka ny halehiben'ny andraikitra niatsoan'Andriamanitra antsika ny fahelan'ny fotoana anomana ny antsika." Ho an'i Josefa dia naharitra telo ambinifolo taona ary niseho tamin'ny endrika maro loko sy feno sakantsakana izany fanomanana izany.

Nateraka tao amin'ny ankohonana mampirafy izy. Jakoba rainy zanak'i Isaka sy zafikelin'i Abrahama dia nanana vady efatra: Lea sy Rahely izay mpirahavavy ary Zilpa sy Bila izay andevovavin'izy ireo. Nanana zoky lahy folo sy anabavy iray<sup>12</sup> Josefa.

"Toy izao ny tantaran'ireo zanak'i Jakoba. Adolantsento fito ambinifolo taona Josefa tamin'izany. Niandry ondry sy osy niaraka tamin'ny rahalahiny, ireo zanak'i Bila sy Zilpa, vadin'ny rainy izy. Nananao tati-bolana tany amin'ny rainy izay zavatra ratsy ambara mahakasika azy ireo izy. Tian'i Jakoba mihoatra ireo zanany lahy hafa Jakoba satria naterany tamin'ny fahanterany. Nomeny akanjo lafovidy izy. Hitan'ireo rahalahin'i Josefa fa niangaran'ny rainy mihoatra azy rehetra izy. Nankahalain'izy ireo fatratra Josefa hany ka tamin'ny teny mifono fifandonana hatrany no nifandraisany taminy. Indray andro dia nanonofy Josefa. Notantarainy tamin'ny rahalahiny izany ka vao maika nankahalain'izy ireo izy.

- Henoy nynofiko hoy izy: Tany am-pijinjana isika, teo am-pamatorana ny salohim-bary. Tampotampoka teo dia njoro mahitsy ny salohim-bariko, ny anareo rehetra kosa avy nanodidina azy ary niankohoka teo anatrehany.
- Miheritreritra ve ianao fa ho tonga mpanjakanay ary hanapaka anay? Hoy ireo rahalahiny nanontany azy.

Vao mainka nankahalainy fatratra izy noho ny nofiny sy ny fitantarany azy. Mbola nanonofy indray mandeha Josefa ary dia mbola notantarainy tamin'ny rahalahiny ihany koa.

- Nanonofy indray aho hoy izy: tonga niankohoka teo anatrehako ny masoandro sy ny volana ary ny kintana iraika ambinifolo.

Raha manao fampitahana ireo dikan-teny maro isika dia hahita fa misy hantsana manelanelana ny fisainan'i Josefa sy ny an'ireo zokiny. Arakaraka ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vava; ny fiteny ratsy mitarika laza ratsy, ary mbola ho hitantsika tsy ho ela fa natambatry ny eritreri-dratsy ireto rahalahiny. Tao anatin'izany tontolo izany no nitomboan'i Josefa sy nianarany asa. Mety ho moramora kokoa ho azy ny nanaraka volon-tany tamin'ny fanarahana ny ohatra ny manodidina azy, saingy tsy mba tanalahy mora miova loko izy. Isan'ireo sahy njoro ho vitsy izy rehefa ny rariny no voakitikitika. Izay kely no sahy nanohitra sy nitoroka am-pahasahiana ny fihetsiky ny maro an'isa. Ny fijoroany sy ny fitiavana nasehon'ny rainy azy dia zary lasa nitarika fankahalana niha-nahery vaika hatrany.

Ny hafatra avy amin'olombelona izay voarainy isan'andro dia azo heverina ho toy izao: "Mianara miaina sy miteny tahaka anay, ankatoavy izahay ary andao hiaraka aminay!" Saingy hafa tanteraka ny hafatra avy amin'Andriamanitra: "Afaka ny hanohitra ny ohatra ratsy ianao, mianara miaina sy mianara miteny amiko ary midira amin'ny antso izay niantsoako anao." Tsy tian'Andriamanitra ny dika mitovy, raha ny olombelona no asiana resaka (eny fa na ny kambana aza dia manana ny toetra mampiavaka azy avy). Nify ireo fisehoan-javatra ireo Izay hitenenana amin'i Josefa tamin'ny alalan'nynofy in-droa miverina. Io no fotoana izay naha-matoy tao aminy ilay safidy sarobidy izay hitarika ny fiaianana manontolo.

---

<sup>12</sup> Dina. Ny Genesisy 46 anefa dia maneho fa nanana zanaka vavy maro Jakoba. Raha tsy ny zafikelin'ny tiana hambara eto dia nanana anabavy maro Josefa.

Inona no anton'ireo nofy ireo? Ireo no hanome azy fanantenana azo antoka hiatrehany ireo taona maro feno fizahan-toetra izay hataon'ireo olona anjakan'ny fahalovana aminy. Toy ny mpianatra ho mpitsabo izay niari-tory, nanokana ny faran'ny herin'andro hianarana ary indraindray aza niaina fahantrana noho ny faharesen-dahatra fa in-drav andro any dia hanao ny asan'ny mpitsabo any amin'ny firenena izatsy na zaroa, na hifehy fahaiza-manao manokana, dia toy izany koa Josefa, resy lahatra izy fa ny fainany izay eo am-pelan-tanan'Andriamanitra dia hahita ny tena anto-pisiany.

Namakivaky faritra midadasika niaraka tamin'ny biby fiompiny ireo rahalahiny; tsy ho ela dia ho lasa alavitra dia alavitra ny fonenan'ny ankohonany tany Sekema izy ireo. Tamin'ity indray maka ity, noho ny antony tsy fantantsika, Josefa kosa nijanona teo anilan'ny rainy. Hoy ny rainy taminy in-drav andro: "Miandry ondry any Sekema ny rahalahinao. Ao mba hirahiko hankany aminy ianao. Eny ry dada, hoy Josefa taminy."

Tamin'ny faha-fito ambiny folo taonany dia nanana toetra tena manan-danja Josefa dia ny fankatoavana izany. Io no ahafahan'Andriamanitra niaro azy amin'ny lalan-tsarotra izay voaomana halehany. Taorian'ny lalan-tsarotra nihazo an'i Sekema dia tsy maintsy nanohy ny fikarohana hatrany Dotana ilayadolantsento, roapolo kilometatra avy ao Sekema.

Zavatra ratsy tsy nampoiziny no niandry azy teo am-pahatongavana. Hitam'ireo rahalahiny avy alavitra izy ary mbola tsy tonga teny amin'izy ireo akory izy dia efa nisaina ny hamono azy izy ireo. "Iny tamy iny ilay mpanonofy! Hoy izy ireo. Andao araraotina ny fotoana hamonoana azy. Hatsipintsika ao anaty lavadrano ny fatiny dia hataontsika hoe nohanin'ny biby masika izy. Ho hita eo raha ho tanteraka nynofiny."

## Fizahan-toetran'ny finoana

Niatrika fanapotehana sy fanavaozana Jakoba rainy tamin'ny fiarahany nandeha tamin'Andriamanitra; nisokatra tamin'io fiombonana io Josefa ary nanamarika ny fainany sahady izany. Ireo zokiny kosa, tamin'ny alalan'ny laza ratsiny, ny fijery feno fitsiriritana sy ny fankahalany dia naneho fainana tarihin'ny tenany manokana, hetsehin'ny faniriana halaza izay mifototra amin'ny maha-olona fotsiny ihany. Toa tena mihoampampana sady hatrany amin'ny tsinay maintiny ny fankahalan'izy ireo. Tsy noho ny resaka akanjo na fiangarana ihany no nanosika ity fikasana hamono ity, fa fifanoherana lalina izay ifanoheran'ny maizina sy ny mazava. Niseho masoandro ny ady mitohy tsy mijanona ifanaovan'hy nofo sy ny fanahy. Azo antoka fa fantampatatr'izy ireo ny maha-avy amin'Andriamanitra ny fahitana azon'i Josefa; izany indrindra no antony tsy nahazakany azy. Niantefa tany amin'Andriamanitra mivantana ny fanambin'izy ireo, izany no nikasany handringanana azy in-drav mandeha tsy miverina.

"Vatany vao tonga tany amin'ny rahalahiny Josefa dia nosamborin'izy ireo, nendahan'izy ireo ilay akanjo tsara tarehy teny aminy ary natsipiny tao amin'ny lavadrano izy. Maina sy nisy n'inon'inona ilay lavadrano tamin'izay."

Tamin'ny fiafaran'ny dia lavitr'ezaka nataony, nanatanteraka iraka nifamatotra tamin'ny fiahian'ny rainy ireo zanany no nanomboka nisafotofoto ny rivotra. Nanozongozona ny fo sy sain'i Josefa izany ankehitriny, izy izay tao anaty lavaka maizina miandry ny fahafatesana toy ny voalavo voafandrika andavaka. Tsy tambo isaina ireo mpiandry azy iza efa nanopakevitra ny handringana azy. Tsy misy fomba ahafahany mivoaka intsony, na ho amin'ny havia, na ho amin'ny havanana, na avy any ambony, na avy any ambony. Azo eritreretina Satana mibitsika mangina aminy manao hoe: "Hitanao izany fa tsy mitana ny teny nampanantenaindy Andriamanitra; sady mba efa nihevitra ny aminao moa ve Izy? Vita hatreto ny ho avinao, ato no mifarana ny fainanao, tsy haina mihoatra ny fito ambinifolo taona ianao!"

Nipetraka ny nisakafo ireo rahalahiny. "Nahita andiana Ismaelita avy amin'ny tany Gileada nihazo an'i Egypta izy ireo. Nitondra dikin-kazo manitra ny ramevan'izy ireo. (...) Dia hoy Joda tamin'ny rahalahiny:

- Inona no tombony ho antsika amin'ny famonoana ny rahalahintsika na amin'ny fanafenana ny fahafatesany? Tsy aleo amidintsika amin'ny Ismaelita izy, fa aoka tsy hesorintsika ny ainy. Ankohonantsika ihany izy, rahalahintsika izy. Nifanaiky izy ireo. (...) Namidiny sekely volafotsy roapolo tamin'ny Ismaelita izy, ary dia nentin'izy ireo tany Egypta."

## Fizahan-toetran'ny fanilikilihana

Voasakan'i Robena, lahimatoa tamin'ny fotoana farany ny famonoana an'i Josefa nialoha ny nanipazana azy tao anaty lavadrano; nanana faniriana mangina izy ny ho afaka hamonij azy. Raha izy sendra tsy teo no nanoloran'i Joda hevitra ny hanovana ny didim-pitsarana famonoana ho fanandevozana.

Nitsimbadika ambony ambany izao tontolo izao ho an'i Josefa izay voafonja tao an-davadrano. Saingy tapotapoka teo dia nitsiry indray ny fanantenana...nisy tady nanatona azy. Nisarangotra tamin'ilay tady izy, tamin'ny finoana fa angamba hitsahatra hatreto ny lalan-tsarotra nolalovany, ary ho toy ny nofy ratsy fotsiny ihany ka ho afaka hiverina any amin'ny rainy izy. Rehefa tafakatra nahita ny mazava anefa izy dia nahita fa tsy vitan'ny hoe niharan-doza noho ny fo nisendoatra fotsiny izy fa tena fanilikilihana tsotra izao mihitsy no nahazo azy.

Nianga avy any amin'ny tanan'ny mpivarotra ny vola ankehitriny ary nifindra nankany amin'ny rahalahiny. Nivarotra izay tsy azy akory izy ireo. Azo neverina fa nafatotra tao aorian'ny rameva Josefa ary tsikelikely dia nanjavona tsy hita maso intsony izy.

Ilay sekely volafotsy roapolo no zary nitarika ho amin'ny fiainana ao anaty lainga mihoatra ny roapolo taona<sup>13</sup>, fanamelohan-tena sy fisaonana ho an'ity ankohonana taranak'i Abrahama ity, izay tokony ho ankohonana sambatra indrindra eto an-tany!

Namidy ho andevo, zara fa nitafy, ho any amin'ny firenena tsy fantany, sady tsy azony an-tsaina akory fa hijanona any telo amby sivifolo taona Josefa... Zanaka lahin'ny mpiompy nampihantaina, nanana tombontsoa hiaina fiainan'ny olona ambony fari-piaianana teo anivon'ny fiarahamonina, feno ny teny fampanantenana, nefo indro nikorosy fahana tao anatin'ny fotoana fohy ho lasa andevo tsy afaka hiaina ny zony rehetra. Tao anatin'ny fotoana fohy dia nesorina taminy ny ankohonany, ny namany, ny fireneny ary ny fahafahany. Tsy misy n'inon'inona tavela, eny na dia ny fahafahany mampiasa ny teniny aza nanoloana ireo mpanompony vaovao.

Ny fizahan-toetra mafy indrindra dia izay avy amin'ireo rahalahy sy anabavintsika, izany hoe ireo akaikin'ny fontsika. Raha ny ankohonantsika, na ny fiagonantsika, na ny mpampiasa antsika, na ny vadintsika no manilikiliaka antsika dia mahakasika kokoa ny fontsika sy ny maha-izy antsika izany noho ny hoe olona hafa no nanao azy.

Asehon'ny lahantsoratra amintsika any amin'ny faraparany any fa nandritra ity fifanakalozana mampahory ity dia feno horohoro sy fitarainana Josefa. Ny famakiantsika ilay tantara ho toy ny boky tantara fotsiny dia tsy hahafahantsika mahatakatra ny fangirifiriana nampitanondrika ity zazalahy mpiandry ondry ity tamin'io fotoana io. Azo neverina fa mety nisy, eny fa na dia iray aza tamin'ireo rahalahiny no mba nitseta azy; teny indraimbava monja avy amin'ny kely indrindra tamin'izy ireo dia mety ho namadika ity tantara feno haratsiam-panahy ity, saingy nisafidy ny hangina amin'ny fahanginana niray tsikombakomba avokoa izy rehetra.

Toy izany ihany koa no miseho ankehitriny ao anatin'ny fisehoan-javatra maro samihafa. Ny tena namana, feno fahasahiana sy mijoro amin'ny fahamarinana dia miloa-bava ho fiarovana ireo izay iharan'ny tsy rariny na ho fanohanana hetsika am-pahamarinana, indraindray mety hitarika amin'ny fanesorana aminy izay rehetra ananany izany, Saingy ireo "havana raha misy patsa", ireo "rahalahy

---

<sup>13</sup> Hatramin'ny faha fito ambiny folo taona hatramin'ny faha telopolo taona, mandra-pisehon'i Josefa teo anoloan'i Farao, avy eo fito taona zina sy mety ho roa na telo taona nisian'ny mosary.

sandoka” sy ireo kanosa kosa nisafidy ny fiainana maloto ao anatin’ny toa filaminana manoloana ny adin’ny finoana ka tsy manao n’inon’inona ao anatin’ny fotoan-tsarotra.

Jesosy ihany koa dia nodidin’ny vahoaka maro nanara-dia Azy, saingy tsy nisy afa-tsy olombitsy mahatoky sy feno fahasahiana sisa teo ampototry ny hazo fijaliana. Paoly ihany koa dia fantatra sy nankasitranan’ny kristiana maro tamin’ny dia misionera nataony; saingy tany am-pigadrana izy no nanoratra hoe : “Tamin’ny nandaharako voalohany hanala tsiny ny tenako dia tsy nisy nomba ahy, fa nandao ahy avokoa izy rehetra.”<sup>14</sup>

Mariky ny fitiavana sy fahamatorana tsy azo soloina ny fanohanana amin’ny fotoana ilana azy rehefa mandalo fotoan-tsarotra ny olona iray. Ny manankarena sy ny matanjaka matetika dia hodidin’ny mpisolelaka maro; fa mba aiza kosa ireo tena namany? Matetika dia any amin’ireo efa namany taloha, raha fony izy mbola nalemy no misy azy ireny...

Mazava ho azy fa tsy maintsy hanafina amin’ny rainy ity heloka ity ireo rahalahin’i Josefa. Noho izany dia natsobok’izy ireo tao anaty ram-biby ilay akanjo lafovidy ary nalefany tany aminy niaraka tamin’ny fanontaniana mifono tsy fahalalam-pomba nanao hoe: “Fantaro na akanjon’ny zanakao ity, na tsia?”

Ny lainga rehefa inoana dia mitondra fiatraikany betsaka kokoa noho ny fahamarinana. Tsy tafarina nanoloana ity fivadihana ity Jakoba; ninoany fa noviravirain’ny bibidia Josefa. Nisy zavatra toa nongotana niala taminy tao anatin’ny mangina tao. Tsy nety nitsahatra nisaona izy. Fitaka sy halahelo no zary lasa nikiky ity ankohonana ity. Nolanjain’ireo zanany folo lahy (Benjamina izay enina taona no nanelanelana azy sy Josefa no tsy tafiditra tao anatin’ity teti-dratsy ity) nandritra ny taona maro izany vesatra izany. Amin’ny fotoana izay ahitany ny rainy latsa-dranomaso, amin’ny fotoana izay hiresahana mahakasika ny fanjavonan’i Josefa ka mifampijery izy ireo dia mitondra fahatsapana maizina sy sarotra iainana ny fanamelohan-tenan’izy ireo.

Fa mba nanao ahoana kosa i Josefa?

## Fizahan-toetran’ny fahombiazana

“Namidin’ireo Ismaelita izay nitondra azy tany Egypta tamin’ny Egyptiana iray antsoina hoe Potifara Josefa. Olona natokisan’i Farao sady komandin’ny miaramila mpiambina azy i Potifara. Nomba an’i Josefa ny Tompo ka nahomby avokoa izay rehetra nataony. Nonina tao amin’ny trano fonenan’ilay egypiana tompony mihitsy aza Josefa. Tsikaritr’ity farany fa nataon’ny Tompo (...) nahomby avokoa izay rehetra nataony. Tena faly loatra taminy Potifara, hany ka nalaindy hiasa ao aminy izy; noraisiny ho mpitantana ny tranony sy izay rehetra nananany izy. Nanomboka teo dia notahian’ny Tompo ny asa aman-draharahan’ilay Egyptiana noho ny amin’i Josefa.”

Toy ny zava-maniry nanavatsava ny tany mafy ary namelana no nandresen’ny aizina ny mazava.

Nihevitra ireo zanak’i Jakoba fa vitan’izy ireo ny nanilika ilay mpanelingelina; ny tena marina dia tsy mba nigoka ny zava-dehibe indrindra izy ireo dia ny fitahian’Andriamanitra. Toa lasan-ko babo niaraka tamin’i Josefa ilay fitahiana. Fa nahoana ary? Moa ve izy titin’Andriamanitra kokoa? Maro no mamaky ity tantara ity amin’ny fananana izany fomba fijery izany. Mihevitra izy ireo fa ny fitahian’Andriamanitra dia mifamatotra akaiky amin’ny antso sasantsasany, ary dia amin’ny alalan’izany no anazavany ny fiainan’ireo olon’ny Baiboly toa an’i Elia, Hana, Ester, Petera, Jaona... Afangaron’izy ireo ny antso sy ny fitahiana.

Ambaran’ny Soratra Masina fa mitovy tsy misy valaka amin’ireo lehilahy sy vehivavin’ny finoana izay teo alohantsika isika<sup>15</sup>. Inona no antony nanomezan’Andriamanitra azy ireo antsika ho mahery fo natao halaina raha toa ka olona niangaran’Andriamanitra fotsiny izao izy ireny? Hitantsika fa

<sup>14</sup> 2 Timoty 4.16 Nanan-jo hijoro vavolobelona hiaro azy ny namany, saingy ny risika takian’izany sy ny tahotra no neverina ho anton’ny fandaozan’izy ireo...

<sup>15</sup> Jakoba 5.17

ireo izay tonga rain'ny firenen'Israely, hatreto, dia tsy nandray fitahiana mohoatra noho izay noraisin'i Kaina!

Efa mazava amintsika fa amin'ny fomba tsy refesi-mandidy no anomezan'Andriamanitra ny olombelona tsirairay antso hatrany ambohoka, ary tsy misy ifandraisany amin'ny fomba fitondrany tena izany. Saingy tsy voatahy izany antso izany raha tsy amin'ny alalan'ny fankatoavana. Marina fa ny tsy ny fankatoavana no sandan'ny fitahiana, satria fahasoavana avokoa ny zavatra rehetra, saingy ny fankatovana no mahatonga ny fitahiana ho tanteraka.

Saoly, ilay mpanjaka voalohany teo amin'ny Israely ohatra dia fanapahankevit'Andriamanitra no nahatonga azy ho mpanjaka; saingy nikorosy fahana ny fitondran-tenany ka ny valifaty, ny fikasana hamono olona ary ny fisainan-dratsy no zary nanapoizina ny fiainany. Davida, ilay voafidin'Andriamanitra dia nampiditra heriseta tao amin'ny ankohonany manotolo noho ny fahadisoana nataony tamin'i Batseba sy ny namonoany ny vadiny. Solomona kosa namarana ny fotoam-pitondrany niaraka tamin'ny vehivavy anarivony izay nitarika azy hanompo sampy. Maro ny ohatra na mpanjaka, mpaminany ary mpisorona nofidian'Andriamanitra nialoha ny fahaterahany izay nanomboka tamin'ny fitahiana ary niafara alavitra azy. Raha afangarontsika ny antson'Andriamanitra sy ny fankatoavana dia manamatroka lahatsoratra maro ao amin'ny Baiboly isika. Ho very noho izany ny fiatrainkany tian'Andriamanitra ho entin'ireny lahatsoratra ireny. Vokany dia hametraka fanontaniana mahakasika ny fahamarinan'Andriamanitra ary ho kivy amin'ny fanompoana Azy isika.

Rehefa azon'ireo mponina tao Nazareta tamin'ny alalan'ny vavan'i Jesosy fa ny antso sy ny fitahiana tsy voatery hiara-dalana dia tezitra mafy izy ireo ka nentiny avy ao amin'ny Synagoga mba hatsipy amin'ny hantsana avy hatrany Izy! Fa inona tokoa ary no nambarany? Toy izao manaraka izao ny teniny: na dia maro aza ny mpitondra tena teo anivon'ny olom-boafidy izay niaritra ny mosary tamin'ny vanim-potoanan'i Elia dia tsy nirahina ho any amin'ny iray amin'ireny izy, fa ho any amin'ny mpitondra tena tany amin'ny faritr'i Sidona". Mbola nampiany hoe : "Ary maro no boka teo amin'ny Israely tamin'ny andron'i Elisa mpaminany, nefo tsy mba nisy nodiovina na dia iray akory aza fa Namàna Syriana ihany."<sup>16</sup>

Noho izany, tsy olona nampihantain'Andriamanitra akory Josefa. Niatrika fanamby sy fahatsapana mitovy amintsika izy ary izany indrindra no ahafahantsika miara-miatrika zava-tsarotra aminy ary mandray azy ho ohatra.

Raha tsy manisy fanavakahana eo amin'ny olombelona ary Andriamanitra, nahoana no nahazo tombony manokana ny amin'izany fitahiana izany izay rehetra nifampikasoka tamin'ity adolantsento ity? Ny Salamo 1 no mamaly antsika: "Sambatra ny olona izay mankasitraka ny lalàn'i Jehovah sy misaintsaina azy andro aman'alina, **ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa.**" Raha fitinintsiaka izany dia niatrika ny fizahan-toetran'ny finoana Josefa, fony izy tao anaty lava-drano, avy eo fizahan-toetran'ny fanilikilihana tamin'ny fitohizany niaina araka ny fisainan'Andriamanitra, izany hoe amin'ny famaliana ny ratsy amin'ny soa.<sup>17</sup> "Ny zavatra rehetra dia miara-miasaahasoa izay **tia** an'Andriamanitra."<sup>18</sup> Matetika dia atao dika vilana ity andininy diso fantantra loatra ity. Midika ve io andininy io fa ny zavatra rehetra dia avy hatrany dia miara-miasaahasoa ny kristiana rehetra? Tsia! Ho an'ireo izay mitohy mitia an'Andriamanitra ihany na dia eo aza ny fisafotofotoana miseho eo aminy no miara-miasaahasoa ny zavatra rehetra. Ny fahotana (izany hoe ny fitsaharana mitia an'Andriamanitra), toy ny fangidiana, ny lolom-po, ny fankahalana dia tsy mitondra soa ho antsika velively. Tsy manova n'inon'inona mihitsy ny maha-misionera na maha-zazavao amin'ny finoana antsika. Raha arakaraka ny androsoan'ny taona dia miha-mangidy sy manaoao foana ary latsaka amin'ny tsy finoana ny kristiana iray, ireo vokatra ratsy mivoaka avy amin'izany toetra ratsy izany tsy miara-miasaahasoa azy velively fa ny mifanohitra amin'izany satria hitondra fahapotehana eo amin'ny flainany. Raha mitsahatra tsy mitia an'Andriamanitra isika dia hitsahatra tsy hiara-miasa

<sup>16</sup> Lioka 4.27

<sup>17</sup> Romana 12.21

<sup>18</sup> Romana 8.28

hahasoa antsika ihany koa ny fisehoan-javatra! Miara miasa hitondra fahafatesana eo amintsika ny fitiavana manota sy fainana amin'ny fahotana! Ny fibebahana kosa miara-miasaahasoa antsika satria fiverenana amin'Andriamanitra. Na oviana na oviana isika no mitohy mihevitra fa mendrika ny hitokantsika sy hotiavintsika Andriamanitra, na inon-kidona, na inon-kihatra, dia hanao izay fomba rehetra hanetsehana ny heriny sy ny fahendreny izy hahatonga ny zavatra rehetraahasoa antsika.

Tsy mino aho fa misy Fanahy Masina anankiroa, ka ny iray malahelo noho ny fisehoan-javatra iray ary ny iray kosa mitarika antsika hidera an'Andriamanitra noho io fisehoan-javatra io ihany. Raha malahelo noho ny fahadisoana iray ny Fanahy, ny fiderana Azy noho io fahadisoana io dia midika fa lzy no neverina ho tompon'andraikitra voalohany. ***Tsy hoe akory satria Andriamanitra nanavotra, nanamboatra ary nanarina zava-misy iainana iray dia tonga afa-tsiny ny ratsy izay nitarika io zava-misy io.***<sup>19</sup> Manamarina ny mpanota Andriamanitra, fa sanatria Azy ny hanamarina ny fahotana! Maro dia maro anefa ny kristiana no manamarina fahotana, nefo tsy azony an-tsaina akory. Milaza hevi-diso izay vao maika mampahory izay niharan-doza, toy ny antsy atsatoka ao anaty fery izany. Ity misy ohatra iray. Andeha ataontsika hoe nisy olona naneho herisetra taminao izay tsy manan-tanjona afa-tsyl ny hanisy ratsy tsotra izao ka nanapaka ny ranjonao. Niditra hopitaly ianao ary nankafy ny fotoana mba ahafahana mitsahatra, fanampin'izany, ilay marary niray efitra taminao niova fo tamin'ny fijoroana vavolombelona nataonao. Ho maro no hiteny aminao hoe : "Soa ihany fa nihatra taminao iny loza iny, tena fitahiana ilay loza nahazo anao!" Ilay finiavana hanisy ratsy niova tampoka ho zavatra tsara eo imason'izy ireo ka noheverina ho "naman'Andriamanitra tamin'ny fomba miafina". Tsy azontsika an-tsaina akory fa nantsointsika hoe tsara ny ratsy ary ny ratsy tsara, zavatra izay toherin'ny Soratra Masina mafy.<sup>20</sup> Ny haratsiam-panahy tsy ahoan-tsyl ahoana, sy izay rehetra mitovy amin'izany dia faran'izay ratsy, ary mitoetra ho ratsy hatrany. Fahavalon'Andriamanitra izany ary hitoetra ho fahavalony mandrakizay. Andriamanitra tsy toy ny famataran-drivotra izay mihodina arakaraka ny fitsokan'ny rivotra ka ny alatsainay Izy malahelo noho ny hetsika iray ary ny zoma kosa Izy mitehaka noho io hetsika io ihany. Aiza ary no marina manoloana ity fisehoan-javatra ity? Raha tokony hanao an-dolom-po ilay nanao herisetra taminao ianao nefo namela heloka azy, namaly ny ratsy tamin'ny soa; ny osotra, ny fampiononana, ny fahendren'Andriamanitra kosa hamorona fisehoan-javatra vaovao ao anatin'ny zava-tsarotra lalovana. Izaho akory tsy miteny hoe hafoin'Andriamanitra isika raha toa ka tena mafy loatra ny adintsika, tsy izay no tiana hahatongavana eto. Ilay hery mpamorona ao amin'Andriamanitra dia hampiboiboka fainana eo amin'izay neverina fa ny fahafatesana no mibata fandresena. Hanolotra fialan-tsiny ho fanamarinana ny fahotana ve aho? Sanatria. Hidera an'Andriamanitra ve aho noho ny finiavana hanao ratsy? Sanatria. Hidera an'Andriamanitra ve aho noho ny fitiavany, ny fahaizany mamorona, ny famelany heloka, ny famonjeny ary ny fanasitranany? Mazava ho azy!

Manoloana ny faharatsiana, ny Soratra Masina tsy miantso antsika ho amin'ny fiderana fa kosa ho amin'ny famelana. Mitondra fanarenana ny famonjen'Andriamanitra fa tsy manandratra ny fahotana. Tsy nidera an'Andriamanitra velively Josefa satria namidy ho andevo, fa kosa nitohy nitia Azy sy nitia ny rahalahiny izy tamin'ny famelana ny fahadisoany. Noho izany dia nitahiry sy nitondra ny fitahian'Andriamanitra tany amin'ny tompony vaovao izy. Fakam-panahy lehibe ny fikolokoloana fangidiana sy fitserana ny tena; raha lavo tao amin'izany Josefa dia andevo maty jiro ihany no novidian'i Potifara, andevo feno fisainana hamalifaty tsy mety tanteraka. Nisy niteny hoe : "Tsy misy avelako hanimba ny fifandraisako amin'Andriamanitra amin'ny fanerena ahy hankahala." Satria tsy nameno ny fony ny fahamaizinana, ny fahazavana kosa nanondraka ny fananan'i Potifara. Noho io fahazavana io dia nahomby avokoa izay rehetra nataony. Tamin'ny alalan'ny dingana maro no niampitan'i Josefa avy amin'ny toeran'ny andevo ho lasa tanan-kavanana'ilay tompon-tanana. Tonga mpitantana nohajaina, nomena toerana mahafinaritra izy, toeram-boninahitra sady tsy noeritreretina no tena miavaka. Nanana mpanompo maro izy teo ambany fahefany ary nahomby avokoa izay

<sup>19</sup> "Ary nahoana no tsy hanao ratsy hihavian'ny soa isika, araka ny anendrikendrehana anay sy ny filazan'ny sasany anay. Marina ny fanamelohana ireny."

<sup>20</sup> "Lozan'izay milaza ny ratsy ho tsara ary na tsara ho ratsy! Izay manao ny maizina ho mavaza ary ny mazava ho maizina! Izay manao ny mangidy ho mamy ary ny mamy ho mangidy." Isaia 5.20

nataon'ny tanany rehetra. Rehefa tonga amin'io dingana io izy dia ho afaka niteny toy izao: "Mbola tsy ampy roapolo taona kory aho nefo ny toeram-boninahitro efa ambony lavitra noho ny an'ny raiko." Mety ho niakatra tany an-dohany io fahombiazana io. Azony natao ihany koa ny nanaraka ny fahafinaretana sy ny fomba amam-panao mifamatotra amin'ny andraikiny, namela ny asa amandrahara sy ny andraikitra hanototra tsikelikely ny fiombonany amin'Andriamanitra, azony natao ny nanao an-jorom-bala ny finoany. Raha izay dia ho niala taminy ny hosot'Andriamanitra.

Maro ny mpianatry ny Tompo tao anatin'ny fahatanorany no tena feno firehetam-po ho an'i Kristy na dia tsy mandray afa-tsy karama varimasaka isam-bolana aza; kely dia kely ny fiatraikany entiny eo amin'ny fiarahamonina, saingy mafana dia mafana ny fony. Taona vitsivitsy taty aoriana anefa dia indro mitana andraikitra goavana toy ny mpitsabo, mpisolo vava na direktera izy ireo; mandray karama avo folo na roapolo heny izy saingy matimaty ny ara-panahiny; zary lasa tsy mitondra tsiro eo amin'ny fiaraha-monina manodidina azy intsony izy. Tsy zavatra toy tsy misy fanafany intsony anefa izany, saingy **ireo izay tsy niomana ho amin'ny fahombiazana dia mety ho tonga ho isan'ireo izay iharan-doza.**

## Fizahan-toetran'ny fiangajangana

Josefa dia zatovolahy tsara tarehy sady maha-te ho tia. Tao anatin'ny fotoana fohy dia tsikaritry ny vadin'ny tompony izany ka hoy izy: "Avia handry amiko!"

Efa ho valonjato sy telo arivo taona izay no niseho izany zavatra izany; tsy manatrika seho mendripiderana mahakasika ny fahafahana eo amin'ny lafiny firaosana ara-nofo isika eto, saingy mahita kosa fikasana feno haratsiam-panahy efa nisy taloha ela be. Aoka ho tsaroantsika fa tsy nanana Baiboly, na mpitandrina, na sampana tanora Josefa. Tsy mba nandray antso, na mailaka, na koa taratasy tsindraindrayavy amin'ny rainy nanao taminy hoe: "Ry Josefa zanako, manao ahoana ny iraka ataonao any Egypta any? Mahatsiaro anao matetika izahay, ho azonao tsy ho ela ny fromazy tsara be (ilay tena tianao). Raha sendra kivikivy ianao, tsarovy izahay ary aza hadino fa afaka roa volana dia hody aty an-trano ianao!" Afaka ny hisaina toy izao izy: "Ilay vehivavy kosa aloha tsara tarehy e! Tonga izao ny fotoana hanarahako ny kolontaina an-toerana, fitsipika misionera izany. Tsy azo atao izany any amiko, saingy aty kosa dia ny mpampiasa ahy indray no mangataka ahy hiara-mandry aminy, mila manaiky fahefana aho!"

"Sanatria, hoy Josefa. Nomen'ny tompoko ahy ny hitantana ny hareny rehetra, matoky ahy izy ary dia tsy manao na inona na inona izy fa izaho no manao ny zavatra rehetra... Tsy misy manana fahefana mohoatra noho izaho ato an-tranony. Tsy misy na inona na inona andrarany ahy, afa-tsy ianao irery ihany, satria vadiny ianao. Koa ahoana no hanaovako izany zavatra faran'izay ratsy loatra izany ka hanota amin'Andriamanitra sy aminy? Na izany aza anefa dia tsy nitsahatra nandresy lahatra azy **isan'andro** izy, saingy tsy nety nanaiky mihitsy Josefa." Tsy toy ny fitaovana fandrefesana hafanana akory ny fomba fisainan'i Josefa ka miaka-midina arakaraka ny hatsika sy ny hafanana, fa toy ny fitaovana mametra ny hafanana kosa. Tsy nanaiky handoto ny fisainany na ny fisainan'Andriamanitra izy. Tsy niankina tamin'izay nambaran'ny olona, na ny tahotra fanasaziana noho ny fitondran-tenany, fa kosa niori-paka tamin'ny fahazoana antoka fa ny lalàñ'Andriamanitra dia tsara lavitra noho ny fitaoman'ny menarana.

"Andao handry amiko" fitaomana hijangajanga mivandravandra. Tamin'ny dia izay nataonay mivady dia tsikaritray fa na dia eo anivon'ireo izay milaza ny tenany fa an' i Kristy aza dia ahitana faneriterena hafahafa sy mifono fametsifetsena. Ireto misy santionany:

- *Hoy ny Tompo tamiko hoe ianao hono no ho vadiko.* Nisy tanora vavy kristiana iray izay voafatot'izany an-taona maro. Nozarinay taminay ny fahoriany: "Tsy tiako io lehilahy io sady tsy te-ho vadiny aho, saingy matahotra ny tsy hankato an'Andriamanitra aho ka ho simba ny fainako..." Hoy izahay namaly azy: "Raha tsy nomen'Andriamanitra faharesen-dahatra manokana ianao dia fahadisoana sady tsy fahamailoana ny fanekena izany fangatahana izany. Lafo vidy ny nanavotana anao koa aza manaiky ho andevon'olona."<sup>21</sup>

<sup>21</sup> Araka ny 1 Korintiana 7.23

- *Hamono tena aho raha misaraka amiko ianao.* Fahadalana tanteraka ny miaraka aman'olona amin'ny alalan'ny fampitahorana. Fahadalana mihoatra lavitra ny manambady olona miteny toy izany matetika.
- *Mila miray amiko ianao fa raha tsy izany dia tsy hahafehy tena intsony aho.* Fa jamba ve ianao no hanaiky ny namana toy izany ary hanantena azy ho lasa vady mahatoky avy eo!
- Misy fiteny somary tsy tena mivantana saingy tena zava-doza ihany koa fampiasa mahakasika ireo tetikady ireo.
- *Manao sorona ny tenako aho noho ny aminy.* Tsy natsoina hanambady olona tsy haninon-tsy haninona isika fa olona hiara-dalana amintsika. Noho izany, ny zatovavy izay mahatsiaro tena ho nantsoina hiasa ho tombontsoan'ny mpisotro toaka dia tsy hanambady mpisotro mba hamotika ny fiainany sy ny fiainan'ireo zanany, fa hanambady zatovolahy mba hanehoany ny fiantrany. Afaka ny tena ho fitaovana mahery vaika ho fanasitranaireo andeven'ny alikaola izy ireo.

“In-drav andro dia niditra tao an-trano hanao ny asany Josefa, tsy tao ireo mpiasa an-trano tamin’izay. Noraisin’ny vadin’i Potifara tamin’ny ankanjony izy ka nitenenany hoe:

-Andao hiara-mandry amiko!”

Tandindomin-doza ny fijoroany amin’ny fahamarinana, tsy vitan’izany, fa araka ny anehoan’ny tohin’ny tantara azy, fa ny asany sy ny toerany teo amin’ny fiarahamonina ihany koa no tandindomin-doza. Tena niaina zavatra faran’izay mafy Josefa. Raha tamin’io andro io izy no lavo dia ny fikasana rehetra izay nokasain’Andriamanitra ho azy dia hofoana avokoa, na farafaharatsiny hikorontana ambony ambany.

“Saingy navelan’i Josefa teo an-tanany ny akanjony ka lasa izy nandositra nivoaka ny trano.”

Raha amin’izao vanin’andro iainantsika izao no miatrika fisehoan-javatra toy izany dia mety hisy hiezaka history Filazantsara ilay mpaka fanahy... ary dia ho lavo avy hatrany. Mety hisy ihany koa miezaka mivavaka ... ary dia ho lavo avy hatrany. Mety hisy hirotsaka amin’ny ady ara-panahy hanohitra ny fanahy ratsy... ary dia mety ho lavo ihany koa. Satria nahoana? Satria hoy ny Tenin’Andriamanitra hoe: “Mandosira ny fijangajangana”<sup>22</sup>. Raha Andriamanitra no mibaiko hoe mandosira, ny hetsika feno fahendrena sy ny ara-panahy indrindra dia ny mandositra. Mino ny amin’ny fitoriana ny Filazantsara, ny amin’ny vavaka ary ny ady ara-panahy aho; saingy eto kosa dia ny fitsoahana no fahendrena indrindra.

Noho izany dia tsara lavitra ny mandeha an-tongotra folo kilometatra sady kotsan’ny orana, amin’ny telo ora maraina, noho izay ho lavo amin’ny fijangajangana ao anaty fiara mitondra anao mody. Aleo lavitra miseho ho toy ny olona vendrana mandritra ny fety fifankahitana sady mitohy mandeha mahitsy miaraka amin’ny Tompo, toy izay miseho ho mahery ka alavon’ny devoly eo amin’ny kianjany.

Nivoaka ho mpandresy Josefa nanoloana ity fakam-panahy natao hamotehana azy ity. Nijoro tamin’ny fahamarinana izy na dia teo aza ny fanararaotana ara-nofo mahery vaika nahazo azy.

## Fizahan-toetran’ny tsy rariny

“Rehefa hitan-dravehivavy fa lasa izy ary navelany teo an-tanany ny akanjony dia nikikika niantso ny mpiasa an-tranony izy:

- Avia jereo: ilay hebreo izay nentin’ny vadiko tato amintsika nikasa hanao tsinontsinona antsika! Tonga teto izy nikasa hanararaotra ahy, saingy nikikika mafy aho. Raha vao reny nikikika sy niantso aho dia nandositra nivoaka ny trano izy ary nilaozany teto akaikiko ny akanjony.

Navelany teo anilany ny akanjon’i Josefa mandra-piverin’ny vadiny. Notantarainy taminy izay efa notantarainy tamin’ny mpiasa an-tranony. (...) Tezitra mafy ny tompony rehefa nahare ny vadiny nitantara ny fihetsik’i Josefa taminy. Nasainy nosamborina izy ary nohidiany tao amin’ny manda, toerana nametrahana ireo gadran’ny mpanjaka.”

Raha ny tohin’ny tantara no jerena dia ho hitantsika fa tsy nisy fanadihadiana, tsy nisy fitsarana, tsy nisy fiarovan-tena eny tsy nisy didim-pitsarana navoaka mahakasika azy akory. Nogadraina tsy nisy fitsarana Josefa ary mety ho gadra mandra-pahafaty no miandry azy! Tany amin’ny tany ivelan’ny fireneny no nisy azy, nogadraina tamin’ny tsy rariny sady tsy misy hirika hampakarana ny fitsarana

---

<sup>22</sup> 1 Korintiana 6.18

akory, tsy mba afaka nifandray tamin'ny fianakaviany sady tsy nisy mpiraharaha. Ratsy lavitra noho ny toeran'ny andevo ny toerana nisy azy, izy izay azo heverina ny hiainany malalaka, hanambadiany, hananany taranaka... Ny finoany sy ilay fahitana mifono misitery mahakasika ny ho avy sisa no mba nifikirany.

- Mpianatra tsy mba isan'ireo naka tahaka nandritra ny fanadinana no voasazy niaraka tamin'ny hafa.
- Mpiaisa tra-doza noho ny fandehanany amin'ny fahitsiana sy ny noho ny fitoerany ho mahatoky no very asa.
- Vady tsy nisy ho kiainina tamin'ny fahatokiana no nohitsakitsahina ary nilaozana.
- Mpanao hotely nandà ny "fiarovana" atolotry ny mafia no zary banky ropotra.
- Mpianatra ho mpitsabo niaro ny etika kristiana no indro nalaina baraka ary noroahina.

Mandray ny fanofanana sahaza ho an'ny zanaky ny mpanjaka isika ao amin'ny sekolin'ny Fanahy Masina. Am-polo taonany ihany no haharetan'ilay fanofanana saingy tena henjana. Ny mandrakizay raha faritana dia tsy misy fiafarany. Eto amin'ity tany ity ihany isika no mianatra mandeha amin'ny finoana, matrika zava-tsarotra, hanohitra fakampanahy, hamela heloka, handroso manohitra ny fikorinan'ny rano ary hifikitra amin'i Jesosy llay Mpisolovava sy Mpiaro antsika ao anatin'ny tsy rariny faran'izay ratsy indrindra: "Fa fantatsika izay nanao hoe: "Ahy ny famaliana; Izaho no hamaly!"<sup>23</sup> Rehefa misy tsy rariny mivandravandra miseho dia mitaky famelana tena mari-pototra. Tsy manda ilay fanararaotana amin'ny maha zavatra tena mahatafintohina azy ny Tompo, saingy manasa antsika izy ny hifidy Azy ho mpisovava antsika. Azy amin'ny fomba mazava ny fahamarinana sy ny valim-pitia faratapony.

In-dray alina, tany amin'ny firenena ivelan'ny taniko, nandritra ny andro ratsy dia nisy fiara nandona ny fierako avy ao aoriania. Taorian'ny fotoana fohy nanaovana fanadihadiana ny loza tamin'ny fifampiraharahana, satria azo atao izany amin'ny fisehoan-javatra toy itony, dia samy lasa izahay. Niverina tany amin'ny fireneko aho niaraka amin'ny fiara toy ireny atody vaky ireny! Inona no fanampiana azoko antenaina amin'ny mpanao fiantohana any alavitra sy tsy fantatra any? Teo indrindra no tsaroako fa nitaky ny titra maha Mpisolovava Azy Jesosy. Nangataka Azy aho mba hisolovava ahy amin'ity raharaha ity. Andro vitsivitsy taty aoriania dia nisy taratasim-bola avy amin'ilay mpanao fiantohana izay ampy hamitana ny fanamboarana rehetra tonga tao amin'ny toerana fametrahana taratasiko!

"Tany am-ponja no niafaran'i Josefa. Saingy nomba azy tany ny Tompo ary naneho ny fahatsarany taminy tamin'ny nampahitany fitia azy tamin'ny komandin'ny toeram-pamonjan'ny mpanjaka. Nasainy niandraiketan'i Josefa ireo voafonja hafa rehetra. Izy no nitarika ny asa rehetra nataon'ny voafonja. Tsy niandraikitra izay efa nasainy nataony intsony ilay komandy, satria nomba an'i Josefa ny Tompo ary nampahomby azy tamin'izay rehetra nataony."

Ny Baiboly tsy miteny amintsika hoe mamele heloka rehefa te-hamela heloka isika, fa omeny baiko hamela heloka kosa isika. Izay tsy manaiky hamela heloka dia voaheloka tsy hiaina ny fiombonany amin'ny Tompo. Na izany aza anefa, raha toa ka diso ny foto-pampianarana mahakasika ny famelankeloka dia mety hafaitra sy tsy rariny ary tsy azo ekena ny famelana.

- Ny famelana fahadisoana tsy midika ho fanekena, na fandavana, na fahamarinana ary tsy fanomezana rariny azy velively. Misy ohatra miezaka mandresy lahatra ny tenany na mandresy lahatra ny hafa fa ilay nanao ny fahadisoana dia tsy tena nanao fanahy iniana ny hiteny na hanao izay nambarany na nataony. Mety hiseho izany, fa ny mifanohitra amin'izay koa tena azo eritreretina. Asain'i Jesosy mamela ny helok'izay nanota tamintsika isika, fa tsy asainy handresy lahatra ny tenantsika fa tsy tena fahadisoana akory ilay natao.

- "Na zovy na zovy no mamele tahamaina ny takolakao ankavanana, atolory azy koa ny anankiray."<sup>24</sup> Misy kristiana sasany manao toy izany, ary avy eo, ho fanampiny dia mangataka famelana amin'ilay namely tahamaina azy. Fa nahoana? Noho ny fahalemena ve sa satria tsy azony ny Tenin'Andriamanitra. Vokany dia manao tsy rariny amin'ny tenany manokana izy.

- **Ny mamele** akory tsy manaoana ny tena, mametsifetsy ny feon'ny fieritreretana na ny fahatsapana, fanosihosena ny fahamarinana na fikasana hanasa atidoha, fa kosa **fisafidianana amin'ny fomba**

<sup>23</sup> Hebreo 10.30

<sup>24</sup> Matio 5.39

**vaovao tanteraka sy ao anatin'ny zava-miseho ny tsara indrindra ho an'ny hafa.** Ny fahatsapana mety hiovaova mandritra ny fotoana maharitra.

Fahalemem-panahy fa tsy fahalemena no ampianarin'ny Soratra Masina antsika. Nambaran'i Jesosy am-pahibemaso ho taranaky ny menarana ny Fariseo, ho fasana miloko fotosy ary ho mpihatsara velatsihy, sady tsy nangataka famelana tamin'izy ireo Izy. Rehefa tonga teo an-kianjan'ny Tempoly Izy dia naparitany tamin'ny tany ny volan'ny mpanakalo vola, nazerany ny latabany ary noroahiny ny bibiny; sady nambarany fa mpangalatra ireo mpivarotra (Tsy ny asa varotra no toheriny fa ny halatra). Sanatria Azy ny hiala tsiny. Fantany fa tsy nanota tamin'izy ireo izy, fa kosa nanatanteraka ny fahamarinan'Andriamanitra. Taorian'ity hetsika azo heverina ho somary tafahoatra ity dia nila feon'ny fieritreretana voafana, tsy araka izay heverina ho marina eo amin'ny fiarahamoina fa kosa araka ny fisainan'ny Rainy Izy mba hijoroany tsara. Maro amintsika no mety hahatsiaro tena ho tena diso raha teo amin'ny toerany. Nanana fo malefaka sy handrina mafy izay tena nilain'ny mpaminany Jesosy. Saingy mety hisy hiteny angamba hoe moa ve tsy tokony halemy fanahy, ho tia fihavanana, ho vonona hanetry tena sy hangataka famelana ve isika? Eny, saingy ireo toetra tsara ireo tsy tokony hitarika antsika hiray tsikombakomba, na hila ranondranony, na hamadika ny marina na ho amin'ny fandavana ny marina, raha tsy mandeha amin'ny fahamarinana isika dia hatsatso ary hitsolopilopy sy ho takona ny fahazavantsika.

Tsy nangataka famelankeloka tamin'i Potifara mihitsy Josefa satria tsotra ny antony, tsy nanao fahadisoana taminy izy. Raha tsy nangataka famelana taminy izy, izy kosa namela azy sy namela ny vadiny. Raha amin'ny maha-olona dia tena sarotra dia sarotra ny miaina izany, saingy izany no hany vahaolana.

Mety ho tena goavana dia goavana ary haharitra mandritra ny andro iainana ny vokatra entin'ny fahadisoana natao tamintsika. Inona ary no ataon'Andriamanitra manoloana izany?

- Mangataka antsika Izy, araka ny ohatra nasehony, ny hamela tahaka ny namelany ireo fahadisoana goavana nataontsika taminy.

- Mampanantena antsika Izy fa hanetsika ny heriny, ny fahendreny, ny fitiavany mba hahatonga ny fiainantsika ho fitahiana feno, na dia teo aza ny ratsy nihatra tamintsika, eny fa na dia tsy hibebaka mihitsy aza ilay nanao ratsy.

- Mampanantena antsika fanarenana ny rariny tonga lafatra sy ho mandrakizay Izy.

"Nandritra ny alina iray, ny mpitondra kapoakan'ny mpanjakan'i Egypta sy ny mpanao mofony dia samy nanao hadisoana tamin'ny tompony, samy nampidirina am-ponjy ary samy nanonofy, ary azo heverina fa samy manana ny heviny avy ny nofin'izy ireo. Nony maraina dia nanatona azy ireo Josefa ary nibanjina azy ireo ka indro **nalahelo mafy** izy ireo. Nanontany ireto mpanompon'i Farao izy (...) ka nanao hoe : Fa maninona no malok'endrika ianareo androany?"

Gadra malok'endrika? Azo antoka fa zavatra tsy tena ara-dalana izany raha ity fonja ity no asiana resaka... Tsy nanova an'i Josefa ny rafitra famonjana egyptiana, saingy izy no nanova ilay rafitra. Nataon'i Josefa izay hahazoan'ny voafonja tsirairay tombontsoa izay azo vakiana eny amin'ny endriny! Tsy nisy nahasakana ny fitahian'Andriamanitra satria dia niditra niaraka tamin'i Josefa tao amin'ity fonja ity izany.

Maro ny mpiantry ny Tompo ankehitriny no manao fanambarana mifanohitra, resy tsy miady manao hoe : "Izaho irery no kristiana amin'ny mpiasan'hy hopitaly ka tsy afaka manao n'inon'inona aho!", "Izaho irery no mpino ao am-pianarana dia aleko mangina!" Raha eo amin'ny fihaonan'ny kristiana dimanjato ohatra no misy mibitsibitsika hoe misy satanista telo manatrika eo dia azo antoka fa maro no hikorotan-tsaina; fa ianao ve mino fa hikorotan-tsaina ny satanista dimanjato raha misy kristiana telo mamangy azy? Tamin'ny iray amin'ireo asa fitoriana nataonay dia nisy mpamosavy telo tonga manokana avy any ivelany mba hamono ahy. Raha mbola tsy tonga akory aho, ilay sefony niasan'ny Fanahin'Andriamanitra ka tsy nahetsika tamin'ny fotoana nitorian'ny evanjelistra iray teny. Niova fo izy ary dia noraisina tao amin'ny toby izay nitobian'ny kristiana miisa roanjato. Maro no nitaraina noho ny olana samihafa izay heveriny fa avy amin'ity tanora mpamosavy niova fo ity andro vitsivitsy taty aoriana. Tsy nisy toy izany ny tahotra sy ny resaka mandeha, hany ka voatery nifindra toerana izy noho ny farany. Mpilatsaka an-tsitrano vitsivitsy no nandeha niaraka nonina taminy tany amin'ny toerana hafa...

Mila mamaky in-drav mandeha ny Fanekena Taloha isika amin'ny fahazoana fa ny Fanekena Vaovao dia ambony lavitra. Amin'ny tsy fanaovana tsinontsinona ny fahamailoana amin'ny fomba madio dia mila azontsika fa ny mazava dia mampadositra ny aizina. Eny, azontsika atao ny manova ny hopitaly, ny orin'asa, ny sekoly ary ny fiarahanonina satria Izay ao anatintsika dia lehibe noho izay eo amin'izao tontolo izao.<sup>25</sup> Matetika dia mikolokolo fanambanian-tena diso tafahoatra isika, mila ialantsika tanteraka izany!

"Hoy izy ireo namaly an'i Josefa: nanonofy izahay nefo tsy misy afaka manazava aminay ny heviny. Hoy Josefa tamin'izy ireo: "Moa tsy an' **Andriamanitra** ve ny fanazavana? Tantarao **amiko** ny nofinareo."

Mihevi-tena ho Andriamanitra ve Josefa ? Tsia, saingy efa tonga skaizany izy. "Tsy hataoko hoe mpanompo intsony ianareo (...) fa efa ataoko hoe skaiza ianareo, satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo..."<sup>26</sup> hoy Jesosy tamin'ny mpianany. **Andriamanitra mihitsy**, ny fanatrehany sy ny fanomezany no valim-pitian'i Josefa tao anatin'ny fizahan-toetra nolalovany.

Nitantara ny nofiny ary ilay mpitondra kapoakan'i Farao. Tao anatin'ny nofiny dia nahita voaloboka nisy rantsany telo izy ary teo amboniny nisy sapahom- boaloboka masaka. Nopotseriny tao anatin'ny kapoak'i Farao ireo voaloboka ireo alohan'ny handrosoany azy. Hoy Josefa taminy: "Izao no hevity ny nofinao: Ny ratsana telo dia maneho andro telo. Ao anatin'ny telo andro dia hasandratr'i Farao amin'ny toerana mbony ianao: haveriny amin'ny asanao ianao. Ho afaka hanolotra kapoaka ho azy indray ianao, toy izay efa nataonao teo aloha. Mba tsarovy aho rehefa milamina tsara ny aminao; meteza hiresaka amin'i Farao ny amiko mba hamoahany ahy ato amin'ity fonja ity."

Teo am-pihainoana ity hevity ny nofy mahasoa ity dia tsy andrin'ilay mpanao mofo ihany koa ny hitantarana ny azy:

"- Izaho ihany koa nanonofy... Niloloha harona telo misy mofomamy aho. Ny farany ambony feno ireo mofomamy ankafizin'i Farao, saingy avy ny vorona ka nitsaingoka azy teo ambony lohako."

Nambaran'i Josefa taminy fa hivoaka ny fonja ihany koa izy, saingy hahantona sy hataon'ny vorona sakafio rehefa tafavoaka.

Raha amin'izao vanin'andro iainantsika izao dia azo heverina fa tsy hisalasala mihitsy isika ny hanome ilay hevity ny nofy voalohany, saingy mety hijery ny fotoana mety isika manoloana ilay faharoa sady hiteny moramora hoe, mbola tsy tena azoko antoka ny heviny, aleo hiverenantsika hamarinina afaka dimy andro! Izany no itiavantsika manambara fa izay mino sy atao batisa no ho vonjena, saingy tsy mety milaza isika fa izay tsy mino kosa hohelohina.<sup>27</sup> Tiantsika ny manambara mahakasika ny paradise fa tsy ny helo; ny fitahiana fa tsy ny fankatoavana. Atsatsointsika ny fahamarinana amin'ny fitoriana fahasoavana mora vidy sy amin'ny tsy fanambarana ny amin'ny fitsarana. Josefa kosa nanana fahasahiana nanambara ny teny izay ho an'ilay iray nisy hanitry ny fiafiana, ho an'ilay iray kosa hanitry ny fahafatesana; tanteraka an-tsakany sy an-davany na ho an'ny andaniny na ho an'ny ankilany izany.

Nanantena Josefa fa hihevitra azy manokana ilay mpitondra mofo taorian'ny fanafahana azy.

## Fizahan-toetran'ny fotoana

"Tsy nahatsiaro an'i Josefa intsony ilay mpitondra kapoakan'i Farao. **Hadinony izy.**" Roa taona no lasa mialohan'ny nofin'i Farao izay tsy misy afaka ny nilaza ny heviny. Ho an'i Josefa kosa dia midika ho miampy roa taona indray ny hijanonany tao am-ponja, nefo azo heverina fa efa an-taona maro no efa na ha-vaofonja azy. Marihina fa raha tsy Andriamanitra mihitsy no miditra an-tsehatra dia azo heverina ny hijanonany ao mandra-pahafatiny!

Toa lava kokoa ny fotoana rehefa tsy voafetra, miha-mafy ny fahoriana, miha-marо ny fanontaniana manikitikika, tsy mety tapitra ny andro.

Tena tiako ny fisaintsainan'ity vehivavy iray izay nilaza hoe "Tsy mahaliana ahy Andriamanitra raha toa ka tsy Andriamaniry ny andavan'androm-piaianana Izzy." Marina fa Andriamaniry ny andro mifandimby, Andriamanitr'ireo zavatra madinidika izay toy ny adidy tsy maintsy atao sy ireo zavatra

<sup>25</sup> Araka ny 1 Jaona 4.4

<sup>26</sup> Jaona 15.15

<sup>27</sup> Araka ny Marka 16.16

tsy azo iaiana isan'andro Izy. Azo heverina fa toy izany no niainan'i Josefa mandra-pahatonga ny fotoana izay nahitan'i farao omby vavy fito matavy nivoaka avy tao Neily, narahina omby vavy mahia fito tamin'ny alalan'ny nofy. Nohanin'ireo omby vavy mahia ireo matavy nefo tsy nampiova azy ireo akory. Nifoha ny mpanjaka avy eo niverina natory indray ary nanonofy zavatra hafa indray. Nahita salohim-bary vokatra be sy tsara tarehy nipoitra avy amin'ny tahom-bary iray izy, avy eo salohim-bary fito faran'izay ratsy nipoitra avy eo aoriany. Natelin'ireo salohim-bary ratsy ireo salohim-bary tsara. Nony maraina dia nisy fikorontanana mafy tao amin'ny lapam-panjakana. Nantsoina avokoa ny mpisikidy sy ny olon-kendry tao Egypta. Notantarain'ny mpanjaka taminy nynofiny, saingy tsy nisy afaka nilaza ny heviny. Tsara ny manamarika ny fahitsiana mahagaga nananan'izy ireo.

Raha amin'izao androntsika izao, manoloana ny fisehoan-javatra toy itony dia mety hisy namoaka boky matevina be misy pejy dimanjato mahakasika ny fifampiankinan'ny fiompiana sy ny fambolena, ny hafa indray mety ho naminany ny amin'ny faran'izao tontolo izao ao anatin'ny dingana efatra ambiny folo. Ny mpanao gazety mety ho namokatra seho mitohy amin'ny fahitalavitra mahakasika ny hevitry ny isa, ny mpadinika ny sain'olombelona mety ho nanolotra fitsaboana amin'ny alalan'ny hypnozy, ny mpahay mahakasika ny sakafy mety ho nanolotra karazan-tsakafo tsy mampanonofy ratsy, ny mpiaro ny tontolo iainana hanolotra programa hamehana ho fanatsarana ny Neily ary ny mpitsabo biby hangataka famatsiana ara-bola hanaovana fikarohana mahakasika ny bibikely mpihinana omby!

Endrey kosa ny fanetren-tenan'ireto olon-kendry sy mpisikidy! Azo heverina fa noho ny tahotra sao hanao dika vilana no nahatonga ity toe-panahy ity! Angamba tsy afaka ny nanao laza masaka, na nanome teny farany, na nametsifetsy na nandainga noho ny fahalalana miteny nanoloana an'i Farao izy ireo. Na izany aza nefo dia tsaroan'ilay mpitondra kapoaka ihany Josefa sy ny hevitra mazava azony avy aminy noho ny farany. Tamim-pahasahiana sy teo antrehan'ny fitsarana manontolo no nitantarany ny naha-tany amponja azy sy ny fihaonany tamin'ity olona hafahafa izay afaka nilaza ny hevitry ny nofy.

## Fahatanterahan'ilay fahitana

"Nampanatsoin'i Farao Josefa. Navoaka tamin'ny tranomaizina haingana izy. Noesoriny ny volombavany, nisolo akanjo izy ary nanatona an'i Farao."

Rehefa nanazava ny antony niantsoana azy ny mpanjaka dia namaly Josefa ka nanao hoe : "Tsy izaho fa Andriamanitra no hanome valiny mahafa-po an'i Farao."

Tamin'ny faha fito ambinifolo taonany, raha nanoloana ny rainy ireo rahalahiny dia hoy Josefa: "Henoy anie ny nofiko e! (...) ny masoandro, ny volana ary ny kintana roa ambinifolo dia hiankohoka eo anatrehako." Telo ambinifolo taona taty aoriana dia nanome voninahitra an'Andriamanitra izy nanoloana ny mpanjaka sy ireo olon-kedriny tafavory teo. Nanomboka niseho teo aminy ny toetran'i Kristy. Raha ny mahakasika ny tenany manokana, dia hoy Paoly manambarana azy: "Tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko."<sup>28</sup>

"Dia hoy Josefa tamin'i Farao:

- Hevitra iray ihany no asehon'ireo nofinao roa. Amin'ny alalan'izany no ampahafantar'an'Andriamanitra anao izay hataony. Ny omby vavy matavy fito sy ny ambora tsara fito dia maneho taona fito. (...) Ireo omby vavy fito hafa, mahia sy ratsy tarehy, ary ireo amboara fohy kely sady mainan'ny rivotra ihany koa dia maneho taona fito, saingy taona mosarena. (...) Ireo taona fito ho avy ireo dia ho taon-jina ho an' Egypta manontolo. Avy eo dia hisy taona fito tsy hisy sakafy, izay hanadinoana ny fahatsiarovana rehetra mahakasika ilay taon-jina teo aloha. (...) Koa ankehitriny ry mpanjaka dia mitadiava olona manan-tsaina sy hendry, ary omeo fahefana izy hanapaka an'i Egypta. Manendre ihany koa mpiandraikitra hiandraikitra ny fanangonana ny ampahadimin'ny vokatra mandritra ny taon-jina fito taona (...) mba ho tehirizina. Hanana tahirin-tsakafo noho izany Egypta ho amin'ny taona fito hisian'ny mosary ary dia tsy ho rava ny firenena Egyptiania.

Toa feno faharanitan-tsaina teo imason'i Farao sy ny manodidina azy ny tolo-kevitri' Josefa; dia hoy Farao tamin'izy izy ireo:

- Feno ny Fanahin'Andriamanitra ity lehilahy ity. Aiza isika no hahita olona manan-tsaina tahaka azy?

<sup>28</sup> Galatiana 2.20

Dia hoy izy tamin'i Josefa:

- Koa satria nasehon'Andriamanitra taminao izany rehetra izany, tsy hisy olona lalin-tsaina sy hendry tahaka anao. Ianao noho izany no ho mpitantana eo anivon'ny fanjakako, ary dia hanaiky ny baikonao avokoa ny vahoakako rehetra. Ny titra maha-mpanjaka ihany no maha-ambony ahy manoloana anao. (...)

Nesorin'i Farao teo amin'ny tanany ny fitombokasean'ny mpanjaka ary nafindrany teo amin'ny ratsantan'i Josefa; nampitafiany fitafiana vita amin'ny rongony ("lin" no dikany amin'ny fiteny frantsay) fotsy madio izy ary nasiany ravaka volamena teo amin'ny vozony. Nasainy nampiakarina teo ambony kalesy voatokana ho an'ny tanan-kavanany izy, ary ireo mpisava lalana izay nialoha azy dia niantsoantso hoe: "Omeo lèlana!" Dia toy izany no nanomezany fahefana azy tamin'i Egypta manontolo."

Azontsika ve ny hasarobidin'ny famelan-keloka? Nandray anjara tamin'ny famonjena vahoaka izay nampiety azy tsy amin'antony ho andevo, avy eo nanidy azy nandritra ny fotoana tsara indrindra teo amin'ny fahatanorany. Tsy Egypta manontolo ihany no ho voavonjy amin'ny mosary, fa ny vahoaka manodidina ihany koa ary indrindra indrindra ireo rahalainy folo izay nopotipotetina mialoha ny hanarenana azy. Miaraka amin'i Benjamin sy Josefa dia izy ireo no hipoiran'ny firenen'Israely, taranaka izay hitahian'Andriamanitra ny tany rehetra. Ireo izay nanao ny fomba rehetra mba handravana izany antso izany dia nandray famonjena avy aminy! Hoy Josefa tamin'izy ireo: "Ianareo no nisaina hanisy ratsy ahy; fa Andriamanitra kosa nisaina izany ho soa, hanao tahaka ny amin'izao anio izao, hamelona olona betsaka."<sup>29</sup>

Hoy ity mpitandrina iray nihaona tamiko tany amin'ny faritra afovoan'i Benin: "Tamin'ny izaho niova fo, dimy ambiroapolo taona lasa izay dia nianiana ampahibemaso ny dadatoako ny hamono ahy.

Ankehitriny kosa dia tsy mandray fanapahan-kevitra lehibe io dadatoako io raha tsy manontany ny hevitro. Tena reharehany ny manana zanaky ny mpiray tampo aminy manao ny asan'ny mpitandrina." Im-piry im-piry aho no efa nandre fijoroana vavolobelona toy izany? Hoy ny ray aman-drenin'ity zatovolahy iray izay naniry hianatra any amin'ny sekoly misionera: "Raha manaiky ny tsy handeha ianao dia homenay fiara vaovao sy trano efa misy fanaka ao anatiny." Folo taona taty aoriana dia nahita ireo ray aman-dreny ireo aho izay feno fireharehana noho ny asa misiona nataon'ny zanany. Mahery vaika lavitra noho ny baomba ny fitiavana sy ny famelan-keloka, na baomba ara-moraly io, na baomba simika na atomika! Mahery vaika lavitra ireo soatoavina ireo ka afaka mamonjy ankohonana izay mety hivarotra anao. Raha misy amin'ireo izay mamaky ny bokiko mbola tsy nandray an'i Kristy dia maniry aho ny hitenenan'izay ireo amin'izao ora izao hoe: "Te-hiaina feno miaraka amin'ny Fanahin'i Jesosy Kristy aho, tiako raha tonga Andriamanitra ny Andriamanitr'i Josefa." Mandresy ny fanahin'izao tontolo izao ny Fanahin'i Kristy. Eny fa na ilay namantsika ny tanan'i Jesosy aza dia afaka ny ho hovonjena avy amin'ny alalany ary azo heverina ho toy ny tsy nanota mihitsy. Fanahy izay afaka ny hampitsimbadika ambony ambany ankohonana maro, tanana, tanan-dehibe sy firenena io Fanahy io. Izy no afaka mampihavana vahoaka rotidrotika sy hanarina ferenena ravarava.

Mitady praminisitra toa an'i Josefa Andriamanitra ankehitriny. Mitady ihany koa dokotera, mpisolovava, mpanao gazety, mpampianatra sy ny karazan'asa hafa rehetra izay ho afaka hanazava ny fiarahamonina amin'ny alalan'ny Fanahin'i Kristy Andriamanitra. Ambony lavitra noho ny Fanekena Taloha ny Fanekena Vaovao. Raha miantsa antsika hivavaka ho an'ireo olona manana toerana ambony Andriamanitra dia azo antoka fa tsy ny hametrahany fialana no fikasany rehefa babon'i Kristy izy, fa ny hanomezany voninahitra Azy amin'ny andrikitra sahaniny.

Tena azo antoka fa nijanona ho praminisitra mihoatra ny efatra ambinifolo taona tany Egypta Josefa. Naililikilika, namidy, nalaim-panahy, nomelohina, nogadraina, nohadinoina izy; saingy tao anatin'izany fizahan-toetra rehetra izany dia nandresy ny finiavany handresy ny ratsy amin'ny soa.

Novain'Andriamanitra ny zava-misy niainany: tao amin'ny ankohonany dia lasa mpamonjy izy ilay

---

<sup>29</sup> Genesisy 50.20

natao tsinontsinona, tao amin'i Potifara<sup>30</sup> dia lasa mpitantana ilay andevo, ary teo anatrehan'i Farao dia gadra nanjary praiministra izy.

Rehefaavy nailikilika azy ireo rahalahiny dia tonga niankohoka nanoloana azy. Rehefa namidy toy ny biby izy dia tonga mampatsy sy mpitantana harena tsy hita pesipesenina. Rehefa nararaotina ara-nofo izy dia tonga vinantolahin'ny mpanjaka, notahiana tamin'ny fahaterahan'i Efraima sy Manase zanany. Rehefa niharan-doza vokatry ny tsy rariny tsy misy toy izany izy dia nanjary nomen'ny Egyptianamanontolo voninahitra. Rehefa nohadinoina tao amin'ny tranomaizina nisy azy izy dia naina am-polon-taona maro ho toy ny olona afaka sady nanana andraikitra iraisam-pirenena faran'izay ambony.

---

<sup>30</sup> Inona no niafaran'i Potifara, ilay tanan-kavanan'i Farao? Tsy ambaran'ny Baiboly amintsika ny mahakasika azy, saingy mazava ho azy fa ny toerana vaovao nisy an'i Josefa dia nihoatra lavitra noho ny toerany...

## Fizarana faharoa

### Ahoana no hiatrehana ny fizahan-toetra araka ny fihaviany

Miseho amin'ny endrika maro samihafa sady sarotra ny fizahan-toetra eo amin'ny fiainantsika. Mampatahotra antsika izy ireny, mitondra hakiviana, mampahatezitra, mahasorena, nefo ihany koa manitsy, manova ary mitarika antsika ho liana ny amin'ny hafa. Toy izao no amaritan'ny diksionara Larousse ny fizahan-toetra: alahelo, fahoriane, fangirifiriana mahazo olona iray. Ny teny hoe *fisedrana* indray dia midika hoe: fitiliana ny hatsarana na ny tombam-bidy. Nisy nilaza fa ny fizahan-toetra dia mety hitarika antsika ho lasa mangidy na ho lasa malemy fanahy arakara ny fihetsitsika manoloana azy.

Izay ho soratana manaraka eto dia tsy hihambo ho afaka hamaly ny fanontaniana rehetra tsy akory, na ho afaka haneho izay mety ho fisehoan-javatra rehetra; na izany aza, ny famantaranana ny fototry ny fizahan-toetra dia azo neverina ho dingana voalohany ho amin'ny vahaolana. Mba hampazava ny resaka dia nisafidy aho ny hamahavaha ny lohahevitra amin'ny fijerena manokana ny loharano nipoirany amin'ny alalan'ny andinin-tSoratra Masina iray na maromaro mifanaraka aminy.

### Fizahan-toetra avy amin'Andriamanitra

#### Sedrain'Andriamanitra ny fankatoavantsika

**"Nozahan'Andriamanitra toetra** Abrahama. Niantso azy Izy ary hoy Abrahama namaly Azy: "Eny, mihaino Anao aho."

Dia hoy indray Andriamanitra: "Ento Isaka zanakao, ilay zanaka lahitokanao izay tianao loatra, mandehana any amin'ny tany Moria, ho any amin'ny tendrombohitra izay hambarako aminao ary ataovy sorona ho ahy any izy."

Ny ampitson'iny dia nifoha maraina Abrahama. Nofeheziny ny kitay hanaovana sorona, nafatony teo amin'ny borikiny ary dia niainga izy ho any amin'ny toerana izay efa nasehon'Andriamanitra azy.<sup>31</sup> Sakaizan'Andriamanitra Abrahama. Nampanantena ny hitahy ny ankohonana rehetra maneran-tany amin'ny alalany Izy. Harena miafina tsy azo sandaina eo imason'ny patriarka Isaka; amin'ny mahazanaka azy voalohany indrindra, fa amin'ny maha mpitondra teny fikasana tsara loatra azy ihany koa. Saingy nangataka zavatra tsy azo ekena tamin'i Abrahama Andriamanitra, hetsika fankatoavana mohoatra lavitra noho izay mety ho takatry ny saina : hanolotra ilay tiany ho fanatitra ho dorana.

Dia an-tongotra andro maromaro vao tonga any amin'ny toerana voatondro; tsy niha-kely hery Abrahama raha vao nanapakevitra handeha. Na izany aza anefa dia voafetra ihany ny fahatakarany; ny hany fanazavana hitany manoloana ity fifanoheran-javatra goavana ity (asain'Andriamanitra atao sorona ny zanako, nefo mampanantena taranaka tsy hita isa amin'ny alalany Izy) dia hatsangan'Andriamanitra amin'ny maty izy.<sup>32</sup> Mendrika ny hifantohantsika manokana ny teny nambarany raha namela ireo mpanompo nanaraka azy teo ampototry ny tendrombohitra izy: "Mijanòna eto amin'ny boriky ianareo, fa **izaho** sy ny **zazalahy** handeha hankery; ary **hivavaka** izahay dia **hiverina** eto aminareo indray."<sup>33</sup> Amin'ny fotona izay hanaingany ny antsiny amin'i Isaka izay mifatotra eo ambony alitara vao hiteny aminy Andriamanitra hoe : "Abrahama, Abrahama! (...) aza manendry ny zaza, aza manao ratsy aminy akory. Fantatro ankehitriny fa manaiky ny fahefako ianao; tsy nolavinao ny zanaka lahitokanao."<sup>34</sup>

Nanontany tena matetika aho hoe ahoana no naneken'i Isaka izay mbolaadolantsento ho fatoran'ny lehilahy efa nahazo taona, ary ahoana no tsy nahatonga azy ho voamarika na hiahayah ny rainy taty aoriana...Izao manaraka izao no neveriko ho hany valiny mahafapo: nampidirin'i Abrahama tao andohany hatramin'ny fahazazany ny fahamarinana faratapony dia izao: mendrika ho tiavina tsy misy pepetra Andriamanitra; mba hanehoana izany dia mila vonona hanome Azy izay zavatra neverintsika fa sarobidy indrindra eto an-tany. Nahatsapa Isaka fa tena lalim-paka ny fitiavan'ny rainy azy, tsy azo

<sup>31</sup> Genesisy 22.1-3

<sup>32</sup> Araka ny Hebreo 11.29

<sup>33</sup> Genesisy 22.5

<sup>34</sup> Genesisy 22.11-12

hozongozonina ny fahatokiany azy. Fantany fa nahalala an'Andriamanitra tamin'ny fomba manokana Abrahama ary ny fiderana mendrika Azy dia mety hosedraina amin'ny fahafoizana faratapony. Tena azony tsara fa moramora kokoa ho an'i Abrahama ny ho faty ho an'Andriamanitra noho izay hanolotra Azy ny sarobidy indrindra taminy dia ny zanany. Rehefa nanambara ny amin'ny fiderana an'Andriamanitra ny rainy, avy eo namatotra azy teo amin'ny alitara dia fantatr'i Isaka fa ilay hetsika natao no porofon'ireo zava-misy rehetra ireo. Tsy naneho fandavana izy. Tsy nitondra fiatrainkany ratsy taminy ity traikefa ity, fa ny mifanohitra amin'izany aza satria nanasongadina ny lanjany eo imason'i Abrahama sy eo imason'Andriamanitra mihitsy aza. Azo antoka fa manome antsika lesona mahakasika ny fahatokiana tsy fahita firy Isaka.

Taonjato maro taty aoriana, tsy alavitra teo no haneken'llay Zanaka lahitokan'Andriamanitra an-tsitrano ny sorona faratapony amin'ny fitondrana ny hazo hanombohana Azy ho faty amin'ny toerantsika ary hitsangana amin'ny maty am-pandresena tanteraka.

Mampianatra antsika ny tena fiangohofana Abrahama dia ny fametrahana an'Andriamanitra ho ivon'ny fiainantsika, fanomezana Azy ny laharam-pahamehana manoloana ny zanantsika, ny vadintsika, ny ray aman-drenintsika, ny asantsika, ny fahasalamantsika, ny volantsika, ny fananantsika, ny fotoanantsika, ny filantsika, ny fananahantsika, ny fisainantsika ary isika manontolo mihitsy...Raha sendra mizaha toetra antsika izy, ny valinteny tsara indrindra dia ny fiangohofana aseho amin'ny fankatoavantsika.

### **Sedrain'Andriamanitra ny fahatokiantsika**

Toy ny spaonjy iray nopotsehina ka mampiharihary izay voarakitra ao anatiny, dia toy izany ihany koa ny hery manosika antsika mangina ao; rehefa zahan'Andriamanitra toetra isika dia miharihary izany.

"Ary tsarovy ny lèlana lavitra izay nitondran'i Jehovah Andriamanitao anao tany an-efitra izao efa-polo taona izao, hampanetry tena anao sy **hizaha toetra** anao ary hahalala izay ao am-ponao, na hitandrina ny didiny hianao, na tsia."<sup>35</sup>

### **Esorin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika izay tsy mamokatra na izay manaloka ny tena zava-dehibe**

"Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboatra. Ny sampany rehetra eo amiko izay tsy mamo dia esoriny; fa ny sampany rehetra izay mamo kosa dia amboariny, mba hamoa bebe koakoa."

"Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo."<sup>36</sup>

### **Indraindray dia na manitsy na mitsara antsika Andriamanitra**

"Fa tsy sitrany ny mampahory na mampalahelo ny zanak'olombelona."<sup>37</sup>

"Fa raha tsy faizana tahaka ny itondrana azy rehetra ianareo, dia zazasary, fa tsy zanaka."<sup>38</sup>

"Fa raha mba mamantatra ny tenantsika isika, dia tsy mba hotsaraina."<sup>39</sup>

"Ary Jehovah nanangana fahavalohanohitra an'i Solomona, dia Hadada Edomita, tamingan'ny mpanjakan'i Edoma."<sup>40</sup>

"Ary Jehovah namely ny mpanjaka, ka dia boka mandra-pahafatiny izy ka nitoetra tao an-trano nitokana."<sup>41</sup>

---

<sup>35</sup> Deotornomia 8.2

<sup>36</sup> Jaona 15.1-2, 8

<sup>37</sup> Fitomaniana 3.33

<sup>38</sup> Hebreo 12.8

<sup>39</sup> 1 Korintiana 11.31

<sup>40</sup> 1 Mpanjaka 11.14

<sup>41</sup> 2 Mpanjaka 15.5. Jereo ny 1 Korintiana 11.29-30

## **Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona<sup>42</sup>**

Raha misy te-hahita fiainana feno fahasaratana, fikolokoloana ny avonavona dia ampy ! Tsy dia mahafinaritra loatra rehefa ny namantsika no manohitra antsika. Vao maika sarotra rehefa ny mpampiasa antsika ; raha ny vadintsika dia tena sarotra ny zava-misy iainana. Saingy rehefa Andriamanitra no manohitra antsika dia mivonona hiaina taona maro ho toy nynofy ratsy isika. "Fa **izay** manandra-tena no haetry; ary izay manetra tena no hasandrata."<sup>43</sup> Ny hoe **izay** dia midika hoe n'iza n'iza: na ankizy, na filohampirenena, na mpangataka, na dokotera, na marary, na artista, na adolantsento, na antitra, na mpitandrina, izaho sy lanao. Tsy zakan'Andriamanitra ny avonavona ary dia nivonona ny hiady aminy Izy.

Tsy oeraoera ivelany fotsiny no resaka eto na rehareha mitombina, fa kosa fomba fijery ny tena mihoapapana, ny fahafaha-manao, ny zo, ny toerana izay mamofopofona fiheveran-tena ho zavatra, fiziriziriana, tsy fileferana izay manilika na mamotika izay rehetra lalovany.

Rehefa mitety firenena aho dia mihaona amin'olona maro ary arakaraka ny fandroson'ny taona dia mahita zavatra miova aho. Rehefa mifanerasera amin'olona iray aho, na fikambanana, na antokom-pivavahana, na faritra iray dia indraindray tsy mahazo aina, toa malahelo mahita fa fizahan-toetra mampiety maro, taona maro niaretana ny mafy, hery lanilany fahatany no tokony ho voasakana avy amin'ny fanovana fitondran-tena iray.

Mila mitandrina isika rehetra, voalohany indrindra amin'izany aho; saingy tsy rariny eny tena haratsiam-panahy mihitsy ny tsy hanindriana ity teboka lehibe ity amin'ny firesahana ity lohahevitra ity. Toy ny lehilahy feno avonavona manambady vehivavy mitovy fisainana aminy izay miomana hiatrika fifandonana tsy misy fiafarany sady mandreraka, dia toy izany koa izay mikolokolo fitondran-tena feno avonavona dia hiatrika ady tsy voatanisa. Afaka misafidy manoloana ny fanetren-tena sy ny fietrena ny tsirairay.

"Koa amin'izany manetre tena ambanin'ny tana-maherin'Andriamanitra, mba hanandratany anareo amin'ny fotoan'andro."<sup>44</sup>

"Ny valin'ny fanetren-tena sy ny fahatahorana an'i Jehovah dia harena sy voninahitra ary fiainana."<sup>45</sup>

## **Rehefa manazava ny antony Andriamanitra**

Nisy niteny nanao hoe : "Ao anatin'ny tontolon'ny *fa nahoana* isika, ary ho an'ny amin'ny tontolon'ny *satria*." Mangina Andriamanitra ao anatin'ny fizahan-toetra maro lalovantsika. Toa mandeha ho azy ny fiheverantsika fa mahatsara antsika ny fanazavana ny antony, matetika anefa dia ny mifanohitra amin'izany: "Hangina amin'ny fitiavany Izy"<sup>46</sup>

Na izany aza anefa dia manana ohatra maneho *fa nahoana* sy *satria* maro manankarena fampianarana isika amin'ny fiainan'i Davida mpanjaka. Ilay fotoana izay nitondrany ny fiaran'ny fanekena, nodidinin'ny vahoakany ho any Jerosalema no tiana hambara. Vahoaka maro no teo tamin'izany, toy ireny fety be ireny ny zava-misy, niaka-dranitra ny fiderana ary toa tena nomena voninahitra Andriamanitra. "Ary Davida sy ny Isiraely rehetra dia nitsinjaka fatratra teo anatrehan'Andriamanitra tamin'ny hira sy ny lokanga sy ny valiha sy ny ampongatapaka sy ny kipantsona ary ny trompetra. Ary nony tonga teo amin'ny famoloanan'i Kidona izy, dia naninjitra ny tanañy hihazona ny fiara Oza, satria nazeran'ny omby izany. Dia nirehitra tamin'i Oza ny fahatezeran'i Jehovah, ka namely azy Izy noho ny naninjirany ny tanañy tamin'ny fiara, dia maty teo anatrehan'Andriamanitra izy. Ary dia **tezitra Davida** noho ny namelezan'i Jehovah an'i Oza. (...) Ary Davida natahotra an'Andriamanitra tamin'izany andro izany."<sup>47</sup>

Azo heverina fa nanao hetsika toy izay ho nataon'ny olom-pirenena mandray andraikitra Oza.

Nahakasika azy manokana ny fiarovana ny fiaran'ny fanekena, ilay zavatra faran'izay sarobidy indrindra teo amin'ny Israely. Tsy araka izay nadrasana anefa fa tsy nahazo ny

<sup>42</sup> Jakoba 4.6

<sup>43</sup> Matio 23.12

<sup>44</sup> 1 Petera 5.6

<sup>45</sup> Ohabolana 22.4

<sup>46</sup> Zefania 3.17

<sup>47</sup> 1 Tantara 13.8-12

fankasitrahan'Andriamanitra ilay fihetsiny fa nitarika ho amin'ny fahafatesany! Fa nahoana? Raha atao in-dray mijery dia tena tsy azon'ny saina takarina sy toa tena tsy rariny loatra. Na Davida aza mba tafintohina, nikorotan-tsaina ary azo antoka fa feno *fa nahoana* tao an-tsainy.

Ahoana no nahazoany ny antony? Nanao fikarohana izy ary nahita fa tsy misy mahazo mikasika ny fiaran'ny fanekena; tsy maintsy amin'ny alalan'ny bara vy no itondrana azy ary tsy maintsy ny Levita irery ihany no mitondra azy. Fotoana fohy taty aoriania dia notohizany ilay tetik'asa, tamin'ity in-dray maka ity dia natsoiny ireo izay nomena andraikitra hitondra ny fiaran'ny fanekena eo amin'ny sorony. Hoy izy tamin'izy ireo: "Ianareo lohan'ny fianakavian'ny Levita, hamasino ny tenanareo, dia ianareo sy ny rahalahinareo, mba hampakaranareo ny fiaran'i Jehovah, Andriamaniry ny Israely, ho ao amin'ilay namboariko ho azy. Fa tamin'ny nampiakarana azy voalohany, dia tsy teo ianareo; noho izany, dia nasian'ny Tompo Andriamanitr'Israely mafy izahay satria tsy nanontany Azy araka ny fitsipika."<sup>48</sup>

## Famaranana

Ny fiankohofana amin'Andriamanitra arahina fankatoavana Azy, ny famelantsika Azy hanova antsika, ny fitadiavana ny fisainany amin'ny fandinihan-tena eo ambanry fanazavany ary ny fiekena izay mety ho avonavona dia tsy natao mba hahatonga antsika ho olona tsy azo ifandraisana na hampihena ny maha-ara-panahy antsika. Hain'Andriamanitra ny mamaly fitia ny zanany; mampientantana avokoa ny teny fampantanenany rehetra. Maro ny kristiana no mihevi-tena ho ara-panahy amin'ny fanekena ny fizahan-toetra sy amin'ny fandavana ny valim-pitia. Ny fanofanana feno fahendrena ataon'ilay Raintsika anefa dia ahitana taratra ireo lafin-javatra roa ireo: "Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satroboninahitra fainana, izay nolazain'ny Tompo homena izay tia Azy."<sup>49</sup>

## Fizahan-toetra miainga avy amintsika

"Raha misy **alaim-panahy**, aoka izy tsy hanao hoe: Andriamanitra no maka fanahy ahy; fa Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy; fa samy alaim-panahy ny olona, raha tarihin'ny **filany** sy fitahiny izy. Ary ny filana, rehefa torontoronina, dia miteraka **ota**; ary ny ota, rehefa tanteraka dia miteraka **fahafatesana**.<sup>50</sup> Fitondran-tenantsika sy ny hetsika tsy mety ataontsika dia miteraka voka-dratsy izay mitarika olana isan-karazany. Lota, ilay zana-drahalahin'i Abrahama no ohatra iray amin'izany. Rehefa avy mampatsiaro fohy ny tantarany<sup>51</sup> isika dia hijery ny lesona azo tsoahina<sup>52</sup>.

Mpiompy mpanankarena i Lota ary niara-nifindra monina tamin'i Abrama dadatoany (izay nantsoina hoe Abrahama taty aoriania). Niha-maro ny biby fiompin'izy ireo ary niha-maro ny hareny ka tsy afaka ny niara-monina intsony izy ireo. Nomen'i Abrama safidy ny zana-drahalahiny ny amin'ny faritra izay tiany honenana. Nizaha taratra ny lemak'i Jordana Lota izay nidasika nanoloana azy toy ny zaridaina maintso mavana. Nisafidy ny ho ao izy niaraka tamin'ny antokony rehetra ary namelatra ny lainy hatrany akaikin'i Sodoma.

Nalaza ratsy loatra ity tanana ity ka nanopakevitra ny hitsara azy Andriamanitra; Abrama kosa tamin'ny vavaka nataony ho azy dia nangataka nanao hoe: "Moa ve haringanao miaraka amin'ny ratsy fanahy ny marina?" Nanome toky azy Andriamanitra fa raha mahita olo-marina folo ao Izy dia tsy haringany ny mponina ao noho ireo folo ireo.

Tonga tao Sodoma ny harivan'io ireo iraka roa avy any an-danitra. Hitan'i Lota izay nipetraka teo ambavahadin'ny tanana izy ireo. Nanatona azy ireo izy ary niankohoka tamin'ny tany ary nanao hoe : "Miangavy anareo aho tompoko mba handroso ato an-tranoko ary mijanona ato mandritra ny alina." Nandresy lahatra mafy izy ary nitondra azy ireo tao aminy ary nandroso sakafio ho azy ireo.

<sup>48</sup> 1 Tantara 15.12-13 (and 13 nalaina tamin'ny diem)

<sup>49</sup> Jakoba 1.12

<sup>50</sup> Jakoba 1.13-14

<sup>51</sup> Genesisy 13.1-13, 18.16-33, 19

<sup>52</sup> Gehazy ilay mpanompon'i Elisa ihany koa dia iray amin'ireo ohatra tonga lafatra maneho olona iray niaina fizahan-toetra vokatry ny nataony ihany. 2 Mpanjaka 5.20-27

Saingy raha mbola tsy natory akory izy ireo dia indro ny lehilahy tao an-tanana, hatraminy kely ka hatramin'ny lahiantitra, nanodidina ny trano ary nanery an'i Lota mba hanolotra azy ireo ny vahininy. Tsy hanao afa-tsy ny hanatanteraka ny filan-dratsiny izy ireo! Nivoaka ny trano ny tompon-trano, nanakatona ny varavarana teo aoriany ary nanao fifampiraharohana taminy: Ireo zanany vavy roa mbola virijiny no ho takalon'ny fiarovana ireo vahininy... Tsy te-hihaino n'inon'inona ireto vahoaka. Tamin'ny fahavinirana no nianianany tamin'i Lota fa hanao heriseta mihoatra lavitra noho izay hataony amin'ny vahininy izy ireo; ary dia natosiny mafy izy ary nandroso hamaky ny varavarana izy ireo.

Tamin'izay indrindra dia nosintonin'ireo anjely ny tanan'i Lota, nampidiriny tao an-trano izy ary nataon'izy ireo tonga jamba ny vahoaka ka niraparapa nitady ny fidirana tao an-trano. Hoy ireto anjely tamin'i Lota: "Iza no mbola anao ato? Vinanto, zanaka lahy sy zanaka vavy, sy izay rehetra anananao ato amin'ity tanana ity, avoahy ato izy ireo satria horavanay ity tanana ity."

Notadiavin'i Lota ireto izay ho lasa vinantony. Toa ohatra ny mananihany no fiheveran'izy ireo an'i Lota. Vao nangiran-dratsy dia nandodona an'i Lota ireo anjely: "Mitsangana, ento ny vadinao sy ireo zanakao vavy roa izay ato mba tsy ho ringana miaraka amin'ny tanana ianareo." Mbola nisalasala ihany izy ka dia nosintomin'ireto iraka ireto tamin'ny tanany, niaraka tamin'ny vadiny sy ireo zanany vavy roa ary dia nentiny nivoaka ny tanana. Hoy ny iray tamin'izy ireo: "Mandosira mankany amin'ny tendrombohitra, aza mierikerika, aza mijanona eny an-dalana." Niolakolaka teo Lota; tsy dia azoazony angamba ny mianika tendrombohitra ka dia niangavy ireo anjely izy mba hialoka tao amin'ny tanana kely antsoina hoe Zoara izay narovana tamin'ny fandravana. Na dia teo aza ny fampitandremana natao dia niherika ny vadin'i Lota<sup>53</sup>. Azo heverina fa tratran'ilay loza izy satria lasa vaingantsira...Sodoma kosa rava tanteraka.

Natahotra ny hijanona tao Zoara Lota; nitoetra tao amin'ny tendrombohitra izy ary nonina tao amin'ny lavabato, izy sy ireo zanany vavy roa. Fotoana fohy taty aoriana dia hoy ny zokiny tamin'ny zandriny: "Efa antitra ny raintsika; tsy misy lehilahy anefa amin'ity faritra ity ho avy hanatona antsika araka ny fanao any amin'ny firenena rehetra. Andao ampisotroina divay ny raintsika ary andao handry aminy isika mba hitohizan'ny taranaky ny raintsika." Notanterahiny araka izany ny tetikadiny, ary rehefa alina ny andro dia nandry taminy ny zokiny. Tsy fantany akory ny nandriana sy nifoazan'ilay zanany vavy. Ny alina manaraka dia tantara toy izany ihany no niseho, tamin'ity indray dia niaraka tamin'ilay zandriny vavy, ary Lota kosa tsy nahalala n'inon'inona tahaka ny teo aloha ihany. Nitondra vohoka tamin'ny alalan'ny rainy ireto zanany roa vavy. Niteraka zazalahy izay lasa razamben'ny Moabita ny zokiny, ary ny zandriny kosa niteraka ary tonga razamben'ny Amonita.

## Nanana toeatra tsara i Lota

Tsy rariny raha toa ka tsy ambara ny mahakasika izany. Mahakasika antsika ny fahamarinana ambaran'ny Baiboly satria zavatra tena azo antoka. Feno zavatra maro mifamahofaho ny toetran'olona iray ka izany no mahatonga ny fontsika tsy mora voakasik'ireo famariparitana maimaika mahakasika azy. Nianatra zavatra tsara maro Lota tamin'ny fifandraisany tamin'i Abrahama. Malatalanana izy, feno fahalemem-panahy ary tena tia mandray vahiny. Feno fanajana hatrany izy na dia nanoloana ireo izay naneho heriseta taminy aza. Azo antoka fa nitady ny fomba hampifanarahana ny tombontsoa ara-toekarena sy ara-panahy izy; saingy tsy nahomby izany. Ory isan'andro ny fanahiny tamin'ny fiandraisana tamin'ny fiarahamonina feno fahalotoana tao Sodoma. Tamin'ny fomba mahagaga no namonjena azy ary nantsoina hoe *marina* izy araka ny voalazan'ny epistily nosoratan'i Petera manao hoe: "Lota marina, izay ory dia ory noho ny fijejojejoan'ny olona ratsy fanahy, no novonjeny ho afaka. fa izany lehilahy marina izany, raha nitoetra teo aminy, dia nahory loatra ny fanahiny marina isan-andro isan-andro noho ny nahitany sy ny nandrenesany ny fandikan'ireo ny lalàna"<sup>54</sup>

Na dia teo aza ireo toeatra tsara azo tsapain-tanana ireo dia nikorosy fahana tanteraka Lota. Ilay mpiomby mpanankarena sy nanana izay rehetra nilainy, mpitarika antokon'olona nanana ny naha izy azy no indro tonga lahiantitra maniry sy voafetsifetsy, nialokaloka tao an-davabato. Fa nahoana?

<sup>53</sup> Raha ny Lioka 17.31-32 no jerena dia azo heverina fa njery naharitra izy.

<sup>54</sup> 2 Petera 2.7-8

## Nanao safidy ratsy izy

Ny safidin'ny soatoavina ara-moralintsika, izay ho vadintsika, mahakasika ny asantsika ary ny toerana honenantsika dia isan'ireo izay tena mitondra fiatraikany be indrindra. Na teo aza ny fanabeazana sy ny fanofanana voarainy tamin'ny fifandraisany tamin'i Abrahama dia nanaiky hotarihin'izay hitan'ny masonry Lota. Niaina tao amin'ny paradisa voajanahary kely iray ny mponina tao Sodoma ary azo heverina fa tena nahomby tamin'izay nataony izy ireo, saingy kosa niaina fitondran-tena faran'izay ratsy. Ny fikatsahana ny fisainan'Andriamanitra, na farafaharatsiny ny tolo-tsaina avy amin'i Abrahama dia mety hanakana azy tsy honina tao amin'ity toerana ity. Hoy Abrahama taminy: "Moa tsy eo anoloanao va ny tany rehetra? Masina ianao, aoka hisaraka amiko ianao; raha **hianavaratra** ianao. dia **hianatsimo** aho; fa raha hianatsimo ianao, dia hianavaratra kosa aho. Ary Lota **nanopy ny masonry** ka nitazana ny tany rehetra teny amoron'i Jordana hatrany akaikin'i Zoara, fa azon-drano avokoa izy rehetra (...), tahaka ny sahan'i Jehovah sy tahaka ny tany Egypta. Dia **nofidin'i Lota** ho azy ny tany rehetra amoron'i Jordana, ka nifindra **niantsinanana** izy; ka dia nisaraka izy roa lahy."<sup>55</sup> Ny sofiny nandre avaratra sy atsimo, fa ny masonry kosa nisarika azy ho any antsinanana. Fotona vitsy taty aoriana dia resy an'ady ny mpanjakan'i Sodoma. Vokatr'izany faharesena izany dia lasan-ko babo Lota sy ny fianakaviany ary ny fananany. Nanetsika ny olony Abrahama ary nanafaka azy, namerina taminy ny fananany rehetra. Na teo aza izany tantara<sup>56</sup> izany izay tokony ho fampitandremana ho azy, dia mbola **niverina nonina** tao Sodoma ihany Lota. Toy ireo maro ankehitriny izay tsy mandray lesona avy amin'ny lasa ka tsy mahazo an-tsaina ny vokadratsy entiny.

## Niankina tamin'ny vavaka sy ny fahamasinan'ny hafa izy

"Rehefa noravan'Andriamanitra ilay tanana tamin'io faritra nonenan'i Lota io, dia **nahatsiaro an'i Abrahama** izy ary tamin'ny alalan'ny no nahatonga an'i Lota ho afaka tamin'ity fikorontanana ity. » Soa ihany fa nanana an'i Abrahama, ireo anjely ary Ilay Andriamanitra mpiahy Lota. Nila komity mpamony maro izy mba ho fanafahana azy amin'ny loza: komitin'ny fifandraisana, vavaka, famangiana, fiarovana, fampaherezana ary fandraisana an-tanana. Tsy nitondra fiatraikany tamin'ny manodidina azy Lota, fa ny manodidina azy no nitondra fiatraikany taminy. Tsy mba toa an'i Josefa izay voatery nifindra monina tany Egypta, na Jona izay nirahin'Andriamanitra tany Ninive, izay samy nahita ny fandresen'ny mazava ny aizina Lota, satria tamin'ny alalan'ny fanapahan-kevitra nobaikoin'ny maha-olona fotsiny ihany dia tsy nahazo hosotra na fahefana izy nanoloana an'i Sodoma.

## Tsy nanana fahafahana mamantatra izy manoloana ny fanamby ara-panahy

Nanatona fikambanan'ny mpanao ratsy (mafia) izy nitondra fehezam-boninkazo. Azo heverina fa ny hoe *azafady* no fehezanteny tiany indrindra. Ny anjely no tokony haneho ny fanapahan-kevitra hentitra avy amin'ny Fanahy Masina. Mazava ho azy fa tsy misy maniry hotafihan'ny antokon'olona feno fijangajangana eo ambaravarny izany, saingy mampanontany tena hoe nankaiza ary ireo mpanompony marobe. Ny tolokeviny hanolotra ny zanany vavy roa hoviraviraina sy ny vahaolana hitan'izy roa vavy hanohizana ny taranaka dia samy manaitra avokoa. Manomboka heno ny fofopofon'ny kolontsain'ny sodomita, na dia amin'ny fatra faran'izay kely aza ary ny vahaolan'ny nofo tsy mahataitra velively ny fanjakan'ny aizina.<sup>57</sup>

## Fombafomba ivelany fotsiny ny fitoriana Filazantsara nataony

Tsy neken'ny taranaka vaovao ho olon'Andriamanitra Lota; tsy nampita ny fahalalana sarobidy nananany izy. Tsy nanana fahefana akory izy raha namerina ny tenin'ireo anjely tamin'ireo izay ho lasa vinantony rahatrizay; toa ohatra ny mananihany fotsiny izy. Angamba nihevitra na namaly toy izao izy ireo: "Manonofy atoandro ingahibe Lota ka mihevitra fa hianjera eo ambony lohantsika ny lanitra! Mandehana miverina matory fa rahampitso tohizantsika ny resaka." Hita taratra ny

<sup>55</sup> Genesisy 13.9-11

<sup>56</sup> Genesisy 14

<sup>57</sup> Ampitahao amin'ny Asan'ny Apostoly 13.6-12 izay niatrehan'i Paoly ireo mpisikidy.

fitotonganana ara-panahy teo anivon'ireo taranaka roa. Voaporofo izany tamin'ny fihetsik'ireo zanany vavy roa.

### **Nanararaotra ny fahasoavana izy, tsy mahita afa-tsy ny tenany, kanosa, be fanahiana**

"Mandosira hamonjy ny ainao; aza miherika; aza mijanonjanona amin'ny faritra manodidina; miafena ao an-tendrombohitra raha tianao ny ho velona."

Indraindray Andriamanitra tena maika, Lota kosa kanosa. Matetika dia diso hevitra isika fa ny hetsika miadana, voalanjalanja, nosainina tsara, manaraka dingana mazava dia sady fahendrena no mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra hatrany. Hitantsika eto fa ireo anjely dia sady mainka no mientanentana no manao hetsika mazava.

Raha nihodikondina nandritra ny efapolo taona tany anefitra ohatra ny Israely dia tsy Andriamanitra no faly nanao fanalavam-potoana, fa kosa noho ny tsy nihainoana an'i Josoa sy Kaleba izay mpitsafo tany feno fahasahiana.

"Hoy Lota namaly: "Tsia Tompoko, tsy azo eritreretina izany. Marina fa naneho ny fiantranao ianao ary naneho ny fahatsaranao lehibe tamiko tamin'ny namonjena ny aiko. Saingy tsy ho afaka handositra hatrany amin'ny tendrombohitra aho alohan'ny hanatraran'ny loza ahy ary dia ho faty aho. Hitanao ve io tanana kely io? Tsy dia alavitra loatra izy ka tsy ho sarotra amiko ny minazakazaka mankeny.

Avelao aho hialoka ao fa tanana kely izy, ary dia ho voavonjy ny aiko."

Tsy naneho fiaraha-miasa mihitsy Lota! Novonjena *toy ny avy amin'ny afo* izy ary dia nesorina taminy avokoa izy rehetra nananany noho ny tsy fitandremana. Tsy nahakasika azy mihitsy izay miandry an'i Zoara na ny hasarotry ny zava-misy, ny tenany ihany no zava-dehibe taminy. Mpametsifetsy, mohaka, tsy nihevitra izay mety ho planina na sitrapon'Andriamanitra izy.

Raha ny amin'ny vadiny indray dia zavatra tokana ihany no fantatra: noraran'ireo anjely izy tsy hierika, saingy dia niherika izy! Tsy misy zavatra mampiavaka manokana izany tsy fankatoavana izany.

### **Raha tokony hanetry tena izy dia nandositra ny fibebahana sy nandositra ny andraikiny**

"Natahotra ny hijanona tao Zoara Lota; niala tao an-tanana izy ary lasa nipetraka tany an-tendrombohitra. Nanaraka azy ireo zanany roa vavy; niara-nonina tamin'izy ireo tao an-davabato izy." Somary lasa ninonino foana izy, zary lasa niahiahy ireo tanana izy ka naleony ankehitriny nisafidy ny granita na vato matevina ho tafo... Indro ary lehilahy mponina an-davabato tsy anganongano fa tena nisy, tsy vitan'ny hoe fantatra ny fisiany, fa fantatra hatramin'ny anarany. Tsy misy isalasalana ihany koa ny amin'ny vehivavy nonina an-davabato.

Toa samy leo sy sorena izy telo. Asa raha mba nahita fahafinaretana tamin'ny fandokoana ny rindrina izy ireo? Ny azo antoka dia tamin'ny tanany fa tsy nampiasa fitaovana fandokoana mifatsisitra no mety ho nandokoany ny rindrin'ny lava-bato (fitaovana niseho fotoana ela taty aoriana, rehefa niha-nitotongana ny fisainana; ireny fitaovana ireny no nentina nandokoana ny rindrin'ny olona).

Moa tsy ho nandray azy an-tanan-droa ve Abrahama, moa tsy ho nanome azy toerana manan-kaja, fahaterana feno fahasambarana ve izy, moa tsy ho nanome ireo zafikeliny ny fahafahana manangana ankohonana sambatra ve izy?

### **Mora drokidrokiana loatra izy**

Nanapakevitra ny hanamamo azy ireo zanany vavy ary dia tratrany mora foana ny tanjona nokendreny. Tsy vitan'ny dizidizina fotosiny izy fa tena mamo tampona mihitsy ka nahavita niray aranofo tamin'ny zanany vavy nefo tsy nahatsiro n'inon'inona nony maraina. Ny alina manaraka, ilay famoram-pony efa diso fantatra loatra no nanamora ny fakan'ilay zandriny vavy tahaka ny zokiny ary tsy nampihetsi-bolomaso an'ity farany akory ny zavatra nataony...

### **Famaranana**

Olona roa nanana Andriamanitra tokana Abrahama sy Lota, niara-niaina tamin'ny vanim-potoana iray izy ireo, avy amin'ny fianakaviana iray, nifampizara harena ary niray asa. Olona tsy tanteraka Abrahama saingy lehilahy nanana finoana niseho tamin'ny fankatoavana, sakaizan'Andriamanitra

nanamarika ny tantara izy. Lota kosa, izay azo antoka fa nanana toetra tsara dia zary lasa tia tena, kanosa ary nandevozin-javatra. Nanana ankohonana nampalahelo sy niaina fifandraisana sarotra teo anivon'ny fiarahanonina izy. Niaina fainana baikon'ny rendrarerendra ny zanany ary ny zafikeliny<sup>58</sup> zary lasa fahavalon'Andriamanitra. Voavonjy tamin'ny fotoana farany izy, saingy ohatra tsy fakan-tahaka.

Ny fainan'i Lota, na dia tsy resahan'ny Soratra Masina firy aza dia mitarika antsika hametraka eo ampelan-tanan'Andriamanitra indray ny safidintsika, ny fahazarantsika, ny volantsika, ny olona ifandraisantsika, ny fomba fitenintsika sy ireo sehatra maro hafa. Mamporisika antsika handrava izay mety ho kolontsaina sodomita mety ho tafiditra ao an-tokantranantsika sy indrindra ao am-pontsika ihany koa ny tantarany.

Hitondra vokatra matsiro sy maharitra ny fainantsika raha mikolokolo ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra isika. Ho voaaro amin'ny fizahan-toetra maro samihafa isika; tsy izy rehetra anefa, fa ireo izay ateraky ny fainana sotrobe lava tango ka sady may atsy no may aroa, tsy azo tsinontsinoavina anefa ireo fizahan-toetra ireo.

"Ny lala-miakatra ho amin'ny fainana no alehan'ny hendry ka idifiany ny toeran'ny maty any ambany"<sup>59</sup>

## Fizahan-toetra avy amin'ny hafa

Tamin'ny fizarana voalohany dia nifantoka betsaka tamin'ny fainan'i Josefa isika izay ny ankamaroan'ny fizahan-toetra dia avy amin'ny manodidina azy. Ny amin'ny fizahan-toetra avy amin'ny hafa izay vokatry ny fihetsiny manoloana ny fitondran-tena ratsintsika kosa no hojerentsika manomboka eto. Noho izany dia manampy hevitra izay efa nambara ihany isika. "Fa aoka tsy hisy eo aminareo hijaly satria mpamono olona, na mpangalatra, na mpanao ratsy, na mpiraharaha ny an'olona. Fa raha misy mijaly satria Kristiana, dia aoka tsy ho menatra izy; fa aoka hankalaza an'Andriamanitra amin'izany anarana izany izy."<sup>60</sup>

## Izay mamono ny tena

"Ary na dia ny **ra marina** aza dia nalatsak'i Manase be dia be mandra-pamenony an'i Jerosalema rehetra"<sup>61</sup> Jaona mpanao batisa dia maty notapahin-doha ho fanomezana fahafaham-po ny rendrarendran'ilay zatovo vavy tsy misy saina sy ny reniny noentanin'ny fitia te-hamaly faty. Stefana notoraham-bato ary Jakoba novonoina nandritra ny fanenjehana mahery vaika nahazo ny Fiagonana voalohany.<sup>62</sup> Maneho tsy am-pisalasalana ireo fisehoan-javatra ireo fa ny fanoherana ireo izay miasa hahasoa ny hafa dia tsy resabe na zavatra manjavozavo fotsiny. Marobe ireo miaramilan'i Kristy maty an'ady taloha sy mandraka ankehitriny, ary tsy vitsy amin'izy ireo no tena sangany.

Hodiantsika tsy hita ve ny fisian'izany? Fisainana tsy mahatoky sy maloto toy ny aotrisy manafina ny lohany anaty fasika izany, saingy ny vatabeny miharihary ihany.

Hekentsika fotsiny ve izany ary tsy hanao na inona inona isika manoloana azy? Tsia mazava ho azy. Petera apostoly, izay tokony ho nanampy isa ny lisitra notanisaina teo aloha ny anarany dia nafahana tamin'ny fomba mahagaga, rehefa nitolona am-bavaka andro aman'alina ho azy ireo namany. Homentsika hevitra ara-panahy amin'ny fomba mihoam-papana ve ireo zava-misy ireo, amin'ny fihirahirana teny maneho faharesen-dahatra toy ny hoe: "Mamita-tena amin'ny hetsika ataony ihany ny fahavalao", fanazavana miambakavaka ihany izany mba tsy hitenenana hoe famaritana tsy voasaina Lalina? Heveriko fa tsy mitombina izany. Tena zavamisy marina ny fanapahan-kevitra raisin'ny olombelona baikon'ny haratsiam-panahiny, ary toy izany koa ny fahoriam-pon'Andriamanitra manoloana izany. Jesosy tsy miombon-kevitra manoloana ity teolojia manatsotsotra resaka ity raha nitomany noho ny hamafisan'ny fon'ny mponina tao Jerosalema, tafitohina matetika tamin'ireo mpianany, tezitra ihany koa noho ny amin'ireo izay nanidy (tamin'ny fomba hita maso) ny

<sup>58</sup> Salamo 83.8

<sup>59</sup> Ohabolana 15.24 (diem)

<sup>60</sup> 1 Petera 4.15-16

<sup>61</sup> 2 Mpanjaka 21.16

<sup>62</sup> Matio 14.8, Asan'ny Apostoly 7.59, Asan'ny Apostoly 12.2

fanjakan'Andriamanitra tsy hidiran'ny olona. Toa mampikorotan-tsaina sy mety handratra izany teolojia izany ho an'ireo izay eny ambava ady.

Raha toy ny mpanao baolina mamono baolina any amin'ny taniny ihany ny fahavalo dia azo heverina ho namatsika ihany izy, na farafaharatsiny mpanohana miafina...Fandrika sy fahalemen'ireo izay tsy afaka na tsy te-hanaiky ny tena fisian'ny fisainana ratsy manohitra ny fisainan'Andriamanitra izany.

Marobe ny firenena izay nahita ny faharavan'ny fiangonana nandritra ny taonjato maro. Seham-panompoana maherivaika maro no nanjavona ary tsy voasolo intsony. Kaontinanta maro no tsy azon'ny Filazantsara nidirana intsony nandritra ny fotoana lava dia lava. Sitrapo miafin'Andriamanitra ve izany? Tena mila mitsotsotra any amin'ny firenena milamina sy miantoka ny fahafahan'ny mponina ao aminy vao afaka hino izany!

Soa ihany fa miresaka mahakasika ireo "mpanova fiarahamonna" ny Baiboly, toa an'i Mosesy, ireo mpitsara, Ester sy Nehemia hafa izay miandry fatratra ny hanarahana ny diany. Miankina aman'aina anefa izany matetika.

### **Karazana fandrika mahazatra hafa**

- Fifandirana mandreraka amin'ny fianakaviana mpimamo, mpiara-miasa misy toetra, fisakaizana rava.
  - Fisainana mifanohitra: toa voakasika manokana ny vadintsika ary ny zanatsika mbolaadolantsento toa mikolokolo izany fatratra.
  - Fisainana tia mifaninana: toa hita taratra izany any am-pianaranana, any am-piasana, any amin'ny birao. Toa voatery mipetraka eo ambony na eo ambanin'ny hafa izany ny tsirairay.
  - Tsy fahitan-tory noho ny fanakorontanan'ny mpiray tanana: voakorontana ny fialan-tsasatrazo, ny hozatrazo, ny fahasalamanao, ny moralinao.
  - Fanambaniana: mandre teny mandratra, manaratsy na manindrona ny aty fanahinao ianao.
  - Very asa, marary, tratran'ny lozam-pifamoivoizana na namono tena ny olona akaikin'ny fonao.
  - Fandrahonana mivantana na an-kolaka mahazo anao.
  - Manana vola aman'olona ianao: tsy mbola nilamina ihany ny zava-misy na dia efa nanoratra, niandry, niantso, dia niandry indray, nihaona mivantana tamin'ilay olona sy nandalo dingana feno fangidiana sy famelana heloka maro aza.
- Misy karazany maro sy tsy tambo isaina ny lisitra. Ahoana no hiatrehana azy? Koa satria tsy manana diksionera ianao eo am-pelan-tananao hamaliana azy, fa kosa boky an-jatony pejy, dia manoso-kevitra anao aho, raha misy mahakasika anao ireo fisehoan-javatra ireo, ny hieritreritra mahakasika ireo amin'ny alalan'ireto fanontaniana manaraka ireto:
- Misy ohatra ara-tantara avy ao amin'ny Baiboly ve afaka manazava ny saiko?
  - Nangataka tolo-tsaina avy amin'ny mpiandraikitra ara-panahy ve aho? Ny fihetsika voajanahary sy mampahonena dia ny fihatahana rehefa mandalo ady. Tsarovy fa tena ilaina ny mpiandry ondry rehefa manafika ny amboadria.
  - Nifampiresaka mazava, tamim-panajana sy tamim-pahamatorana tamin'ilay olona voakasika ve aho? Tsara lavitra matetika ny fifanazavana noho ny telo taona lany hisaintsainana sy hieritreretana tsy misy farany sy feno fikorontanana.
  - Tena nentiko am-bavaka ve ilay fisehoan-javatra?
  - Mila mitady fanampiana ve aho: dokotera, rafitra ara-tsosialy, polisy? Raha nomelohin'i Paoly ny hitsaran'ny tsy mino ny adin'ny mpianatra dia nanambara koa izy fa ny fahefana sivily dia mitondra sabatra ho fiarovana ny olom-pirenena amin'ny olon-dratsy, na kristiana izy na tsia.<sup>63</sup>

### **Fisainana vitsivitsy avy amin'ny Soratra Masina**

**Mamaly amin'ny alalan'ny fisainana mifanohitra:** "Ny famaliana mora mampitsahatra fahatezerana mafy." "Ny fiadoham-pifandirana dia toy ny mamaky tohadrano; koa ajanony izany dieny tsy mbola mihombo ny ady."

---

<sup>63</sup> Araka ny Romana 13.3-4

**Mifanatona:** “Ary raha manota aminao ny rahalahinao dia mankanesa any aminy, ka rehefa mitokana ianareo roa lahy, dia asehoy azy ny fahadisoany. Raha mihaino anao izy, dia efa azonao ny rahalahinao.”

**Mampianatra, manabe:** “Zaro amin’izay lalana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin’izany.”

**Tsy maika mandray tsao-kevitra:** “Ary aza mitsara, dia tsy hotsaraina ianareo; aza manameloka, dia tsy hohelohina ianareo”

**Sakano izay mety ho fizahan-toetra mahazo ny hafa:** “Mivoaha, mivoaha amin’ny vavahady, amboary ny lalana halehan’ny olona; asandrato ho avo ny lalambe; esory ny vato eny aminy; manangàna faneva ho tazan’ny firenena.”

**Tadiavo ny fankatoavan’Andriamanitra:** “Raha sitrak’i Jehovah ny alehan’ny olona, na dia ny fahavalony aza dia hampihavaniny aminy.”

**Mananova hetsika am-pitiavana sy am-pahamarinana, na dia manoloana ny fahavaloz aza:** “Izay te-ho be fitiavana dia manaron-keloka” “Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an’izay manenjika anareo.”<sup>64</sup>

## Fizahan-toetra avy amin’ny fahotana

Amin’ny fotoana izay hanafoanana tanteraka ny fahotana sy ny fahafatesana dia ho feno ny voninahitr’Andriamanitra izao rehetra izao. Satana sy ny mpanara-dia azy kosa dia hidiana any amin’ny farihy afo.<sup>65</sup> Ny fahafatesana izany niseho teto amin’izao tontolo izao ho tambin’ny ota na ho vokatry ny fahotana no fahavaloz farany horesena. Mbola miaina ao anatin’ny fononteny lehibe isika ankehitriny izay mbola anohizan’ny fahotana ny fandravany.

Tamin’ireo ekipa misionara maro notarihiko sy nandraisako anjara dia tsapako fa ny ankamaroan’ny fizahan-toetra, araka ny karazany avy dia noho ny tenintsika na noho ny fitondran-tenantsika manokana. Tsy araka izay noeritreretina amin’ny ankabobeny, fa ny tena olana goavana indrindra dia tsy avy amin’ny bibilava, na avy amin’ny akala na moka, na toetr’andro, na havizanana na aretina, na avy amin’ny fanamby ara-bola, na avy amin’ny tsy fahatomombanana samihafa, na avy amin’ny fanafihan’ny fahavalon’ny Filazantsara, fa avy amin’izay aloaky ny vavantsika na nateraky ny fitondran-tenantsika. Ny fifandonana sy ny olana ara-pifandraisana no antony voalohany mahatonga ny fahakivian’ny misionera, ary ho an’ny sasany aza dia mitarika azy handao ny andraikiny.

Ny mahafaty sy mahavelona dia samy hain’ny lela avokoa, sady afaka manonona fitahiana izy no manonona fanozonana. Mampitandrina ny kristiana Jakoba ao amin’ny taratasy nosoratany fa mety ho toy ny poizina mahafaty ny lela.<sup>66</sup> Nisy niteny hoe : “Maro isa lavitra ny famonoana olona amin’ny alalan’ny teny noho ny amin’ny alalan’ny basy aman-tafondro.” Noho izany: “Izay miambina ny vavany sy ny lelany Dia miaro ny fanahiny tsy ho azom-pahorianan”<sup>67</sup>

Paoly kosa indray dia mamporisika antsika manokana sy am-pisainana ny mba ho modely **amin’ny teny sy amin’ny fitondran-tena**.<sup>68</sup> Ireo lafin-javatra roa ireo ihany no hojerentsika amin’ny fanarahana ny torohevity ny apostoly.

## Ny teny mitondra fitahiana

**Miteny tenim-pitahiana:** manan-jo hiteny zava-tsoa mahakasika olona iray isika, na dia tsy eo imasonry aza.

<sup>64</sup> Ohabolana 15.1, Ohabolana 17.14, Matio 18.15, Ohabolana 22.6, Lioka 6.37, Isaia 62.10, Ohabolana 16.7, Ohabolana 17.9, Matio 5.44

<sup>65</sup> Matio 25.41

<sup>66</sup> Ohabolana 18.21, araka ny Jakoba 3.8-11

<sup>67</sup> Ohabolana 21.23

<sup>68</sup> 1 Timoty 4.12-16

**Mampahery, manampy, manolo-tsaina, mampianatra ary mamorona:** manana fahefana hamorona ny tenintsika. Ny fahasahiana, ny fampiononana, ny hevi-baovao, ny vahaolana, ny fanantenana, ny fifaliana eny hatramin'ny fanasitranana aza dia mety hivoaka avy amin'ny vavantsika.

**Maminany:** manolotra ny lelantsika ho entina manompo ny Tompo. Raha tsorina, ireo fanomezam-pahasoavana sivy avy amin'ny Fanahy Masina dia misy ifandraisany mivantana amin'ny lela avokoa.<sup>69</sup>

**Mitory Filazantsara:** "Hataony ahoana no fino izay Olona tsy reny?"<sup>70</sup> Miankina amin'ny lela mankato sy nohamasinina ny famonjena ny olombelona. Omen'i Paoly an'i Timoty ny antony lalina mahakasika ny fampaherezany: "fa raha manao izany ianao, dia hamony ny tenanao sy izay mihaino anao." "Ny finoana dia avy amin'ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy."<sup>71</sup>

**Manambara lafitsaran-javatra tsara:** Fantatralo ve ny tantaran'ity mpanamboatra kiraro iray izay nandefa iraka roa ho an'ny amin'ny faritra alavitra, samy nandeha tany amin'ny lalany avy izy ireo hanao fanadihadiana mahakasika ny tsena. Andro vitsivitsy taty aoriania dia nandray hafatra avy amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo izy. Hoy ny voalohany: "Aleo hajanona ny tetik'asa fa tsy misy manao kiraro aty!" Nanana fijery ratsy ny zava-misy ity voalohany ary ny fiarovan-tenany mazava ho azy dia izay zavatra hitany tany. Mifanohitra tanteraka amin'izany ny fomba fijerin'ilay mpitantana faharoa: nientanentana izy nahita lalana misokatra hampanao kiraro vahoaka iray manontolo! Resy lahatra mijery izay tena zava-misy marina ny olona tsy mijery afa-tsy ny lafiratsin-javatra, saingy mamofopofona fahafatesana ny tenin'izy ireo.

Azontsika fenoina io lisitra io amin'ny alalan'ny sehatra mavesa-danja toy ny **vavaka**, ny **fampioreana** ny **fifandraisana** am-pitiavana tsotra fotsiny.

## Ny teny manimba

**Ny fanaratsiana:** raha atao amin'ny fehezan-teny fohy dia mandoto pasipaoro olona iray mandritra ny taona maro izy ity.

**Ny fimonomononana:** vao avy nahita ny ranomasina nizara roa sy nanjary rindrina niaro azy mba handehanany amin'ny tany maina ny zanak'Israely, nahita koa ny fahapotehan'ny herin'i Farao.

Saingy raha tokony hangataka sakafotsy tsara tamin'ilay Andriamanitra Mpiaro izy ireo dia nimonomonona kosa, sady niahiahny amin'ny ho nitondrana azy ireo tany an'efitra hahafaty mosary azy!

Misy fomba tsara anefa hanambarana ny filan'ny tena. Ireo vehivavy mpitondra tena izay natao ambaninjavatra teo amin'ny lafiny ara-tsakafo teo amin'ny fiangonana voalohany ohatra dia tsy nahazo tsiny, fa ny mifanohitra amin'izay, nokarakarain'ny lehilahy feno fahendrena miisa fito izay notendrena manokana hamaha ity olan'ny tsy rariny ity izy ireo.

**Ny fifandiranana:** sady tsy mahaliana no tsy azo tanterahina akory ny fifandiranana amin'ny maty satria tsy afaka mamaly izy. Ny maty amin'ny fifandiranana kosa dia toetra tsara natao hampivelarina.<sup>72</sup>

**Teny maloto:** raha ny marina dia izay miteny azy no lotoiny.

**Teny tsy mahasoa:** mba efa voatery niara-nipetraka tao anaty fiara tamin'olona iray tsy mijanona miteny mihitsy ve ianao? Fampijaliana tsy irariako na ho an'iza na ho an'iza izany. Ny fahanginana sy ny fahalinana amin'ity lafin-javatra ity dia tena zava-tsoa sarobidy.

**Ny lainga:** fakam-panahy tena misy amin'ny resaka ifanaovana sy eo anivon'ny komity ny fitaka, ny famoronana zavatra tsy misy, ny fampitomboana resaka, indrindra rehefa miezaka miaro ny hevity ny tena.

**Ny teny mahery, manambany, mifono avonavona**<sup>73</sup>: halan'Andriamanitra ireo.

**Ny vazivazy**<sup>74</sup>: Andriamanitra anefa dia manao izay mampihomehy. Ny fijerena ireny zanaka saka na zanaka ganagana ireny dia ampy handresy lahatra anao ny amin'izay. Tiany ho falifaly mandrakariva

<sup>69</sup> Jereo ny 1 Korintiana 12.7-11

<sup>70</sup> Romana 10.14

<sup>71</sup> 1 Timoty 4.16, Romana 10.17

<sup>72</sup> Jereo ny 2 Timoty 2.24

<sup>73</sup> Ohabolana 6.16-19

<sup>74</sup> Efesiana 5.4

isika. Inona ary izany no tian'i Paoly ahatongavana raha mandrara antsika tsy hivazivazy izy? Fifaliana mandratra no tian'io andininy io ambara, izany hoe fampihomezana izay manafina tsilo feno haratsiam-panahy na mampiety. Tafiditra ao anatin'izany ireo fampihomehezana mahakasika ny firenena nihaviana, na faritra nihaviana sy ny maha-lahy na maha-vavy. Mihomehy avokoa ny rehetra, na mody mihomehy, saingy ny ao anaty ao tena maratra. "Fa na iza na iza maniry fiainana sy ta-hahita andro soa, aoka izy hiaro ny lelany amin'ny ratsy ary ny molony tsy hiteny fitaka."<sup>75</sup>

## Na mampiorina na mandrava ny tenintsika ny fitondran-tenantsika

Any amin'ny toeram-pandraisan'olona sasantsasany dia ahitana toy izao: "Mahafinaritra ny fahatsapana ho zava-dehibe, saingy zava-dehibe lavitra ny manao izay mahafinaritra." Misy indray milaza toy izao: "Rehefa io olona io no miakatra eo ambony pilipitra dia satry foana ny hijanonany eo (tena mahay miteny izy); saingy rehefa midina ny pilipitra izy dia tena faniriana lalina ny tsy hiverenany eo intsony (faran'izay ratsy ny fitondran-tenany)!" Tsy voatery mpitoky teny isika vao ho voakasik'izany filazana izany.

Andeha hanamarika fisehoan-javatra vitsivitsy eo amin'ny andavan'androm-piainana isika.

**Ny fahavononana hanao zavatra maro na ny fahavonoana ho an'ny hafa:** vao avy nahavita ny fianarana Baiboly nataony ity tanora lahy iray. Rehefa vita ny fanompoam-pivavahana dia hoy ny mpitandrina taminy:

- Mba afaka ahoronao ve ireo fihirana ireo?
- Ao fa ho entiko am-bavaka hoy izy.
- Mandritra ny fotoana ivavahanao dia haoriko ilay izy hoy ny mpitandrina namaly azy.

**Ny fahalalam-pomba:** ny fahalalam-pomba tena izy, ilay avy ao am-po dia tia manaja ny mpiara-belona aminy; ny fahalalam-bomba ivelany kosa, izay ny voninahitry ny tenany fotsiny ihany no antopisiany dia manjavona vetivety ka ny fampitahana, ny fitakiana ary ny fifandirana no misolo ny toerany.

**Ny lafiny fotoana:** "Avonavona ny fahatarana!" (Don Stephens) Ny fahatarana dia midika fa ny fotoanako sarobidy lavitra noho ny fotoanan'ny hafa: Mbola afaka manao izatsy na zaroa aho, tsy hiandry ahy foana ve ny hafa...

Tsikaritro tany amin'ny firenena maro izay sady tsy kolotsaina no tsy zava-dehibe eken'ny rehetra ny fahatongavana ara-potoana fa ny olona eo ambony fahefana hatrany no natao hiandry ny olona eo amboniny, ary tsy ny mifanohitra amin'izany mihitsy, misy lalàna mazava tsara anefa mahakasika izany. Ny mpianatra tara na dia telopolo segondra fotsiny ihany aza, na enina taona izy na valo ambinifolo taona, na lahy na vavy, dia voasazy avy hatrany amin'ny sazy mampivarahontsana.

Tsikaritro ihany koa fa ao amin'ny tanana iray dia afaka ahitana fiangonana feno hipoka telo miniträ mialoha ny fanombohan'ny fanompoam-pivavahana, handray ny mpitandrina sy ny antoko mpihira izay avy mitanjozotra, zato metatra miala eo anefa, ao amin'ny fiangonana hafa indray dia milahatra efa ho adiny iray aorian'ny fiantombohan'ny fihaonana. Ambaran'i Jesosy amintsika fa hisy olona ho tara na dia amin'ny fampakaram-badin'ny zanak'ondry aza!

**Ny lafiny ara-bola:** samy nantsoina halala-tanana avokoa na ny manan-karena. Fahalalam-pomba faran'izay kely ny fahatokiana amin'ny famerenana, ary famerenana amin'ny laoniny izay zavatra nindramina sy ny manefa tsy miandry takiana ny vidin'izay nalaina. Manakana fizahan-toetra tsy tambo isaina amin'ny hafa izany.

**Ny fankatoavana:** haintsika toy ny hoe voajanahary ao amintsika ny fomba famporisihana na figafiana komity, na famerenana, na fivoriam-bavaka na asa, na zava-misy iainana ao an-dakilasy, na any amin'ny birao, na any amin'ny toeram-piasana. Samy miandry fanohanana avokoa isika rehefa mavesatra ny andraikitra raisintsika; meteza noho izany ho isan'ireo *mpampahery* tsy misy fepetra isaky ny misy fahafahana hanao izany. Tsy tambo isaina ireo mpiandraikitra any amin'ny sehatra rehetra no miasa am-pisentoana, trotraka sy reraka ary dia manjavona alohan'ny fotoana noho ny fanoherana zary toa aretina mikiky, tsy mitera-bokatsoa, sady avy amin'ny devoly.

<sup>75</sup> 1 Petera 3.10

Ny fanajana ny hafa, ny hafanam-po amin'ny fanompoana, ny fifehezan-tena, ny fahavononana, sy ny maro tsy voatanisa no mampiavaka ny fainana ao amin'ny mazava na ao amin'ny maizina. Na ireo mandrotsaka fitahiana na mandrotsaka ozona amin'ny manodidina.

Amin'ny alalan'i Jaona mpanao batisa sy Zakaria no anehoan'ny Fanekeva Vaovao fainam-pandresena manoloana ny fahotana: "Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay **manaisotra ny fahotan'**izao tontolo izao." "Nanao fiananana tamin'i Abrahama razantsika Andriamanitra dia ny hanala antsika amin'ny tanan'ny fahavalantsika, ary ny hamela antsika hanompo Azy tsy amin-tahotra, fa amin-toetra **masina** sy **marina** eo anatrehany mandritra ny **andro rehetra iainantsika**."<sup>76</sup> Ny fibebhana, ny fanarenana ary ny fandehanana amin'ny fahamasinana no hany lalana mahafa-po manoloana ny fahotana sy ny voka-dratsy rehetra entiny.

"Ny ratsy fanahy hisolo voina ny marina; ary ny mpivadika hisolo voina ny olo-mahitsy fo."<sup>77</sup>

## Fizahan-toetra avy amin'izao tontolo izao

Famaritana mazava tsara no omen'ny Baiboly ny teny hoe *izao tontolo izao*. Mba hahazoantsika tsara izay mahakasika antsika dia tsara ny manamarika fa izao tontolo izao akory **tsy**:

- izao rehetra izao, tsy ny habakabaka sy izay rehetra eo aminy, tsy ny lanitra sy ny **tany** izay **an'llay nahary** azy.

- **ny olombelona** izay tian'Andriamanitra sy tiany hovonjena.

- **ny fainana ankehitriny** sy ny ho avy.<sup>78</sup>

Ny izao tontolo izao izay resahantsika eto dia ilay mivoaka avy amin'ny fanjakan'ny fahamaizinana; ilay fisainana feno fahalovana, ilay kolontsaina mihasimba izay toy ny fery manonitra mambambo nefy tsy mangataka alalana amin'ireo izay mifandray maniny.

"Ny zavatra rehetra izay ao amin'izao tontolo izao, izany hoe ny filan-dratsin'ny maha olona mpanota sy ny fitsiriritan-javatra hitan'ny maso ary ny rehaka momba izao fainana izao dia tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao."<sup>79</sup>

"Na iza na iza te-ho sakaizan'izao tontolo izao, dia fahavalon'Andriamanitra izy."<sup>80</sup> Na dia mifantoka kokoa amin'ny toerana iray fa tsy amin'ny toerana hafa aza ity izao tontolo izao ity indraindray (toerana fijangajangana, zava-kanto feno faharatsiana, toerana fanasinana) dia tsy zavatra azo tsapain-tanana izy ity. Misosoka mangina amin'ny resaka ifanaovana izy, amin'ny fomba fijery, amin'ny safidy, amin'ny hetsika ary voalohany indrindra ao amin'ny fon'olombelona. Izany no antony nahatonga an'i Paoly nahatakatra izay zavatra tao am-pon'ny Aeropago tany Atena<sup>81</sup>, tendrombohitra iray natokana ho an'ny andriamaniry ny ady ary ahitana alitara maromaro, dia toy izay ihany koa, afaka ny ho entanin'ny fanahin'izao tontolo izao ny Fariseo iray mijoro mivavaka ao amin'ny tempoly tao Jerosalema.<sup>82</sup>

Mety ho tena zava-doza no miseho raha ampifangaroan'ny kristiana ireo famaritana ireo. Noho izany, ho an'ny sasany, izay rehetra hita maso sy azo tsapain-tanana ivelan'ny tokantranony, na manodidina ny trano fivavahany no *izao tontolo izao*, izany hoe *faritanin'ny devoly*. Vokatr'izany, na dia voatery handray tombontsoa tsy toko tsy forohana avy amin'ny planetra misy azy sy ny fiarahamonina manodidina azy aza izy dia miaina fainana mivaky roa ary farany dia zary mitondra tena toy ny olom-pirenena ambany sokajy, miahiahy lalandava sady tsy mahatsiaro tena ho voaaro. Hadinony fa an'i Jehovah ny tany sy izay rehetra eo aminy, hadinony fa nohariana avokoa hatramin'ny molekiola iray mandrafitra izao rehetra izao sady hazonin'ny Tenin'Andriamanitra, ary nomena an'i Kristy ny fahefana rehetra ety an-tany...Eo imason'izy ireo dia tsy Andriamanitra intsony no tompony ary Satana kosa ilay mpangalatra, fa toa ny mifanohitra amin'izany! Mitarika azy hahatsiaro tena ho ambany sy tsy

<sup>76</sup> Jaona 1.29, Lioka 1.73-75. Manoro hevitra anao aho hamaky ny bokin'i Floyd Mc Clung "Victoire sur le péché ». Manatona ny Fivarotam-boky akaiky anao na amin'ny edisionan'ny JEM, azafady indrindra.

<sup>77</sup> Ohabolana 21.18 (Baiboly katolika)

<sup>78</sup> Salamo 24.1, Jaona 3.16, Matio 12.32, ny fainana na izao tontolo izao ankehitriny sy ny ho avy.

<sup>79</sup> 1 Jaona 2.16 (diem)

<sup>80</sup> Jakoba 4.4

<sup>81</sup> Asa 17.19-34

<sup>82</sup> Lioka 18.10-14

mahazo aina izany fisainana diso izany raha tokony banana fahatokiana feno izy ireo. Ny hoe mandresy izao tontolo izao tsy midika ho fikatonana an-trano, fa famirapiratana amin'ny toerana rehetra sy amin'ny fisehoan-javatra rehetra amin'ny alalan'ny fisainana vaovao dia ny fisainan'ny fanjakan'Andriamanitra.

Maneho mazava tsara ny famitahan'izao tontolo izao ny fanoharana ny amin'ilay zanaka adala. Hohitantsika fa na ilay zokiny izay na dia niara-niaina tamin'ny rainy aza dia tsy mba notarihan'ny Fanahin'Andriamanitra fa notarihin'ny fanahin'izao tontolo izao kosa.

### Ilay faralahy<sup>83</sup>

"Banana zanaka roa lahy ity lehilay iray. Hoy ny zandriny tamin'ny rainy: "Dada a, omeo ahy ny anjara lovako." Dia nozarin'ny rainy ny lovan'izy ireo. Andro vitsivitsy taty aoriana, rehefa nangonin'ilay faralahy ny fananany rehetra dia lasa tany amin'ny firenena alavitra izy, ary dia nolanihany tamin'ny fiaianana amin'ny fahalotoana ny fananany."

Nihevitra angamba ity zatovolahy ity fa ny vola, ny fandehanana mitety faritra, ny namana, ny fahafinaretana no atao hoe fahafahana! Ilay rainy, izay maneho amin'Andriamanitra dia efa nilaozan'ny toetr'andro eo imasonry. Te higalabona amin'ny lovany avy hatrany alavitra azy izy. Toy ny nambaran'olona iray hoe rehefa mandeha manjono ny devoly dia mampiasa fintana mandaitra izy. Eo am-boalohany dia hainy tsara ny mamaly fitia izay manaraka azy, izany no mampahomby azy ary maro no voataona. Ity misy ohatra iray ho fanazavana. Nanatavy kisoa ity mpiompy iray avy any Irlande; diso natavy loatra ilay kisoa ka zary nanahirana ny nitondra azy tany amin'ny toerana famonoana biby. Novohain'ilay mpiompy avy eo ny fahittra, nandeha teo alohany izy niaraka tamin'ny kitapo nisy tsaramaso sady nandraka ilay tsaramaso tsirairay teo alohan'ilay biby. Sady nitrotrona naneho ny fahafaham-pony ilay kisoa no niroso ho any amin'ny toerana hahafatesany...

Rehefa tsy rahirahiana Ilay Raintsika dia tsy mba miaro tena Izy fa mangina fotsiny. Tsy manana olana amin'ny vanintaolana anefa izy, na misy fanaintainana amin'ny hozatra, tsy mikitrunga izy na efa osan'ny fahanterana; ny tena marina dia tsara tarehy lavitra, mailaka lavitra ary matanjaka lavitra noho ny mpanao fanatanjahantena Izy. Mazava ho azy fa hainy tsara ny maneho ny mampiavaka azy, saingy tena tomady tanteraka Izy! Ny lova izay nomeny antsika dia ny masontsika, ny saintsika, ny fihetseham-pontsika, ny fananahantsika, ny herintsika.

"Rehefa laniny ny hareny rehetra dia nisy mosary tany amin'ilay firenena, ary dia nanomboka sahirana izy nahita izay hohaniny. Nandeha niasa taman'olona iray tao amin'io tanana io izy, ary dia nalefany tany an-tsahany hiandry kisoa. Naniry fatratra ny mba hamoky tena tamin'ny hanina nohanin'ny kisoa izy, saingy tsy nisy nandroso izany ho azy."

Tsy manalavitra ny fahalotoana ara-pitondran-tena ny mosary. Niara-nanjavona tamin'ny vola ny fety sy ny namana. Vita hateo ny fitetezana tany.

Mety ho nitady asa mahakasika fitantanana angamba izy? Saingy nolavina. Sa asan'ny mpanefy ? Tsy misy toerana intsony. Eny tsy nisy na dia asa mitatitra entana aza. Noho ny farany dia nisy niteny taminy hoe: "Raha hiasa amin'ny tranon-kisoa ianao dia afaka mijanona ato." Hitany tao amin'io toerana io fa omena hanina ny kisoa, saingy izy tsy mba nisy manome. Sambany teo amin'ny fianany no nainany ngidin'ny fanilikilohana sy ny fanambaniana.

Raha misy mandà ny ray niteraka azy dia ny tenany mihitsy no laviny. Arakaraka ny hanalavirana an'Andriamanitra dia miha-diso ny fisainantsika, mivaralila ny feon'ny fieritreretantsika, tsy manan-kery intsony ny sitrapontsika, tsy izay tiantsika atao intsony no atao fa izay tsy tiantsika atao.

Rehefa tsy manana n'inon'inona intsony, tsy manana n'inon'inona eto an-tany sy any an-danitra dia very fanantenana. Lasa mankahala ny tena, te-hiova volon-kodotra sy hanomboka fiaianana vaovao. Te-ho lasa vorona mba ho afaka handositra ilay mpampahory ny tena, ho lasa menarana ho afaka hamaly faty na ho tonga zanak'ondry mba hiaina am-piadanana. Fa ilay faralahy kosa dia naleony ho lasa kisoa mba tsy ho fatin'ny hanoanana.

"Rehefa tonga saina izy dia niteny anakampo hoe : "Firifiry ny mpiasan'ny raiko voky hanina, fa izaho kosa ity matin'ny hanoanana!" Nanomboka tao an-kibo ny hanoanana avy eo niakatra nahazo ny fo.

<sup>83</sup> Asa 17.29-34

Mety nivavaka angamba izy mba hahazo hanin-kisoa; saingy tsy ny hanova ny hanina fihinany no sitrak'Andriamanitra fa ny hanova ny fiaianany. Nanana fotoana betsaka nieritreretana izy tany ampiandrasana kisoa. Nitaona sy namitaka azy izao tontolo izao; noana mafy izy, irery, tsy nisy mpiraharaha. Tonga saina izy fa na ny satan'ny mpanompo tao an-tranon-drainy aza tsara lavitra noho ny firenireneny tao anatin'ny fahafoanana sy ny hatsiaka.

Tao amin'ny trano fandraisan'olona izay nosokafan'ny Tanora Mpanefa Iraka tany amin'ny toerana ifamezivezen'ny zava-mahadomelina dia tsapa fa mora kokoa ny manampy ireo izay niverina avy any Katmandou noho ireo izay vao mizotra ho any. Ny ala mikitroky ny samy maka ho azy, ny aretina na ny fangalaran'ny namana hatramin'ny fahazazana izay rehetra nananana dia toa nanome rariny ny fisarihan'ilay paradise noforonin'olombelona.

Ny famantarana izay tena miseho marina ao anatin'ny tena ao dia midika ho fandininan-tena, fahasahiana miatrika ny zava-misy marina. Tsy misy afaka hilaza ho mitady ny marina raha tsy manao izany hetsika mazava izany. Ny sasany anefa nisafidy ny famonoan-tena, ny fampitahorana, ny fanakorontanana, ny fimamoana. Mitaky fahasahiana kokoa ny fiekanana ny fahadisoana noho ny fanamarinan-tena, mitaky fahasahiana kokoa ny fiovana noho ny tsy fivakiana loha, mitaky fahasahiana kokoa ny miteraka noho ny manala zaza. Teo am-pisaintsainana ny fiafaran'ny fiaianany izy dia mety ho tsapany izany rehetra izany nefo koa mety tsy fantany intsony na ny tenany aza. "Fa izaho kosa mahalala anao, hoy ny bitsiky ny Fanahy; mila fahazoana antoka ho voaaro ianao, niseho ho mafy loha ianao, saingy feno tahotra ianao ao anatinao ao. Mila fitsipi-pifehezana ianao; noho ny finiavana hiaina tsy misy lalana dia ianao ihany no mampijaly ny tenanao. Mila fitiavana ianao; sady tia tena no tsy manam-panahy ny fitiavan-tena, nampisotroiny ny mafaitra ianao. Fantatrao ny fomba fiasan-dravola, saingy nila namana feno fahalemem-panahy sy tsy mila tambiny ianao. Mety ho nandoa vola tamin'ny fanantenana ny ho tiana angamba izy, saingy tsy nety afa-po ny hetahetany hahita fahalemem-panahy.

Nandray fanapahan-kevitra izy taorian'ny ady mafy natrehany nanohitra ny avonavony. Io fanapahan-kevitra noraisiny io no hamonjy azy: "Hitsangana aho, ho any amin'ny raiko aho, hiteny aminy aho hoe: Dada o! Nanota tamin'ny lanitra sy taminao aho, tsy mendrika intsony ny hantsoina hoe zanakao."

Zavatra telo no nataon'ity zatovolahy ity. **Nandray fanapahan-kevitra** hentitra izy, **nanatona ny rainy** izy, **niaiky ny fahadisoany** izy.

Nahita lehilahy nanatona avy lavitra ilay raim-pianakaviana. Mety tsy ho fantany avy hatrany ilay olona, nahia kely ilay izy ary ny fitafiany tsy toy ny nahafantarany azy teo aloha intsony fa rovitra ny akanjony. Saingy fantany ny fandehany ary dia *nihazakazaka* nanatona azy izy, namihina azy ny sadriny ary nandena ny tavany ny ranomasonry.

Azo antoka fa te-hiteny amin'iray amin'ireo mpamaky ity boky ity Andriamanitra manao hoe; "Te-hamihina anao aho, te-hamafa ny ranomasonao, te-handray anao aho." Tsy misy fahasambarana toy izany hoe tafaverina ao an-trano sy mahalala ny tena hevit'izany hoe ao an-tokatrano izany.

"Hoy ilay rainy tamin'ny mpanompony: "Ento aty haingana ny akanjo tsara indrindra, ary ampanaovy azy; asio peratra ny tanany, sy kiraro eo amin'ny tongony. Ento aty ny zanak'omby matavy ary vonoy. Andeha hihinana sy hifaly isika; satria ity zanako ity efa maty, saingy indro fa velona indray; very izy, fa indro hita indray." Dia nanomboka nifety izy ireo."

Notapahin'ilay rainy ny fieken'ilay zanany ny helony, izay ao am-po no zava-dehibe indrindra. Haingana, fitafiana vaovao, peratra, kiraro, fety; tsy fandraisana mpanompo izany fa fandraisana zanaka. **Te-hanafaka antsika ao amin'ny fandrik'izao tontolo izao, te-hanangana antsika ho zanaka, te-hanadio ny ao anatintsika, te-hanome antsika hery ho entina mitia sy antoka ny amin'ny fiaianana vaovao sy mandrakizay** *Ilay Andriamanitr'izao* rehetra izao.

## Ilay lahimatea

"Ilay lahimatea kosa tany an-tsaha. Rehefa tonga izy ka nanakaiky ny trano dia nandre mozika sy dihy. Niantso ny iray tamin'ireo mpanompo izy ary nanontany azy ny zava-niseho. Namaly azy ity mpanompo nanao hoe : "Niverina ny rahalahinao, koa satria hitany salama tsara izy dia namono zanak'omby matavy ny rainao." Tezitra mafy izy ka tsy nety niditra."

Tany an-tsaha ilay lahimatoa izay nijanona tao amin'ny toeram-piompian'ny ankohonany. Niasa mafy izy. Saingy tamin'ity indray andro ity dia nisy krizy nanomboka niseho. Raha izy nody iny indrindra ka nandre ny anton'ny fety aman-danonana dia lotika fony.

"Nivoaka ny rainy ka niangavy azy mba hiditra."

Indraindray Andriamanitra dia miangavy. Iza no iangavany ? Isika. Tsy mampiasa ny maha-tsitoha Azy Izy ho entina manery antsika, satria tsy fanjakana mpanjakazaka ny fanjakany, saingy hainy ny mandrefy ny fahasamihafan'ny fiainana miraka Aminy sy tsy misy Azy; izany no antony anasany antsika mba hiditra. "Mifidiana ny fiainana, mifidiana ny fahasoavana, mifidiana ny fitiavana sy ny famelan-keloka!" Tsy handre mihitsy isika olona nanaiky ny fansany ka hiteny indray avy eo hoe: "Raha mba izay aho no nijanona tany ivelany iray na roa taona; indrisy mantsy fa haingana loatra ny fiovako fol!" Ny mifanohitra amin'izany no fahenontsika metetika: "Raha mba azoko alohaloha kokoa mantsy; raha mba tsy nandilanily foana tamin'ny tsy misy antony ireny fotoana rehetra ireny aho!"

"Saingy hoy izy namaly ny rainy: Efa an-taona maro izay no nanompoako anao, tsy mbola nanda ny baikonao aho, nefo dia tsy mbola nanome ahy zanak'osy iray akory ianao mba hifaliako miraka amin'ny namako. Saingy raha vao tonga ny zanakao, ilay nandany ny harenanao tamin'ny mpivarotena, dia namono zanak'omby matavy ho azy ianao!"

Tsy nety niditra ilay lahimatoa, tsy **afaka** ny niditra izy; fa nahoana? Satria ilay fety tapotapoka, maimaimpoana, feno fifaliana tsy mifanaraka mihitsy amin'ny fomba fijeriny ny zava-misy. Ho azy, ny fiainana (kristiana) dia mafy, maloka, miezinezina, fombam-pivavahana. Nanantena ny hahazo ny lanitra avy amin'ny herin'ny tenany izy. Tsy sahy nanaraka ny dian'ilay zandriny izy, angamba noho ny tahotra, na noho ny fahendrena, na noho ny tombontsoa, saingy ny fitaoman'izao tontolo izao nanapaka azy ary noho izany dia tsy mba nifaly tamin'ny toerana maha zanaka azy izy.

Midika inona ireo taona maro nikelerezana aina mba ho tonga mendrika hahazo zanak'osy raha ilay zandry tsy haninon-tsy haninona nahazo fandraisana mipoapoaka? Nanala tanteraka ny antoka tao aminy ny fanomezana maimaimpoana avy amin'Andriamanitra. Feno kajikajy ny fony; nampitaha ny tenany sy nanisa ny fahotan'ny rahalahiny izy, feno fialonana izy, sorena, very hevitra. Fa naninona ary ilay tsy misy ilana azy ity, ity mpikomy ity no niverina? Tsy namela ny helony izy. Raha ao iny, izaho tsy hiditra! Ny aminy manontolo mihitsy no nentanin'ny fanahin'izao tontolo izao: fialonana, fitsiriritana, avonavona. Rariny loatra raha mpiasa mitoetra ho mahatoky no hotafintohina toy izao raha manoloana mpiara-miasa tsy mahatoky izy, fa tsy zoky lahy mahita ny zandriny lahy miverina ao antano!

Firifiry moa ny fikambanana kristiana no latsaka ao amin'ny fahadisoana toy izany? Firifiry ny ankohonana na mpivady miasa ho an'ny Ray, nefo ny fomba fifandraisany kosa miroina amin'ny soatoavin'ity lahimatoa ity?

"Anaka, hoy ity raim-pianakaviana, ianao teto anatrehako mandrakariva, ary izay rehetra ahy dia anao; saingy tsy tokony hifaly sy hiravo ve isika satria ity rahalahinao efa maty fa indro velona indray, efa very fa indro hita indray."

Sady fohy no lalina ny valin-tenin'ilay raim-pianakaviana. Mifono fahamarinana roa izay mila azontsika tsara raha tantsika ny handresy ny fanahin'izao tontolo izao. Mampianatra azy ny maha-izy azy ny rainy: **anaka**, sy izay ananany **izay rehetra ahy dia anao...**

Ho an'izay efa akaiky Azy, nefo mbola entanin'ny fanahin'izao tontolo izao dia miteny ireo zavatra roa faranan'izay manan-danja aminy Andriamanitra: "Zanako **ianao, anao** izay rehetra ahy."

Toa manam-pahefana amintsika izao tontolo izao rehefa tsy fantantsika ny maha-izy antsika sy izay ananantsika, na rehefa misalasala isika. Mila ny fandresen-dahatra tanteraka avy amin'ny Fanahy Masina isika mba hiorim-paka ao amin'ny fisainantsika, ary avy eo eo amin'ny fiainantsika andavan'andro io fiovan'ny fisainana io. Indro misy sary fanazavana.

Resy lahatra ity adala iray fa maty izy. Niezaka nandresy lahatra ny tsy fahamarinan'izany ny namany sy ny ray aman-dreniny, saingy tsy nisy vokany; tena resy lahatra izy fa efa maty. Nalefa tany amin'ny mpitsabo ny saina faran'izay mahay indrindra tao an-tanana izy. Fahamarina tokana ihany no nezahin'ity mpitsabo nalentika tao an-tsain'ity tanora marary ity: *ny maty tsy mandeha ra*. Taorian'ny enimbolana nitsaboana azy dia hoy ilay marary taminy: "Azoko izao fa ny maty tsy mandeha ra."

Niantso haingana mpitsambo mpanampy mba hitondra fitaovana fanindromana izy, ary nanindrona ny

ratsan-tanan'ilay adala. Nisy ra nitete nanaraka ny ratsan-tanany... Dia hoy izy: "Hay ve ny maty mba mandeha ra koa!"

Toy izany no miseho eto amin'ity tantarantsika ity. Tsy azon'ilay lahimatoa hoe iza izy. Niezaka nila sitraka, fitiavana, fitahiana, zo izay efa ananany sahady izy! Niaina tamin'ny alalan'ny soatoavina mibaiko ny mpiasa izy: *mendrika dia mahazo*, raha tokony ho *mandray dia manome*.

Manana olana amin'ny kristiana anapitrisany Andriamanitra ankehitriny. Ireo kristiana izay miady, mifampitaha, misaraka ary mamorona fiainana **feno fizahan-toetra tsy misy ilana azy akory**. Tsy manana antoka ny ho tiana tsy misy sandany amin'ny maha-zanaka azy izy ary mitady amin'ny fomba rehetra ny mba ho mendrika ny sata maha-zanaka. "Ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika."<sup>84</sup> **Finoana ny amin'ny maha-izy antsika sy izay ananantsika.**

## Fizahan-toetra avy amin'ny devoly<sup>85</sup>

### Satana, rain'ny lainga

Tamin'ny fotoana izay nikasan'i Losifera haka ny toeran'Andriamanitra no niseho voalohany indrindra teto amin'izao rehetra izao ny fahotana, izay tsy inona fa ny lainga. Tamin'ny alalan'ity fikasana hanongam-panjakana ity no nahatonga azy ho **ray**, niteraka, loharano nipoiran'ny **lainga**<sup>86</sup>. Tsy niaro ny seza fiandrianany Andriamanitra satria raha izany no nataony dia ho Andriamanitra mpanao andolombo sy mikolokolo valifaty sady be fialonana Izy! Malemy fanahy, nefo koa marina sy hendry Andriamanitra; ary Izy izay tsy mba nohariana, llay Andriamanitra tokana dia tsy hamela kosa izao rehetra izao hivarina an-kady noho ny faniriana tsy voafehy ananan'ny zavatra nohariana, na iza izy na iza.

Ny fahotana noho izany tsy masomboly kely napetrak'llay Mpahary mangingina tao am-pon'i Losifera na tao am-pon'ireo ray aman-drenintsika voalohany. Safidy ara-moraly ny fahotana, **noforoporonin**'ny zava-manan'aina nomena fahafahana iray na maromaro. Ny zava-manan'aina manana fahafahana sy tanteraka, noho ny maha-voaary azy dia **mety** tsy hankato. Ny fahafahana misafidy dia manome lanja ny fankatoavana (ny hetsika baikoina avy lavitra tsy fankatoavana, fa vokatra ateraky ny anton-javatra fotsiny ihany), avy eo ny fisakaizana ary ny fitiavana. Tsy tokony hisy akory ny tsy fankatoavana ao anatin'izany.<sup>87</sup>

Na tsy hita maso aza dia tena miasa Satanà sy ny devoly miaramilany. Mampitandrina antsika ny Baiboly fa tsy vitan'ny mandainga Satanà sy ny devoly fa mametsifetsy, miseho amin'ny endrika hafa, mitaona, misoko mangina, mampihorohoro, maka fanahy, mamataka, manakana, mangalatra, mamatotra, manapaka, miapanga, mamatotra am-ponja, mamafy ahi-dratsy sy manala ny masomboly tsara, manao fahagagana, famatarana sy asa mahagaga mamataka, manota, mamono ary mandringana ihany koa.

Na dia voafetra araka isa, voafetra amin'ny fahalalana, voafetra amin'ny fahefana<sup>88</sup> aza sady tsy manerana izao rehetra izao ihany koa aza izy ireo, ny fandravana aterany kosa dia tena mohoapapana, satria amin'ny lafin-javatra rehetra dia mora lavitra ny mandrava noho ny manorina. Tsy sarotra ny manakatra izany raha raisina ho ohatra ny amin'ny katedraly iray izay am-polo taonany maro no nanorenan'ireo mpanorina maro be sy tena kinga azy, nefo dia tao anatin'ny in-drav mipimaso fotsiny no nanapoahan'olona iray tsy dia salama saina azy. Toy izany ihany koa, rehefa mety ho olon-dratsy dia afaka hanindron'antsy fon'olona iray, kanefa kosa mpitsabo mpandidy faran'izay tapim-pahalalana irery ihany vao afaka manamboatra na manolo azy.

<sup>84</sup> 1 Jaona 5.4

<sup>85</sup> Anarana samihafa entina hanehoana fanahy iray ihany ny hoe devoly, Satanà, Losifera, ilay ratsy, sns.

<sup>86</sup> Jaona 8.44

<sup>87</sup> Niaina tamin'ny fankatoavana, fisakaizana ary fitiavana tamin'Andriamanitra Adama sy Eva nialoha ny fahalavoana. Ireo anjely mitoetra ho mahatoky kosa dia mankato an'Andriamanitra ary mihamika ao amin'ny fitiavany ary tsy mila mahalala akory ny amin'ny fahotana.

<sup>88</sup> Ny tantaran'ny loza folo tany Egypte no manoritsoritra ny fahefana sy ny fetran'i Satanà. Eksodosy 7-12

## **Ny lalana faran'izay sarotra nolalovan'i Joba**

Mpitondra hafatra efatra no tonga tao amin'i Joba tao anatin'ny iray andro mba hilaza aminy fa naringan'ny mpangalatra tamin'ny sabatra ny mpanompony ary nangalariny avokoa ny ramevany sy ny ombiny rehetra. Niaraka tamin'izany, fa tany amin'ny toerana hafa indray dia naripaky ny varatra ny mpiandry ondry sy ny ondriny, tsy vitan'izany fa tratran'ny rivo-doza ihany koa ny trano fonenan'ny lahimatoany. Tsy ny lahimatoany ihany anefa no maty tao, fa ny iray tampo aminy rehetra izay nivory tao amin'io andro io. Rehefa nesorina taminy toy izany ny zanany lahy, ny zanany vavy, ny mpanompony ary ny biby fiompin'y dia niankohoka tamin'ny tany Joba ary nanambara teny izay namakivaky arivo taona maro: "Jehovah no nanome, Jehovah no nanaisotra, isaorana anie ny anaran'i Jehovah"<sup>89</sup> Tapitra hatrevo ve ny zava-doza nahazo azy? Tsia, mbola notafihan'i Satana tamin'ny areti-mandoza izy. Ny vadiny, izay hany sisa niangana kosa niteny taminy hoe: "Mahafoiza an'Andriamanitra dia matesa any ianao!" (dikanteny protestanta sy diem) Izany ve no mba tolo-tsaina omena! Joba kosa niorina mafy tamin'ny finoany tao anatin'ny fahorianana lalina nisy azy. Hafahan'Andriamaniny sy homeny fahafaham-po izy amin'ny farany.

Hoy Jesosy amintsika: "Ny mpangalatra tsy avy raha tsy **hangalatra, hamono** ary **handringana**, fa izaho avy mba hananan'ny ondriko fainana ary hananany fainana bediabe."<sup>90</sup> Olombelona maro izay tsy niaina fizahan-toetra mivaivay tahaka an'i Joba no mahatsiaro nangalarina; ao indray miha-maty andro aman'alina (toy ny misy mamono), ny hafa indray dia toy ny korotam-by ny fainany (ringana). Fa nahoana ary? Satria misy tena feno fankahalana azy ao. Toy izao no nosoratan'i Paoly apostoly: "Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-dra, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotor."<sup>91</sup> Ireo izay tsy mahalala ny fisian'io ady io dia na manda ny fisiany, na manilika andraikitra amin'Andriamanitra hany ka vao maika tsy manan-kery hoenti-miady.

## **Satana mpangalatra**

Satana, izay midika hoe fahavalox dia mpangalatra; inona no ezahiny angalarina? Lava ny lisitra! Olona tsy tambo isaina no angalariny amin'ny alalan'ny ady, fanaovana sesitany, loza voajanahary. Raha eo amin'ny lafiny fainana manokana indray dia miezaka mangalatra ny fomba fijery tsara ny tenantsika izy, ny fahatanorantsika, ny fahasahantsika, ny fifalantsika ary ny tanjontsika. Miezaka mangalatra ny zanantsika amin'ny alalan'ny fanalan-jaza, fikomiana na ny zava-mahadomelina izy. Indraindray dia angalariny amin'ny alalan'ny fisarahan-panambadiana ny ray aman-drenintsika. Ezahiny angalarina ny fifandraisantsika amin'ireo namantsika, ny hakanton'ny fanambadiana amin'ny maha-fifandraisana voatokana azy, ny nofinofiny, ny famirapiratany. Ezahiny angalarina ny fialantsasatra tokony ho antsika, ny torimasontsika, ny asantsika, ny toerana misy antsika eo amin'ny fiarahamonina, ny karamantsika ary ny fananantsika. Ezahiny angalarina ny lazantsika amin'ny tsikera, fosafosa, fanaratsiana; ezahiny potehina ny faharesen-dahatsika amin'ny fibitsihana ao amin'ny fanahintsika hoe: "Tena niteny izany tokoa ve Andriamanitra? Tena tia anao tokoa ve Andriamanitra? Angalarin'ny devoly ny fiadanantsika, ataony izay hanamelohantsika tena ary miampanga antsika andro aman'alina izy.

## **Satana mpandringana**

**Tafihany ny vatantsika** amin'ny alalan'ny aretina, fampahorianana, fakam-panahy amin'ny endriny rehetra. Tafihany ihany koa ireo akaikin'ny fontsika amin'ny lafiny ara-pahasalamana mba hanakanana antsika tsy handroso amin'ny fanarahantsika an'Andriamanitra. Jesosy kosa dia mpiandany mahatoky ho antsika, mikatsaka hatrany izay mahasoa antsika izy. Hoy izy: "Koa ity

---

<sup>89</sup> Araka ny Joba 1

<sup>90</sup> Jaona 10.10

<sup>91</sup> Efesiana 6.12

vehivavy zanak'i Abrahama ity, izay efa nafatot'i Satana izao valo ambin'ny folo taona izao, moa tsy tokony hovahana ho afaka amin'izany fatorana izany va...?"<sup>92</sup>

**Tafihany ny maha-izy antsika.** Nandeha lalan-davitra ity vehivavy iray mba hihona amina mpitaiza fanta-daza. Tamin'ny fampiasany ny herin'ny devoly tao aminy dia nanomboka nambarany taminy ny lasan'ilay vehivavy, nefo tsy nisy nanambara taminy mialoha mahakasika izany. Sahiran-tsaina ilay vehivavy ary nihevitra izy fa hitsahatra amin'ny ankehitrininy ny tantara, saingy mbola notohizany tamin'ny ho aviny ihany koa ny fitantarana. Nanomboka teo dia niaina tokoa izay nambara taminy izy, ary azony an-tsaina fa lasa andevon'ireo fanambarana mialoha mahakasika ny fiainany ho avy ireo izy. Ny vahaolana tokana azo eritreretina ho azy dia ny famonoan-tena. Raha izy nisaintsaina izany indrindra no nahare ny Filazantsara ary dia niova fo izy. Teo noho eo ihany dia nahatsiaro tena ho olon'afaka izy ary nialany ny lalana izay nosoritina halehany.

Tsy mahalala ny ho avy ny devoly saingy noho ity vehivavy ity nanatona azy ireo dia nafatony tamin'ny fikasan-dratsiny izy.

Mitady fatratra ny hanozongozonana antsika sy hanasarohana antsika amin'ny hafa amin'ny famafazana fisalasalana ihany koa Satana. Ahoana no fomba fiadiny? Ezahiny manokana ny handresena lahatra antsika fa ambany na ambonin'ny hafa isika: "Raha tahaka anao daholo ny olona rehetra dia hilamina ny zavatra rehetra", na koa "Raha fantatry ny olona hoe iza marina moa ianao io dia hiatahany ianao."

Hafa mihitsy ny fanambaran'ny Soratra Masina; na dia samihafa sy manokana aza isika rehetra, dia toy ny ratsam-batana amin'ny tena iray isika ka samy ilaina ary samy sarobidy avokoa.

### Inona no vahaolana omen'ny Baiboly antsika?

Ampahafantarin'ny Baiboly antsika fa afaka ny haina eto amin'ity tany ity amin'ny fibatana fandresena manoloana an'i Satana isika. Tena mamaky am-pahalinana ity lahatsoratra ity angamba ianao, nanapakevitra ny hanao izay hahazoana tsara izay voalaza ianao, hanao izay handresena ilay mierona toy ny liona<sup>93</sup>, tsara izany, saingy tsy ampy. Nanana tranokely tany anaty ala ity mpihaza iray; rehefa nohidiany ilay tranokely dia lasa nihaza liona izy. Rehefa nivily alala kely izy dia nahita biby masika iray. Nokendreny ary notifiriny nefo tsy voany. Nitodika ilay biby, nitrena ary nanomboka nanenjika azy. Efa saiky matin'ny tahotra ilay lehilahy saingy afaka nandositra ihany, mbola nanenjika azy hatrany anefa ilay liona. Efa reraka tanteraka izy vao tonga teo amin'ilay tranokeliny. Nokarohiny fatratra ilay fanalahidy saingy tsy hitany. Niantsampy tany amin'ilay rangahy ilay biby masiaka ary nihinana azy teo aloan'ny varavarany! Efa saika voavonjy ihany ity lehilahy ity, kely foana sisa no tsy nahavotra azy, saingy indrisy fa maty izy.

Inona no fanalahidy ilaina mba handresentsika ny fahavalontsika?

### Ataovy azo antoka fa miaraka amin'ilay Mpiandry tsara ianao

" Izaho no Mpiandry Tsara; ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry. Ary ny mpikarama, satria tsy mpiandry na tompon'ny ondry izy, koa raha mahita ny amboadia avy, dia mandoa ny ondry ka mandositra, ary ny amboadia misambotra ny ondry ka mampihahaka azy"<sup>94</sup>

Tsindrian'i Jesosy manokana fa rehefa mandeha tsara ny zavatra rehetra dia tsy hita ny fahasamihafan'izay manana mpiandry tsara na izay tsy manana. Rehefa tonga ny fotoan-tsarotra vao ho tsapantsika na ao amin'ny andian'ondrinhy isika na ondry tandreman'ny mpikarama.

Tsy misy fisehoan-javatra maha-tapidalan-kaleha izany rehefa miaraka amin'ny mpiandry tsara; saingy mety ho tampin-dalan-kaleha izay nanankina ny fiainany amin'ny mpikarama. Fantatr'i Jesosy fa toy ny ondry malemy isika amin'ny lafiny maro. Fantany fa mety haka fanahy antsika ny olombelona sy ny filozofiany, hitrandraka antsika, hanararaotra antsika ary farany dia tsy ho afa-miala manoloana ny mpandringana isika. Ny fivavahana, ny fahalalana, ny fahefan'olombelona dia samy mety ho mpikaraman'i Satana avokoa. Jesosy Kristy ao anatinao irery ihany no lehibe noho izy rehetra, saingy

<sup>92</sup> Lioka 13.16, mazava ho azy fa tsy ny aretina rehetra akory dia avy amin'ny devoly avokoa.

<sup>93</sup> Araka ny 1 Petera 5.8-9

<sup>94</sup> Jaona 10.11-12

mba hahafahany monina eo amin'ny fiainanao dia mila tena resy lahatra tanteraka ianao ny hanome ny fiainanao ho Azy.

### Ovay ny fomba fiaina

Ambaran'ny Baiboly fa izay afafin'ny olona no jinjainy. Tsy nisy mioty katsaka izany rehefa namafy vary. Raha mamafy fahitsiana, famelan-keloka, fahalemem-panahy isika dia ireny soa toavina ireny ihany koa no hojinjantsika. Toy izany ihany koa ny amin'ny kolikoly, ny fankahalana ary ny heriseta.

**Mampiasa ny fahotantsika ny devoly mba hanimbana ny fiainantsika, ny fiarahanonina misy antsika na ny firenentsika.** Miezaka mamatotra fianakaviana manontolo ao amin'ny fomba fiana feno faharatsiana izy. Ny renibe mpamosavy, ny reny mpamosavy, ny zanaka vavy mpamosavy, ny zafikely mpamosavy... Toy izany ihany koa no atao'i Satana amin'ireo fahotana izay ezahiny fatratra ny hampiorenan azy ao amin'ny ankohonantsika. Tonga ny fotoana tsy maintsy hijoroana, mety ho ianao izany, hanovana fitondran-tena. Andriamanitra efa nampanantena fa hitahy izay tia sy mankato azy Izy hatramin'ny taranaka arivo mandimby.<sup>95</sup> "Izay mitohy manota dia avy amin'ny devoly, satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny **handrava** ny asan'ny devoly."<sup>96</sup>

### Raiso ny fahefanao ary ampiasao ny fiadian'ny vavaka

"Lazaiko aminareo marina tokoa: Na inona na inona fehezinareo ety ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanareo ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra."

"Ka dia maneke an'Andriamanitra ianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy."

"Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy..."<sup>97</sup>

Ampiasao ny fahefanao ary fenoy vavaka ny fiainanao manontolo.<sup>98</sup>

Mandany vola ny fiantsoana olona amin'ny telefona; tsy vitan'izany, fa matetika mbola miresaka amin'ny olona hafa izy, na tsy mandray antso, na diso laharana, na "messagerie vocale"! Ny antso atao amin'llay Mpanjakan'ny mpanjaka kosa maimaimpoana ary tsy mba sahirana mandray antso avy amin'ny hafa izy! "Tsy mba rendremana na matory ny mpiandry ny Israely."<sup>99</sup>

### Aoreno amin'izay lazain'Andriamanitra ny finoanao

Nitomany ity zazavavy kely iray in-dray andro satria tany ambony rihana izy ka tsy hainy ny midina mankany ambany rihana ho any amin'ny dadany. Dia hoy ny rainy taminy: "Ity aho ity, mitsambikina fa tatazako ianao!" Maizina tsy ahitana n'inon'inona anefa tery ambany; dia hoy ilay zanany: "Tsy hitako anie ianao el!" namaly azy ilay dadany hoe : "Izaho mahita anao fa mitsambikina!" Nataony izany ary notatazan'ilay rainy teo an-tsandriny izy.

Ny finoana dia fahatokiana ny zavatra tsy hita. Rehefa Andriamanitra no milaza zavatra iray dia mitana ny teniny Izy.

"Fa aroko lanao sy tilikambo mafy handosirako ny fahavaloo."

"Jehovah hiaro anao, na mivoaka na miditra, hatramin'izao ka ho mandrakizay."

"Mety manadino ny zanany minono va ny vehivavy ka tsy hamindra fo amin'ny zanaka naloaky ny kibony? Eny, mety manadino ihany Izy, Fa Izaho kosa tsy mba manadino anao."

"Fa izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany. Ary hiantso Ahy ianareo ka handeha sy hivavaka amiko, dia hihaino anareo Aho. Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra."

"Fa Andriamaniry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo."<sup>100</sup>

<sup>95</sup> Detoronomia 5.9-10

<sup>96</sup> 1 Jaona 3.8

<sup>97</sup> Matio 18.18, Jakoba 4.7, Marka 16.17

<sup>98</sup> Ny boky « Comment vivre un culte personnel passionnant » dia mamahavaha ity lohahevitra ity.

<sup>99</sup> Salamo 121.4

<sup>100</sup> Salamo 61.4, Salamo 121.8, Isaia 49.15, Jeremia 29.11-13, Romana 16.20

Nisy niteny hoe: "Raha mandostratra Satana dia mahatratra 300 000 Km no vitany ao anatin'ny iray segondra, satria izany ny hafainganam-pandehany hazavana"

## Fizahan-toetra avy amin'ny fisehoan-javatra

Davida sy Goliata<sup>101</sup>

Ao amin'ity tantara ity dia nifanatrika tamin'ny miaramilan'ny Filistina tao amin'ny lohasaha antsoina hoe Terebinta ny miaramilan'ny Israely. Niroso nihantsy ady iray sy iray amin'ny zanak'Israely Goliata ilay miaramila mahery mirefy eo hoe eo amin'ny telo metatra. "Filistina aho; ianareo kosa andevon'i Saoly. Mifidiana lehilahy avy aminareo hiady amiko. Raha mahavita mandresy ahy sy mamono ahy izy dia ho andevonareo izahay; fa raha izaho kosa no mahavita mandresy sy mamono azy, dia ho andevonay ianareo."

Nitondra hery mandravarava izany teny vitsivitsy izany; **nihorohoro fatratra** Saoly mpanjaka sy ny miaramilany rehetra. Tsy nampaninona an'i Goliata ny namerimberina ny teniny, satria naveriny maraina sy hariva nandritra ny efapolo andro izany!

Ho an'ny zanak'Israely kosa dia tsy eran'ny aina ny zava-misy, satria nahoana?

- Tsy afaka nanao na inona na inona ireo vatan-dehilahy anarivony izay efa tsy niasa intsony no sady efa nandao ny ankohonany nandre ny teniny.

- Nandreraka ny saina sy ny fahasalam'an'ny miaramila isan'andro ilay teny.

- Sady nampiety sy nampihorohoro ny vahoaka manontolo ilay teny.

Ny tenin'i Goliata no fotot'izany rehetra izany. Teny feno lainga, manopa, mampatahotra, feno fankahalana.

Indrisy fa toa manaiky izany teny izany Saoly mpanjaka sy ny miaramilany tamin'ny fahanginan'izy ireo. Ny fahavalano noho izany no mametraka ny pepetra ary mamaritra ny fitsipi-dalao na dia tsy azon'ny miaramilan'Andriamanitra izayfefiky ny fisehoan-javatra an-tsaina aza. Moa ve tsy mba afaka namantatra ny fisainan'Andriamaniny toy ny fanaony matetika teo aloha izy ireo? Moa tsy afaka nankato ny teniny? Moa tsy afaka nanaraka ny tetik'adiny? Raha mijery ny zava-misy amin'izay fomba fijery aroson'ny fahavalano antsika isika dia azo antoka fa tsy maintsy *hovesaran'ny tahotra isika*. Tsy miova ny fikasany: hovonoiko ianao na hataoko andevoko!

Tany alavitrity ny sahan'ny ady kosa nisy zatovo mpiandry ondry iray antsoina hoe Davida nitandrina ny ondriny. Nantsoin'i Saoly ho miaramila ireo zokiny telo mirahalahy, ary Jese rainy kosa naniraka azy hanontany ny vaovao mahakasika azy ireo.

Nanatona azy ireo tany am-bava ady Davida niaraka tamin'ireo sakafonentiny. Raha mbola nifampiresaka izy ireo dia indro Goliata nandroso ary namerina indray ny fiaikana fanaony. Nihemotra nanoloana azy avokoa ny miaramila manontolo! Nanontany ny miaramila mahakasika ny votoatin-dresaka Davida ary nanao fanambarana nanao hoe: "Fa mba iza io Filistina tsy mifora io no sahy miaiky ny miaramilan'Andriamanitra velona?" Nokilasian'ny zokiny ho miseho milay sy tsy haninon-tsy haninona Davida; Davida kosa nanome lamosina azy sady nanohy ny fanadihadiany.

Na ny mpanjaka aza dia nandre mahakasika ny fahalinan'ity zatovo mpiandry ondry ity ny amin'ny zava-misy ary nampiantso azy ho any aminy. Hoy Davida taminy: "Ry Mpanjaka o! Tsy tokony hisy hiraviravy tanana noho ny amin'io Filistina io. Izaho no handeha hiady aminy." Niezaka nandresy lahatra azy Saoly tamin'ny fanindriana fa tsy misy ankizy ho afaka hiady amin'ny olona goavambe izany velively. Hoy Davida namaly azy: "Ry Mpanjaka o! raha niandry ny ondrin'ny raiko aho ka misy liona na orsa avy ary maka ny ondry iray amin'ny andian'ondry dia enjehiko, kapohiko ary esoriko eny am-bavany ny hazany. Raha mikasa hanohitra ahy izy dia nokendaiko ary novoiko ho faty. Toy izany no namonoako liona sy orsa. Toy izany koa no hanaovako io Filistina jentilisa io satria nihaiky ny miaramilan'Andriamanitra velona izy. Ny Tompo izay niaro ahy tamin'ny rangotry ny liona sy orsa dia mahay miaro ahy ihany koa amin'ny fanafihan'io Filistina io."

Tamin'ny herin'ny fahatanorany sy ny fisakaizany tamin'Andriamanitra no nanatonan'i Davida. Tsara lavitra noho tara-pahazavana kely ao anatin'ny fisafotofotoana ny teniny; marina tanteraka ny teniny, mamerina amin'ny laoniny ny voninahitry ny miaramila, manome fientanentanana satria feno fanantenana. Naneho tamin'ny endrika faminaniana izay tsy sahin'ny miaramila nonofinofisina akory

<sup>101</sup> 1 Samoela 17.1-48

ilay teniny: ho faty Goliata, handositra ny miaramila fahavalao ary hahazo voninahitra sy handresy ny miaramilan'Israely.

Nanome alalana azy Saoly ary nanome azy ny fitaovam-piadiany; Davida kosa nanda satria tsy zatra mitondra ireo fitaovana ireo, naleony niatrika ilay goavambe tamin'ny alalan'ny vato kely dimy sy ny antsamotadiny. Nanatona an'i Goliata izy izay nialohavan'ny mpitondra ny ampingany sady manatona azy ihany koa. Nanao tsinontsinona ity zatovolahy ilay Filistina, nanozona azy tamin'ny andriamaniny sady niteny hoe: "Avia aty fa homeko ho sakafon'ny vorona sy ny bibidia ny nofon'ialahy."

"Ianao, hoy Davida manatona ahy amin'ny sabatra, lefona ary lefom-pohy; izaho kosa manatona amin'ny anaran'ny Tompo, Andriamaniry ny miaramilan'Israely izay nohaikainao. Anio ihany dia hatolotry ny Tompo eo ambany fahefako ianao; hovonoiko ianao ary hotapahiko ny lohanao. Anio ihany dia homeko ho sakafon'ny vorona sy ny bibidia ny fatin'ny miaramilan'ny filistina. Ho fantatry ny firenena rehetra fa manana Andriamanitra ny Israely ary ny taranak'Israely rehetra dia hahalala fa tsy mila sabatra na lefona ny Tompo mba hibatany fandresena. Izy no mifehy izao ady izao ary hatolony eo ambany fahefako ianareo."

Nanatona Goliada. Dadiva kosa nihazakazaka nanatona azy, nandray vato iray tao amin'ny kitapony ary nanipy azy tamin'ny alalan'ny antsamotady. Araka ny filazan'ity mpitoky filazantsara iray ity hoe, ity no "missile téléguidé" voalohany indrindra teo amin'ny tantara; nahazo ilay goavambe teo anelanelan'ny masonry izany". Nilentika tao amin'ny handrin'ity lehilahy ity ilay vato ary dia nidaraboka tamin'ny tany izy.

Hiseho eny an-dalantsika eny hatrany toy ny olona goavam-be mampivarahontsana ny fizahan-toetra avy amin'ny fisehoan-javatra. Raha mampitaha ny tenantsika amin'izy ireny isika sy miantehatra amin'ny herintsika ho fiatrehana azy dia ny fahakiviana sy ny tahotra no handavo antsika mandritra ny efapolo andro na mihoatra. Fa raha amin'Andriamanitsika kosa no ampitahantsika ireny, dia hiseho amin'ny tena habeny izy ireny. Hiatrika azy ireny tsy amin'ny alalan'ny lefona na ampinga isika noho izany, fa kosa mitafy ny anaran'i Jehovah Tompon'ny maro.

Inona ary no dingana mila tsaroana eto?

- Fantatr'i Davida ny fanahy izay nanjaka tamin'ny teti-dratsin'i Goliata.
- Naneho ny fahatafintohinany ampahibemaso izy.
- Nanolotena hiatrika ny fanamby izy.
- Niorina tamin'ny lesona nampianarin'Andriamanitra azy tamin'ny fisehoan-javatra lasa izy.
- Nanao teny faminaniana tamim-pinoana feno izy.
- Nanao hetsika mifanaraka amin'izany izy ary nandray avy amin'Andriamaniny izay nilaina ho fanatanterahana azy.
- Lavo ny andrarezina, niofo tanteraka ny fisehoan-javatra.

## Famaranana

**Azo eritreretina ve ny tsy hisian'ny fizahan-toetra intsony? Tsia**

"Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana..."

"Eny, izay rehetra te-ho velona amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, ...dia henjehina."<sup>102</sup>

**Azo atao ve ny manalefaka ny fizahan-toetra? Eny. Andinin-tSoratra Masina an-jatony maro no manoro alalana antsika amin'izany.**

"Izay matahotra an'Andriamanitra dia **hahita lalana ivoahana** manoloana ny fisehoan-javatra rehetra."<sup>103</sup>

" Ny fahamarinan'ny marina mandamina ny alehany; Fa ny ratsy fanahy lavon'ny haratsiany ihany."<sup>104</sup>

<sup>102</sup> Jaona 6.33, 2 Timoty 3.12

<sup>103</sup> Mpitoriteny 7.18

<sup>104</sup> Ohabolana 11.5

" Satria efa ***nitandrina*** ny teniko ny amin'ny faharetana ianao, ***Izaho kosa hiaro anao*** ho voavonjy amin'ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin'izao tontolo izao ho ***fizahan-toetra*** izay monina ambonin'ny tany."<sup>105</sup>

**Azo atao ve ny miatrika ny fizahan-toetra?** Eny, miaraka amin'i Kristy. Nandresy ny tahotra, ny hoavy tsy misy antenaina, ady, fanjakazakana, loza voajanahary, tsy fananan'anaka, fanandevozana, aretina, fitsarana, eny fahafatesana aza ireo olo-malazan'ny finoana teo alohantsika.

Paoly nanoloana ireo jentilisa sy barbariana tany Eropa dia niaritra ny karavasy, ny fitoraham-bato, ny fanaratsiana, ny loza teny an-dranomasina sy teny an-tanety, ny tsy fahitan-tory, ny hanoanana sy ny hatsiaka... Rehefa natrehana tamin'ny alalan'ny fitiavana ny Filazantsara ireo fizahan-toetra ireo dia nahafahana nandray fitahiana sesehena ary isany migoka izany izaho sy ianao amin'izao fotoana izao.

Tsy dia alavitra loatra antsika kosa i Frera André - rehefa niatrika ny aloky ny marksista tsy mino an'Andriamanitra izay nameno ny ampahatelon'ny planeta misy antsika ka nitarika fahafatesan'olona ampolony tapitrisa maro, nanangana toeram-pamoretana sy fampijaliana maro ary nitarika tahotra na taiza na taiza naleha - dia nitsangana ary nitarika mpanompo tsy tambo isaina, olona maro nanolotena hivavaka, nampiely Baiboly maro izay nitondra fahafahana ho an'ny ankamaroan'ny firenena. Manoloana ny fizahan-toetra manokana sy iombonana amin'ny hafa, andeha isika ho isan'ireo izay manaraka ny ohatry ny finoana sy ny fahasahian'ireo izay teo alohantsika.

## Famintinana ny boky

Fihavian'ny fizahan-toetra	Ohatra ao amin'ny Baiboly	Vahaolana fototra	Vokatra azo eritreretina
Andriamanitra	Abrahama	Fankatoavana	Fitahiana
Tena manokana	Lota	Fahamasinana	Fiainana mahomby
Ny hafa	Josefa	Famelan-keloka	Fantsom-pamonjena
Fahotana	Teny sy fitondran-tena	Fibebahana	Fiainana mandrakizay
Izao tontolo izao	Ilay zanaka adala	Finoana	Fanarenana
Devoly	Mpiandry Tsara / amboadia	Teny	Fandresena sy fiarovana
Fisehoan-javatra	Davida	Fisakaizana amin'Andriamanitra	Vahaolana

<sup>105</sup> Apokalypsy 3.10

## Taratasy ho an'ny mpamaky

Ry mpamaky hajaina,

Lehibe ny fizahan-toetra mahazo ny olombelona ankehitriny. Tsy maintsy miatrika ny viriosy miova endrika sy tsy laitram-panafody, ny fahalotoan'ny tontolo iainana, ny kolikoly any amin'ny sehatra avo lenta, ny tsy fandriam-pahalemana, ny fahaverezan'ny soa toavina, ny ady isika, ankoatra ny zavatsarotra maro atrehana isan'andro isan'andro. Angamba mety miatrika fotoan-tsarotra ianao na mety ho ireo akaikin'ny fonao? Jesosy, Ilay Mpiandry Tsara sy Mpanolotsaina no vahaolana faratapony ho anao.

“Fantatry ny Tompo izay hamonjeny ny tsara fanahy amin'ny fizahan-toetra sy ny hitehirizany ny olona tsy marina amin'ny fijaliana ho amin'ny andro fitsarana”

“Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masonry; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha.”<sup>106</sup>

Ny fiahiany anie hanaraka anao, hampionona anao ary hanome anao fahafahana hampita amin'ny hafa ny anarany, ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana.

Carlo Brugnoli

Fanamarihana: Toy ireo boky rehetra teo aloha, ity boky ity ihany koa dia azo atao seminara misokatra amin'ny rehetra. Na izany aza anefa, izaho sy ny vadiko ary ny ekipa rehetra ato amin'ny “Porteurs de Vie” izay afaka manaraka anay, dia te-hanompo ny olon’Andriamanitra amin'ny fampiraisana ary hametraka ho laharam-pahamehana ny fitoriana ny Filazantsara.

Noho izany raha maniry ny hanasa anay ho any amin'ny firenanao na faritra misy anao ianao dia azo misalasala manoratra<sup>107</sup> amin'ny fametrahana ho zava-dehibe ireto sosokevitra roa ireto:

- Azonao atao ve ny manangona kristiana maro araka izay azo atao avy amin'ny faritra misy anao araka ny fahasamihafana mampiavaka azy avy, mba hialana amin'ny famerimberenana ny hetsika amin'ny vondrona hafa fotoana fohy any aoriania?
- Azonao atao ve ny manomana fitoriana filazantsara miaraka na aorian'ny seminera?

---

<sup>106</sup> Apokalypy 21.4, 2 Petera 2.9

<sup>107</sup> Montolieu 79, 1010 Lausanne, Suisse. Tena vonona hamaly ny fanasana mahakasika ny asa fanompoana izahay, saing tsy afaka hiandraikitra ny lafiny fifandraisana na ny fihanaonana manokana. Misaotra manaja ireo hetaheta ireo.

## Fampahafantarana ny boky

Rehefa namaky misesy ny boky *Ahoana no hiatrehana ny fizahan-toetra* aho dia nigoka ireo torohevitra sarobidy miorina amin'ny etika kristiana. Manana hambara amin'izay rehetra mamaky azy ity boky ity.

Michel Renevier, Mpitandrina, mpanoratra ny boky "Fournaise"

Tsy maintsy mianatra miatrika fizahan-toetra ianao raha te-hahomby eo amin'ny fainanao. Ny fizahan-toetra dia mety ho avy amin':

1. Andriamanitra
2. Ny tena manokana
3. Ny hafa
4. Ny fahotana
5. Izao tontolo izao
6. Ny devoly
7. Ny fisehoan-javatra

Manolotra ny lalana tsara harahina ny Baiboly manoloana ny fizahan-toetra tsirairay; asehony ny fomba fialana aminy, ny fiatrehana azy, ny fitantanana azy, ny fandresena azy... Raha misy fanontaniana *fa nahoana* izay tena avy amin'ny fahitsian'ny fo sy eken'Andriamanitra avy amintsika manoloana ny fisantsika, dia misy ihany koa ny *satria* izay ampahafantariny antsika. Eo imason'Illy Mpahary antsika isika dia tsy toy ny kilalao, fa toy ny mpanao asatanana manoloana ny ho avintsika. Ho valin'ny finoantsika dia afaka miditra an-tsehatra amin'ny fomba mahery eo amin'ny fainantsika Izy, hatramin'ny fanovana ny fikorontanana ho lasa fitahiana.